

The background of the book cover features a lighthouse on the left, its light glowing warmly, and a vast landscape with mountains and a cloudy sky at dusk or dawn. The overall mood is serene and contemplative.

Ellen G. White Estate

# NY DIA HO EO AMIN' I KRISTY

ELLEN G. WHITE



---

# **NY DIA HO EO AMIN'**

## **I KRISTY**

---

**Ellen G. White**

**1925**

**Copyright © 2014  
Ellen G. White Estate, Inc.**



# **Information about this Book**

## **Overview**

This eBook is provided by the [Ellen G. White Estate](#). It is included in the larger free [Online Books](#) collection on the Ellen G. White Estate Web site.

## **About the Author**

Ellen G. White (1827-1915) is considered the most widely translated American author, her works having been published in more than 160 languages. She wrote more than 100,000 pages on a wide variety of spiritual and practical topics. Guided by the Holy Spirit, she exalted Jesus and pointed to the Scriptures as the basis of one's faith.

## **Further Links**

[A Brief Biography of Ellen G. White](#)  
[About the Ellen G. White Estate](#)

## **End User License Agreement**

The viewing, printing or downloading of this book grants you only a limited, nonexclusive and nontransferable license for use solely by you for your own personal use. This license does not permit republication, distribution, assignment, sublicense, sale, preparation of derivative works, or other use. Any unauthorized use of this book terminates the license granted hereby.

## **Further Information**

For more information about the author, publishers, or how you can support this service, please contact the Ellen G. White Estate at [mail@whiteestate.org](mailto:mail@whiteestate.org). We are thankful for your interest and feedback and wish you God's blessing as you read.

# Contents

Information about this Book .....	i
Teny mialoha .....	iii
TOKO I—Ny fitiavan’ Andriamanitra ny olona .....	4
TOKO II—Ny ilàn’ ny mpanota an’ i Kristy .....	11
TOKO III—Fibebahana .....	16
TOKO IV—Fiaiken-keloka .....	29
TOKO V—Fanoloran-tena .....	34
TOKO VI—Finoana sy fandraisana .....	39
TOKO VII—Porofon’ ny maha-Kristiana .....	45
TOKO VIII—Fitomboana ao amin’ i Kristy .....	53
TOKO IX—Ny asa sy ny toe piainana .....	62
TOKO X—Fahalalana an’ Andriamanitra .....	68
TOKO XI—Ny tombon-tsoa azo avy amin’ ny fivavahana.....	74
TOKO XII—Inona no hatao amin’ ny fisalasalana? .....	85
TOKO XIII—Fifaliana ao amin’ ny Tompo .....	93

## Teny mialoha

\* \* \* \* \*

Ny anaran' ity boky ity dia milaza ny asa kendreny. Jesosy irery no ambarany, ho mahay manome izay ilain' ny fanahy, ka mitarika ny dian' ny mpivahiny trotraka sy misalasala, ho amin' ny lâlan' ny fiadanana. Izy no mitarika tsimoramora ny mpivahiny mangetaheta fahamarinana ho ao amin' ny lâlan' ny fiainana ambony indrindra — lâlana miafara amin' ny fahafenoan' ny fiainana Kristiana hita amin' izay efa nandà tena tanteraka, ka manana ny finoana tsy azo hozongozenina noho ny fahasoavana sy ny fiarovan' Ilay sakaizan' ny Mpanota.

Fo malahelo maro no efa nahazo teny fampiononana sy fanan-tenana tamin' ity boky ity ary efa nanampy ny betsaka tamin' ny mpiantry ny Mpamonjy izy mba hanaraka ny diantongotr' Ilay Mpitarika masina amim-pahatokiana sy fifaliana kokoa. Antenainay fa hahatanteraka asa fanasoavana be voninahitra toy izany amin' ny maro hafa koa izy.

Raha nanindrona mafy an' i Jakoba ny fahadisoany, ka tsaroany fa lavitra an' Andriamanitra izy noho izany — Natory tamin'eritreritra izy ka nanonofy : — Indro nisy tohatra niorina tamin' ny tany, ary nipâka tamin' ny lanitra ny lohany. Ny lâlana mampitohy ny lanitra sy ny tany dia voazava tahaka izany eo anatrehan'izay mamaky ity tantaran' ny lâlan' ny fiainana ity ary teny fanomezan-toky sy fanaatenana no hita ato, ho azon' ny mpan-deha diso lâlana sy mivadi-po avy amin' Ilay mendrika hohajaina mipetraka eo an-tampon' ny tohatra mahagaga.

Enga anie ka hisy fahitana avy any an-danitra indray hiseho amin' izay mamaky ity tantaran' ny lâlan' ny fiainana mandrakizay ity.

NY EDITORA.

[8]

[9]

## TOKO I—Ny fitiavan’ Andriamanitra ny olona

Ny zava-boahary sy ny fanambarana ao anaty (révélation) dia samy mampiseho ny fitiavan’ Andriamanitra ny olona. Ny Raïntsika any an-danitra no loharanon’ ny fiainana sy ny fahendrena ary ny fialiana. Jereo ange ny zava-mahagaga sy tsara tareby amin’ ny zava-boahary è. Eritrereto ange izato fanamboarana azy mahatalanjona, ka tonga amin’ izay ilàna azy tsy ny olona ihany, fa ny zava-manana aina rehetra koa. Ny hainandro sy ny ranonorana, izay maharavoravo sy manavao ny tany; ny tendrombohitra sy ny ranomasina ary ny tany lemaka. Ireny rehetra ireny dia samy milaza amintsika ny fitiavan’ ny Mpamorona. Andriamanitra no manome isan’ andro izay ilain’ ny zava-boahariny rehetra. Izany no nanoratan’ ny mpanao Salamo ilay teny mahafinaritra hoe :

Ny mason’ izao rehetra izao miandranda Anao,  
Ary Hianao manome azy ny haniny amin’ ny fotoany.  
Manokatra ny tananao Hianao  
Ka mahavoky soa ny zava-miaina rehetra.<sup>1</sup>

Efa nataon’ Andriamanitra masina sy finaritra tanteraka ny olona tamin’ ny voalohany. Ary ny tany mahafinaritra, raha vao noharin’ ny Mpamorona, dia tsara tsy nisy kilema, na dia aloky ny fanozonana akory aza. Fa ny fandikana ny lalàn’ Andriamanitra — dia ny lalàn’ ny fitiavana — no nitondra loza sy fahafatesana. Kanefa na dia ao amin’ ny lijaliana vokatry ny fahotana aza, dia mbola miseho ihany ny fitiavan’ Andriamanitra. Voasoratra fa nozonin’ Andriamanitra ny tany noho ny nataon’ ny olona<sup>2</sup>. Tsilo sy hery, izany hoe, ny fahasahiranana sy ny fahorianana izay mahatonga ny fiainantsika ho feno fanabiana sy asa mahareraka, dia voatendry hahasoa antsika, ho isan’ ny fanamboarana ilaina amin’ ny fikasan’ Andriamanitra hampisondrotra antsika avy amin’ ny fah aravana sy ny fietrena vokatry ny fahotana.

---

<sup>1</sup>Sal.145:15,16.

<sup>2</sup>Gen.3:13.

Izao tontolo izao, na dia efa simba aza, dia tsy alahelo sy fahoriania avokoa tsy akory izy rehetra. Misy fampanantenana sy fampononana eo ami n'ny tenan'ny zava-boahary. Fa misy voninkazo eny amin' ny hery ary ny tsilo dia rakotry ny vonindraozy.

[10]

«Andriamanitra fitiavana» no voasoratra eny amin' ny tsiry vao mivelatra sy eny amim' ny ahitra vao mitsimoka. Ny vorona maha-te-ho tia izay mampiravoravo ny habakabaka amin' ny hirany mahafinaritia, ny voninkazo misoratsoratra izay mandefa ny fofony manitra mamerovero eny amin' ny aera, ny hazo mijoalajoala ao an'ala izay miravaka ny raviny maitso mavana,—ireny rehetra ireny dia mitory ny fitiavana fatratra sy ny fitandremana ambony indrindra ataon' Andriamanitra ary ny fanirianyahasambatra ny zanany.

Ny Tenin' Andriamanitra, (Baiboly), no mampiseho ny toetrany. Ary ny tenany ihany aza no nanarnbara ny fitiavany sy ny famindrampony tsy misy fetra. Raha nivavaka Mosesy nanao hoe : «Mba ampahitao ny voninahitraq aho », dia hoy Jehovah : «Izaho ham-pandalo ny fahatsaroko rehetra eo anatrehanao <sup>1</sup> ». Ary izany no voninahiny. Ary rehefa nandalo teo anatrehan' i Mosesy Jehovah, dia niantso hoe : «Jehovah, Jehovah, Andriamanitra mamindra fo sy miantra, mahari-po sady be famindrampo sy fahamarinana, mitahiry famindrampo ho an' ny olona arivo mandimby, mamela heloka sy fahadisoana ary fahotana <sup>2</sup> ». Tsy mora tezitra sady be indrafo Izy, satria «tia famindrampo <sup>3</sup> ».

Namatotra ny fontsika taminy tamin' ny famantarana tsy hita isa eny an-danitra sy ety an-tany Andriamanitra. Amin' ny zava-boahary sy ny fanehoam-pitiavana fatratra sy lalina indrindra, izay mety ho fantatr' olombelona, no nitadiavany hanehoana ny tenany tamintsika. Kanefa na dia ireny aza dia tsy tanteraka ho enti-mampiseho ny fitiavan' Andriamanitra.

Fa na dia tao aza izany rehetra izany, ny fahayalon' ny fahatsarana dia efa nanajamba ny sain' olombelona, ka dia tamin-tahotra no nanatonan' ny olona an' Andriamanitra, sady noheveriny ho masiaka sy tsy mamela heloka Izy. Efa notarihin' i Satana ny olona hihevitra an' Andriamanitra ho henjan-doatra amin' ny fahamarinana, na toy ny mpitsara masiaka, na tompontrosa loza be sady

<sup>1</sup>Eks. 33:18,19.

<sup>2</sup>Eks. 34:6,7.

<sup>3</sup>Mika 7:18.

tsy azo ifonane. Nasehony fa Andriamanitra dia tahaka ny olona mikendry tohina hahita ny tsiny sy ny fahadisoan' ny olona mba hazoany mamely sy mitsara azy. Ary ny hanaia izany aloka mainty izany, ka hampiseho amin' izao ton 'oio izao ny fitiavan' Andriamanitra tsy manam-petra no nahatongavan i Jesosy hiara-monina tamin' ny olombelona.

[11] Nidina avy any an-danitra ny Zanak' Andriamanitra mba hampiseho ny Ray. «Tsy nisy nahita an' Andriamanitra na oviana na oviana; la ny Zanakalahy Tokana, Izay ao an-tratran' ny Ray, Izy no manambara Azy<sup>1</sup> ». «Tsy misy olona mahalala tsara ny Ray, afa-tsy ny Zanaka sy izay tian' ny Zanaka hanehoana Azy<sup>2</sup> ». Raha nanontany ny anankirav tamin' ny mplanatra, ka nanao hoe : «Asehoy anay ny Ray,» dia izao no navalin' i Jesosy : «Izay ela izay no efa nitoerako teto aminareo, ka tsy mbola fantatrao ihany va Aho, ry Filipo? Izay nahita Ahy dia nahita ny Ray koa ahoana no anaovanao hoe : Asehoy anay ny Ray<sup>3</sup> ? »

Hoy Jesosy, raha nilaza ny nanirahan Andriamanitra Azy hanao ny asany ety an-tany : «Nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin' ny malahelo Izy, naniraka Ahy hitory fandefasana amin' ny mpifatotra Izy, sy fampahiratana amin' ny jamba, hanafaka izay nampahorina<sup>4</sup> ». Izany no raharahany. Nandehandeha nanao soa sy nanasitrana izay rehetra nampahorin' i Satana Izy. Nisy tanàna maromaro izay tsy nandrenesana fitolokoana noho ny aretina, satria nandeha namaky azy Jesosy, ka nanasitrana ny marary rehetra tao aminy ho vavolabelon' ny nanosoran' Andriamanitra Azy. Fitiavana sy famindrampo ary fiantrana no niseho tamin' ny andro niainany niaraka ory tamin' ny zanak' olombelona ny fonv. Naka ny fomban' olombelona Izy mba hahalalany izay ilain ny olombelona. Ny mahantre indridra sy ny manetry tena indrindra dia samy tsy nataholra ny hanatona Azy. Na dia ny ankizy madinika aza dia yoasintona hanatona Azy koa. Tian' izy ireny ny niantsampisampy sy nankeo am-pofoan' i Jesosy, ka nibanjina ilay tarehy be eritreritra sady feno fitiavana.

<sup>1</sup>Jao. 1:18.

<sup>2</sup>Mat. 11:27.

<sup>3</sup>Jao. 14:8,9

<sup>4</sup>Lio. 4:18.

Tsy nisy namelany ny tenin ny fahamarinana, nefà tamimpitiamandrarivà no nanaovany izany. Nampiasa fahakingan-tsaina ambony indrindra misy fitandremana feno fiheverana sy halemempanahy Izzy, raha nifampiraharaha tamin' olona. Na oviana na oviana anefa tsy mba nanao teny manafintohina na mamelively foana, na nampalahelohelo ireo olona mora mahatsiaro izay lazaina aminy Izzy. Tsy mba naniny ny halemen' ny olona Izzy. Nilaza ny marina Izzy, nefà tamim-pitiavana mandrakariva,. nambarany mazava tsara ny maharatsy ny fihatsarambelatsihy sy ny tsy finoana ary ny faharatsiampanahy, nefà narahindranomaso ny teny nentiny nananatra tamin' izany, Nitomany an' i Jerosalema tanàna tiany Izzy, satria nandà tsy nety handray Azy, Izay Lalana sy Fahamarinana ary Fiainana. Nandà ny Mpamonjy izy ireo, nefà mbola nihevitra azy tamim-pamindrampo ihany Izzy. Ny fiainany dia fandavan-tena sy fiheverana ny hafa. Zavatra saro-bidy teo anatrehany ny fanahin' ny olona tsirairay avy. Na dia ambony indrindra aza Izzy dia nietry tena, ka nanaja fatratra ny olona rehetra ao amin' ny ankohonan' Andriamanitra.

[12]

Ilitany tao amin' ny olona rehetra ny fanahy lavo, ka ny hamonjy izany no anton' ny nahatongavany.

Toy izany no toetr' i Kristy, raha aseho amin' ny toe-piaianany. Izany koa no toetr' Andriamanitra. Avy ao amin' ny fon' ny Ray no ihavian' ny reniranom-pamindrampon' Andriamanitra aseho ao amin' i Kristy, ka mandeha ho amin' ny zanak' olombelona. Jesosy, Ilay malemy fanahy, Mpamonjy be fiantra, dia Andriamanitra «naseho teo amin' ny nofo <sup>1</sup> ».

Hanavotra antsika no nahavelomana sy nijaliana ary nahafatesan' i Jesosy. Tonga «Lehilahy ory Izzy» mba hahatonga antsika ho isan' ny manana fifaliana mandrakizay. Navelan' Andriamanitra ny Zanany malalany, dia Ilay feno fahasoavana sy fahamarinana, hiala avy amin' ilay toerana misy voninahitra tsy hita holazaina, ho eto amin' izao tontolo izao izay efa voaloton' ny faholana sy nohamainzin' ny aloky ny fahafatesana sy fanozonana. Navelany hiala teo an-tratran' ny litiovany Izzy ka handao ny fanajan' ny anjely, mba hiaritra ny henatra, ny fanalam-baraka, ny fanetren-tena, ny fankahalana ary ny fahafatesana.

«Ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy;

---

<sup>1</sup> 1 Tim 3:16

Ary ny dian-kapoka taminy no nahasilranana antsika <sup>2</sup> ».

Hevero ange ity Izy, raha tany an' efitra, tao Getsemane, teo am-bony hazo fijaliana! Nivongaingika samy irery ny entam-pahotana Ilay Zanak' Andriamanitra tsy manan-tsiny. Nahatsiaro tao amin' ny fanahiny ny fampisarahana mahalsiravina izay alaon' ny faholana amin' Andriamanitra sy ny olona Ilay tena iray amin' Andriamanitra. Izany no nampahory Azy, ka nitenenany flay feo mampahonena hoe: «Andriamanitro ò, Andriamanitro ò, nahoana no dia mahafoy Ahy Hianao ? <sup>3</sup> » Ny nahavaky ny fon' Ilay Zanak' Andriamanitra dia ny entam-pahotana sy ny fahatsiarovana ny halehibeny ary ny fampisarahany mahalsiravina ny fanahy amin' Andriamanitra.

Kanefa izany fanatitra lehibe izany tsy natao mba hampiteraka fitiavana ao am-pon' ny Ray ho an' ny olona hahatonga Azy hamonjy. Sanatria ! «Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana <sup>4</sup> ». Tsy noho ny fanatitra fampiononam-pahatezerana nataon' ny Zanaka no itiavan' ny Ray antsika, fa efa tia antsika rahateo Izy, ka nanomana ny Zanaka ho fanatitra fampiononain-pahatezerana. Kristy no alàlana izay irotsahan' ny litiavany tsy voafetra ho amin' izao tontolo izao izay simba. «Andriamanitra ao amin' i Kristy no nampihavana izao tontolo izao taminy<sup>1</sup> ». Niaranijaly tamin' ny Zanany Andriamanitra. Tao amin' ilay fangirifiriana tao Getsemane sy ny fahafatesana tao Kalvary no nandoavan' ny fon' ilay Fitiavana tsy misy fetra ny vidin' ny fanavotana antsika.

[13] lloy Jesosy : «Ary izany no itiavan' ny Raiko Ahy, satria Izaho manolotra ny aiko mba handraisako azy indray <sup>2</sup> ». Izany hoe raha ovàna kely : «Efa tia anareo tokoa ny Raiko, kanefa tia Ahy mihoatra noho hianareo Izy, satria nanome ny aiko hanavotra anareo Aho. Tonga malalany Aho noho ny nisoloako sy niantohako anareo tamin' ny nanolorako ny aiko sy tamin' ny nitondrako ny loza sy ny helokareo fa noho Izaho natao fanatitra dia manao ny rariny Andriamanitra, raha manamarina izay mino Ahy».

---

<sup>2</sup> Isaia 53:5.

<sup>3</sup> Mat. 27:16.

<sup>4</sup> Jao 3:16.

<sup>1</sup> 2 Kor. 519.

<sup>2</sup>jao. 10:17

Tsy misy afatsy ny Zanak' Andriamanitra no mahay manatanteraka ny famonjena antsika satria Izy irery ihany, Izay teo an-tratran' ny Ray no mahay manambara Azy. Izy irery ihany, Izay mahalala ny hahavo sy halalinan' ny fitiavan' Andriamanitra no nampiseho izany. Ny zavatra latsaka noho ny fanatitra nataon' i Jesosy Kristy ho an' ny olom-bery, dia tsy ampy hampiseho ny fitiavan' ny Ray an' izao tontolo izao «Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanani-lahy Tokana.” Nomeny Izy, tsy hiara-belona fotsiny tamin' ny olona, fa hitondra ny fahotany sy ho faty hatao fanatitra. Nomeny ho an' ny taranaka efa very izy. Efa nanao ny tenany ho antonona amin' izay ilain' ny olombelona Izy. Efa nanaiky hikambana amintsika zanak' olombelona amin' ny firaisana tsy azo tapahina, na oviana na oviana Izy Izay tena iray mihitsy amin' Andriamanitra. «Koa izany no tsy mahamenatra Azy hanao ireo hoe rahalahy<sup>3</sup> ». Izy no Fanatitra sy Mpisolo vava ary Rahalahintsika, mitafy ny maha-olombelona eo anoloan' ny sezafiandrianan' Andriamanitra sady mbola hiray mandrakizay amin' ny taranak' olombelona izay navotany, ka dia Zanak' olona Izy. Hanondrotra ny olona ho afaka amin' ny fahasimbana sy ny fitambotsorana vokatry ny fahotana no anton' izany rehetra izany, ka hahatonga azy hieritreritra ny fitiavan' Andriamanitra ary hiombom-pifaliana amin' ny fahamasinana.

Ny avotra naloa hanavotana antsika sy ny fanatitra tsy misy fetra avy amin' ny Raitsika any an-danitra, amin' ny nanomezany ny zanany ho faty hisolo antsika, dia tokony hampieritreritra fatratra antsika, ny amin' ny tokony ho toetsika amin' ny

[14]

alàlan i Kristy. Feno fankalazana sy fanajana Jaona Aposloly ilay notarihin' ny Fanahin' Andriamanitra, raha nahita ny hahavo sy ny halalina ary ny sakana' ny fitiavan' ny Ray ny olombelona izay efa ho faty. Ary noho ny tsy fahitana teny ho anti-milaza ny fahalehibeazana sy ny hafatratr' izany fitiavana izany, dia niantso izao tontolo izao hijery izy, ka nanao hoe : «Endrey ! manao ahoana ny fitiavana nasehon' ny Hay ho antsika, dia ny niantsoana antsika hoe zanak' Andriam fitra<sup>1</sup> ». Akory ny hasaro-bidin' izany fitiavana omena ny olombelona, izany ! Noho ny fandikan-dalàna, dia tonga vahoakan'

<sup>3</sup>Heb. 2:11.<sup>1</sup>Jao.3:1

i Satana ny zanak' olombelona. Nefa noho ny finoana ny fanavotana nataon' i Kristy dia mety ho tonga zanak' Andriamanitra ny zanak' i Adama. Tamin' i Jesosy Kristy nitafy nofo no nanandratany ny fomba aman-toetry ny olombelona. Ny olona izay efa lavo dia napstraka indray ho amin' ny toerana izay azo iantsoana azy hoe: zanak' Andriamanitra noho ny firaisansy amin' i Kristy.

Tsy roa aman-tany izany fitiavana izany !

Zanaky ny Mpanjakan' ny lanitra! Teny fikasana saro-bidy manao ahoana re izany ! Ilevitra mendrika ny ho eritreretina lalina indrindra ! Fitiavana tsy hita polopolorina avy amin' Andriamanitra ho an' izao tontolo izao izay tsy tia azy ! Manankery mandresy ny fanahy izany hevitra izany ary manintona ho babon' ny sitrapon' Andriamanitra. Arakaraka ny andinihantsika ny toetr' Andriamanitra eo amin' ny hazavan' ny hazo fijaliana no ahitantsika famindram-po sy fitiavana ary lamelaneloka bebe kokoa, mikambana amin' ny rariny sy ny hitsiny. Ary arakaraka izany no ahafantarantsika tsara ny porofon' ny fitiavan-dehibe tsy hita fetra sy famindram-po minoatra lavitra moho izay ananan' ny reny amin' ny zanany mania.

[15]

[16]

[17]

## TOKO II—Ny ilàn' ny mpanota an' i Kristy

Nanana herin-tsaina ambony sady nijoro ny olombelona tamin' ny voalohany. Tanteraka tamin' nv maha-olona azy izy sady nifnaraka tamin' Andriamanitra. Nadio ny fisainany ary masina ny fikasany. Kanefa noho ny tsy fankatoavana dia nihasimba ny heriny ary fanaovana mamy fo velona no nisolo toerana ny fitiavana. Noho ny fandikan-dalàna dia niha-osa ny toetrary, ka raha ny herin' ny tenany ihany, dia tsy azony natao ny hanohitra ny herin' ny ratsy. Tonga babon' i Satana izy, ary toy ny 4nofon-kena mby an-tanan-tsaka 'teo aminy, raha tsy Andriamanitra no nisakana.

Ny zavatra kendren' ilay mpaka fanahy, (devoly), dia ny handrava ny fikasan' Andriamanitra ny amin' ny namoronany ny olombelona, ka hahatonga ny tany ho henidzoza sy faharavana. Tsy izany ihany, fa tiany koa ny hampiseho, fa ireny fahoriana ireny dia vokatry ny asan' Andriamanitra tamin' ny namoronany ny olombelona.

Fony mbola tsv nanota ny olona dia nanana firaisansa mahasambatra tamin' Ilay «iafenan' ny rakitry ny fahendrena sy ny fahalalana rehetra<sup>1</sup> ». Fa nony nanota izy, dia tsy nahita fifaliana tao amin' ny fahamasinana intsony, ka dia nitady izay hierena lavitra ny tavan' Andriamanitra. Ary mbola toy izany ihany no toetry ny fo tsy voaova. Tsy mifanaruka amin' Andriamanitra izy ary tsy mahita fifaliana amin' ny firaisansa aminy. Tsy mahafinaritra ny mpanota ny ho eo anatrehan' Andriamanitra. Tena tsy tiany mainty ny fikambana amin' ny olona masina. Raha avela hiditra any an-danitra aza izy, dia any amin' izay misy fo mifanaraka amin' ny an' Ilay Fitivana tsy manam-petra, dia tsy hahafaly azy akory izany. Ny heviny, ny zavatiany sy kendreny dia hifanohitra amin' izav manetsika ireo olona tsy manan-tsiny mponina ao Ho tahaka ny feo manivaka no amin' ny mozika tsaran' ny lanitra izy. Toerana fampijaliana, ho azy ny lanitra, ka ny zavatra tena iriny dia ny hiery ny tavan' Ilay manazava azy sady fototry ny fifaliany. Tsy didimpitsarana avoakan'

---

<sup>1</sup>Kolos.2:3.

Andriamanitra mba hamoaka ny ratsy fanahy tsy ho any an-danitra izany, fa izy ireo ihany no bongo mason' ny nahiny hoatry ny vivy nanitrika amin' ny tsy fiendrehany hiara mifaly amin' ny mponina ao. Aminv, dia tahaka ny afo mandevona ny voninahitr' Andriamanitra. Satriny levonina mba tsy hahita ny tavan' Ilay maty nanavotra azy.

[18]

Tsy azontsika samy irery atao ny mitsoaka avy ao amin' ny tevan' ny fahotana izay niletehantsika. Ratsy ny fontsika, nefà tsy haintsika ovàna izy, araka ny teny hoe :

«Aiza no misy madio ateraky ny tsy madio ?

Tsy misy na dia iray akory aza<sup>1</sup> »

Fandrafiana an' Andriamanitra ny fihevity ny nofo fa tsy manaiky ny lalàn' Andriamanitra izy, sady tsy hainy akory izany<sup>2</sup> ». Ny fampianarana, ny fanamboarana ny toe-tsaina, ny fampiasana ny sitra po ary ny fikirizana dia samy manana ny anjara raharahany avy, nefà eto dia samy tsy mahakehaka ireo. Metv hahatonga fahatsarana ivelany amin' ny fitondrantena ireny, fa tsy mahay manova ny fo. Tsy hainy ny manadio ny loharanon' ny fiaínana.

Raha tian-kiala amin' ny toetra feno fahotana ny olona mba ho tonga amin' ny fahamasinana dia tsy maintsy misy hery miasa ao anaty dia fiaínam-baovao izay avy any ambony. Ary Kristy izany hery izany. Ny fahasoavany ihany no mamelona ny fanahy maty, ka mitarika azy ho eo amin' Andriamanitra sy bo amin' ny fahan asinaca.

Izany no nilazan' ny Mpamony hoe : «Raha tsy ateraka indray ny oloi.a» izany hoe : Raha tsy mandray fo vaovao, faniriana vaovao, fikasana vaovao, hery mahatonga fihetsehana vaovao, izay mitarika azy ho amin' ny fiaínam-baovao, «dia tsy mahazo mahita ny fanjakan' Andriamanitra izy<sup>3</sup> »

Fahadisoan-kevitra ny hoe : Ny tenan' ny olona ihany no afaka hiasa hampitombo ny toetra tsara ao aminy. «Fa ny olona izay araky ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an' ny Fanahin' Andriamanitra, fa fahadalana aminy izany, sady tsy azony, satria araky ny Fanahy no amantarana izany<sup>4</sup> ». «Aza gaga noho ny

<sup>1</sup>Joba 14:1.

<sup>2</sup>Rom.8:7

<sup>3</sup>Jao. 3:3

<sup>4</sup>1 Kor. 2:14

nilazako taminao hoe : Tsy maintsy hattraka indray hicnareo <sup>5</sup> ». Ary izao koa no voasoratra, raha nilaza an' i Jesosy Kristy (Ilay Teny) : «Izy no nisiam-piaianana ary i»y fiaianana no fanazavana ny olona <sup>6</sup> ». «Ary tsy misy famonjena amin' ny hafa fa tsy misy anarana hafa ambanin' ny lanitra nomena ny oloi.a izay hahazoantsika famonjena <sup>7</sup> ».

Tsy ampy ny mahatsinjo fotsiny ny fahalaham-po sy ny hale-mem-panahin' Andriamanitra. Tsy ampy ny mahalala tsara ny fahendrena sy ny fahamarinan' ny lalany ary ny mahita fa izany lalana izanv dia miorina eo amin' ny fitiavana mandrakizav. Nahita izany Paoly Apoatoly, ka nanao hoe : «Manaiky aho, fa tsara ny lalana, masina ny lalana, aiy masina ny didy sady masina no tsara» Nefa tsy maintsy nanampiny izao teny mangidy izao : «Izaho kosa nofo namidy ho andevon' ny ota <sup>1</sup> ». Nisenlo manko izy noho ny fahatsiarovany, fa tsy hainy notratrarina ny fahamasinana ka hoy izy : «Indrisy ! olo-mahantrá aho ! Iza no hanafaka ahy amin' ny tenan' ity fahafatesan' ity ? <sup>2</sup> ». Toy izany no fitarai—nan' ny fo torotoro eran' ny tany rehetra hatrany halrany. Nefa tsy misy afa-tsy valiny iray monja no azo asetry ireo rehetra ireo, dia ity : «Indro ny Zanak' Ondrin' Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao <sup>3</sup> ».

[19]

Betsaka ny tarehin-javatra izay nentin' ny Fanahin' Andriamanitra hanazava ny fuhamarinan' izany ary hahatonga azy ho mora azon' ny fanahy izay maniry ho afaka amin' ny entam pahotana.

Rehefa nandositra niala tao an-tranon-drainy Jakoba noho ny nanambakany an' i Esao, dia izay vao tsaroany ny fahadisoany. Nidiran-doza indrindra sady nanjiona samy irery tafasaraka tamin' izay rehetra naha-fiadanana ny fiaianany. Ary ny hevitra izay nitambesatra tao an-tsainy, mihoatra noho ny hafa rehetra, dia ny fahatahorany fa ny fahotany no nahalapaka ny firaisansy tamin' Andriamanitra sy namoizany azy. Nidaboka nandry hiala sasatra tamim-pahorianana teo amin' ny tany mangadihady izy, ary ny nanodidina azy dia tsy

<sup>5</sup>Jao 3:7

<sup>6</sup>Jao. 1:4

<sup>7</sup>Asa4:12

<sup>1</sup>Rom. 7:16, 12, 14

<sup>2</sup>Rom. 7:4

<sup>3</sup>Jao. 1:21

nisy afa-tsy liavoana mangingina ary teo amboniny ny habakabaka feno kinlana. Kanefa raha mbola naitory izy dia nisy fahazavana mahagaga hilany : Indro teo amin' ilay tany nandriany nisy tohatra ngezahe manjavozavo miakatra ho eo amin' ny vavahadin' ny lanitra indrindra, ary teo amboniny nisy anjelin' Andriamanitra niakatra sy nidina. Arý teo an-tumpony no nandrenesany ny feon' Andriamanitra misy fampiononana sy fanuntenana. Koa dia nampahafantarina an'i Jakoba izay nifanojo indrindra amin' izay ilainy sy ny faniriany, dia Mpamony. Ary endrey ny hafaliany sy ny fankasitrahany rehefa fantany, fa na mpanota aza izy dia mahazo miverina hikamhana amin' Andriamanitia. Mampiseho an' i Jesosy, Ilay Mpanelanelana tokana amin' Andriamanitra sy ny olona, izany tohatia mahagaga hitany teo amin' nynofiny izany.

Izany tarehin-javaira izanv ihany koa no nampiasain' i Jesosy, raha niiesaka tamin' i Natenaela Jzy, ka nanao hoe : «Ho hitnnareo ny lanitra misolatra sy ny anjelin' Andriamanitia miakatra sy midina eo ambonin' ny Zanak' Olona <sup>4</sup> ». Noho nv fivadihana dia tonga fahavalon' Andriamanitra ny olona, ary tafasaraka tamin' nv lanitra ny tany. Tsy azo atao ny hivezivezy eo amin' ny hantsana manelanelata azy ron. Nefa noho Kristy dia tafatambatra tamin' ny lanitra indray ny tany. Noho ny hatsaran' i Kristy dia nasiandy tetezana teo amin' ilay hantsana izay nohadin' ny fahotana, ka dia afa-nifamoivoy tamin' ny olona ny anjely. Alain' i Kristy, amin' izao fahalemeny sy filany fanampiana izao, ny olombelona izay efa lavo, ka akambany amin' ilay Loharanon-kery tsy manam-petra.

[20] Kanefa ho foana ny fiheveran' ny olona handroso, ho foana ny fikelezana aina ataony amin' ny fanondrotana ny toetr' olombelona, raha tähiny ataony tsirambina ka hadinoiny ilay Loharauom-panantenana sy fanampiana ho an' ny zanak' olombelona efa lavo. «Ny fanomezan-tsoa rehetra sy ny fanomezana tanteraka rehetra <sup>1</sup> », dia avy amin' Andriamanitra. Tsy misy tena hatsaran-toetra tanteraka tsara, raha tsy eo amin' i Kristy. Izy irery ihany no lalan-tokana ahatongavana eo amin' Andriamanitra. Fa hoy Izy : «Izaho no lalana sy fahamariuana ary fiainana. TSY misy olona mankany amin' ny Ray afa-isy amin' ny alalako <sup>2</sup> ».

<sup>4</sup>Jao. I:51

<sup>1</sup>Jak.1: 17;

<sup>2</sup>Jao.1: 46.

Noho ny fitiavan' Andriamanitra izay mahery noho ny fahafatesana, dia onena ny zanany ety ambonin' ny tany Izy. Koa ny fanomezany ny Zanany dia fanolorany antsika ny lanitra nianontolo ho fanomezana. Ny fainan' ny Mpamony, ny fahafatesany, ny fanelanelanana ataony. ny fanoinfoan' ny anjely, ny fisoloam-bava ataon' ny Fanahy Masina, ny fiasan' ny Ray amin' ireo rehetra ireo sy amin' ny álalan' ireo rehetra ireo ary ny tombon-tsoa tsy an-ki-janona avy amin' ireo vahoakan' ny lanitra dia samy ampiasain' Andriamanitra daholo amin' ny fanavotana ny olona.

Ka dia banjino ilay fanatitra fanalamboady mahagaga izay natao ho antsika! Aoka isika hahalala ny hatsaran' ny asa sy ny herimpo izay lanin' ny Lanitra hanavotana ny very, ka hitondrana azy miverina ao an-tranon ny Hay : Tsy misy hevitra ambony na asa manan-kery kokoa azo nampiasaina, na oviana na oviana, ka tsy nampiasaina, toy ny valy soa tsy hita pesimpesenina notehirizina ho an' izay manao ny tsara, ny fanauana amimpafaliana ny lanitra, ny firaisansa amin' ny anjely, ny fiomhonana sy ny fitiavan' Andriamanitra sy ny Zanany, ny fanatsarana sy ny fampitomboana ny hery rehetra ananantsika — moa ireny rehetra ireny va tsy ampy hampirisika sy hampiezaka antsika hanao fanompoam-pitiavana avy amin' ny fo ho an' ny Mpamorona sy Mpanavotra antsika?

Ary ao an-danin' izany koa, ny litsaran' Andriamanitra izay voalaza fa hamelezaim ny fahotana, ny tody tsy azo ialana, ny fietren' ny toe-tsaintsika ary ny fandrnvana farany izay samy asehon' ny tenin' Andriamanitra dia rnanambara amintsika mba hanohitra ny fanompoana an' i Satana.

Tsy hihevitra ny famindrampon' Andriamanitra va isika ? Inona indray moa no azony atao mihontra noho izany? Andeha isika hikambana marina amin' Ilay efa tia antsika tamin' ny fitiavana mahatalanjona. Aoka isika hihatsara mba ho tonga araka iza nikasana antsika, dia ny hiovantsika ho tahaka Azy sy hanjary naman' ny anjely indray ary hifanaraka sy hiray amin' ny Ray sy ny Zanaka.

[21]

[22]

[23]

## TOKO III—Fibebahana

Ataon' ny olona ahoana ny ho mahitsy eo anatrehan Andriamanitra? Ataon' ny mpanota ahoana ny ho marina? Tsy misy afa-tsy ao amin' i Kristy ihany no ahazoantsika hifanaraka amin' Andriamanitra amin' ny fahamasinana kanefa ataontsika ahoana no fankeo amin' i Krisly? — Maro be ny olona velompanontaniana toy izany koa, dia toy ireo vahoaka tamin' ny andro Pentekosta, izay rehefa niaiky ny fahotany, dia nanao hoe: «Inona no hataonay ?» Ka ny teny voalohany navalin' i Petera izany dia ny hoe : «Mibebaha hianareo»<sup>1</sup>. Indray mandeha taoriana kelin' izay koa, dia hoy izy : «Mibebaha hianareo, ka miverena hamonoana ny fahotanareo<sup>2</sup> ».

Ny fibebahana dia tsy maintsy misy fahatsiarovana mangirifiry noho ny fahotana sy fahafoizana izany. Tsy afaka hiala amin' ny fahotana isika, raha tsy mahita ny maha-fahotana azy, ary raha tsy efa miala tanteraka tsara amin' izany ao ampontsika isika dia tsy hisy fiovana tanteraka tsara amin' ny fainantsika.

Maro ny olona no tsy mahalala akory izay atao hoe fibebahana marina. Betsaka no mahalala fa nanota, ka miova amin' ny ivelany fotsiny, satria matahotra izy, ndrao hahatonga fijaliana aminy ny ratsy nataony. Tsy izany akory anefa no tena fibebahana ambaran' ny ny Baiboly. Misento noho ny fahorianana izany, fa tsy noho ny fahotana. Toy izany ny fahorian' i Esao, rehefa hitany fa very mandrakizay ny fizokiany. Balama nihorohoro, noho ilay anjely nisakan-dàlana azy, sady nitana sabatra voatsoaka; koa dia niaiky ny fahadisoany izy, satria natahotra, fandrao maty, fa tsy nisy fibebahana marina akory tamin' izany tsy nisy fiovana tamin' izay nokasainy hatao tsy nisy fankahalana ny ratsy akory. Jodasy Iskariota koa, rehefa namadika ny Tomponv dia nikaikaika hoe : «Nanota aho, satria namadika ra marina<sup>3</sup> ».

---

<sup>1</sup> Asa 2:38

<sup>2</sup> Asa 3:19

<sup>3</sup> Mat.27:4

Fiaikena noteren' ny fanahy diso noho ny fanamelohana mahatahotra niseho teo ivelany sy ny fijerena mahatsiravina ny fitsarana izany. Ka ny vokatr' izany dia nahatonga azy ho feno tahotra fa tsy nisy fibebahana fatratra, na fo torotoro akory tamin' ny fanahiny, noho izy namadika ilay Zanak' Andriamanitra tsy manan-tsiny, ka nandà Ilay Masin' ny Israely. Toy izany koa Farao, raha nijaly noho ny fitsaran' Andriamanitra, dia niaiky noho ny fahadisoanv mba hahafahan' ny famaizana fotsiny. Kanefa niverina indray hanetra ny lanitra, raha vao sitratsitr tna ny fery

[24]

Ireo rehetra ireo dia samy nitomany noho ny vokatry ny fahotana. fa tsy nalahelo noho ny fahotana-

Kanefa rehefa ny Fanahin' Andriamanitra no miditra ao am-pon' ny olona, dia tsy maintsy hifoha ny fieritreretana Ary amin' izay ny mpanota dia mahatsinjo ny halalinana sy ny toetra masina ananan' ny lalàn' Andriamanitra, dia lalàna izay fototry ny fanjakany any an-danitra sy ety an-tany. Ilay Fahazavana izay «tonga amin' izao tontolo izao,» dia «mahazava ny olona rehetra<sup>1</sup> » ka manazava, na dia ny ao am-po tsy miloaka aza ary mampiharihary, na dia ny zavamiafin' ny aizina indrindra aza. Tonga ao amin' ny fanahiny sy ny fony ny fahalalana marina ny fahadisoana. Rehefa ny fahamarinan' i Jehovah no hitan' ny mpanota, dia mahatsiaro tahotra amin' ny fisehoana noho ny fahadisoanv sy ny tsy fahadiovany eo anairehan' I lay Mpandinika ny fo izy. Hitany ny fitiavan' Andriamanitra sy ny hatsaran' ny fahamasinana ary ny fifaliana amin' ny fahadiovana. Ka dia irioy ny ho voadio sy ny ho sitrana indray, ka ho tafaray amin' ny Lanitra.

Ilay fivavahaua nataon' i Davida taorian' ny nahalavoany no azo anehoana ny alahelo marina, noho ny fahotana. Tsotra sady vokatry ny fo ny fibebahany. Tao amin' ny fivavahany, tsy nanao izay hahafatsiny azy tamin' ny fahadisoanv akory izy, na naniry handositra ny fitsarana maha ahotra. Hitan' i Davida ny halehibeu' ny fandikany ny lalana. Hitany nv halotoan' ny fanahiny ka dia nankahala ny fahotany izy. Tsv ny famelaneloka ihany no nangatahiny, la ny fahadiovam-po koa. Niriny ny hahazo ny tifaliana avy amin' ny fahamasinana, dia ho sitrana indray, ka hifanaraka sy hiray amin' Andriamanitra. Izao no teny vokatry ny fony :

<sup>1</sup>Jao.1:9

«Sambatra ny olona izay voavela ny helony sy voasarona ny fahotany.

Sambatra ny olona izay tsv isain' i Jehovah heloka,

Ary tsy misy litaka ny fanahiny <sup>2</sup> »

«Mamindrà fo amiko, Andriamanitra ó, araka ny fahasoa vanao

Araka ny haben' nv fiantranao, vonoy ny fahadisoako

[25] Fa tsaroako nv faiiadisoako,

Ary eo anatrehako mandrakariva ny fahotako.

. . . . . Diovy hysopa aho ho afa-pahotana, dia hadio;

Sasao aho, dia ho fotosy mangatsakatsaka.

.... Amorònny fo madio aho, Andriamanitra ó;

Ary havaozy hiorina marina ny fanahiko ato anatiko.

Aza manary ahy hiala eo anatrehanao;

Aza manaisotra ny Fanahinao Masina amiko.

Ampodio amiko ny fifaliana amin' ny famonjenao;

Ary tohany fanahy mazoto aho.....

Vonjeo ho afaka amin' ny valin-drà aho, Andriamanitra o, Andriamaniry ny famonjena ahy;

Hihoby ny fahamarinanao ny vavako <sup>1</sup> ».

Ny herintsika fotsiny tsy ahefana fibebahana tahaka izany fa ny ahazoana izany dia avy amin' i Kristy irery ihany, Izay niakatra any amin' ny Avo, ka nanome fanomezana ho an' ny olona rehetra.

Amin' ny toy it.y indrindra no mahadiso ny olona betsaka, ka mahatonga azy tsy ho afaka mandray ny fanampiana izay irin' i Kristy homena azy. Heveriny fa tsy azo atao ny mankeo amin' i Kristy, raha tsy mibebaka aloha. Ary izany fibebahana izany no manomana azy hahazo famelana ny helony. Marina fa mialoha ny famelan-keloka ny fibebahana, satria ny fo torotoro sy mangorakoraka no mampahatsiaro ny filàna Mpamonjy. Kanefa moa tsy maintsy hiandry ny hoe efa mibebaka va ny mpanota, vao mahazo manatona an' i Jesosy? Moa natao ho zava-misakana ny mpanota amin' ny Mpamonjy va ny fibebahana?

Tsy misy, na dia teny kely akory aza, ao amin ny Baiboly, milaza fa tsy maintsy mibebaka aloha ny mpanota, vao mahazo mamaly ity fiantsoan' ny Mpamonjy ity hoe : «Mankanesa aty amiko hianareo

<sup>2</sup>Sal.32:12

<sup>1</sup>Sal.51:1-14

rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho hanome anareo fitsaharana<sup>2</sup> ». Toepanahy avy amin’ i Kristy no mitarika antsika ho amin’ ny fibebahana marina. Nanazava ny amin’ ity Petera, tamin’ ilay izy nandahatra tamin’ ny Israelita, ka nanao hoe : «Izy nasandrathy ny tànana an-kavanana’ Andriamanitra ho Tompo sy Mpamony, hanome fibebabana sy famelan-keloka ho an’ ny Israely<sup>3</sup> ». Tsy azontsika atao ny hibebaka, na ho voavela heloka, raha tsy ny Fanahin’ i Kristy no mamoha ny eritreritra.

Kristy no loharanon’ ny hery mampandroso marina. Izy irery ihany no mahay mamboatra ny fo ho tonga fahavalon’ ny fahotana. Ny faniriana rehstra hoamin’ ny fahamarinana sy fahadiovana, sy ny fahalalana ny ota ho ota dia fanehoana marina fa miasa ao am-pontsika ny Fanahiny.

[26]

Hoy Jesosy hoe : «Ary izaho, raha asandratra hiala amin’ ny tany, dia hitaona ny olona rehetra hanatona Ahy<sup>1</sup> ». Tsy maintsy ampahafantarina ny mpanota, fa Kristy no Ilay Mpamony izay maty noho ny fahotan’ izao tontolo izao. Ary raha mibanjina Ilay Zanak’ Ondrin’ Andriamanitra eo amhonin’ ny liao fijaliana any Kalvary isika dia hiantomboka hivelatra ao an-tsaint si ka ny zava-miafina ny amin’ ny fanavotana ary ny hatsaran’ Andriamanitra hitarika antsika ho amin’ ny fibebahana. Amin’ ny fahafatesana ho an’ ny mpanota no anehoan’ i Kristy fitiavana tsy takatry ny saina. Ary araka ny fibanjinan’ ny mpanota izany no manalemy ny fony sy manaitra ny sainy ary mampibebaka azy marina amin’ ny fanahiny.

Marina fa mety hisy olona menatra noho ny fahotany, ka mahafoy ny sasany amin’ ny fahazaran dratsiny, alohan’ ny ahatsiarovany fa sintonin’ ny herin i Kristy izy. Kanefa azo lazaina fa izay miezaka maty hihatsara, noho ny faniriana fatratra hanao ny marina, dia ny herin’ i Kristy no mitarika azy. Hery izay tsy neritreretiny akory no miasa ao amin’ ny fanahiny, ka dia velona ny fieritreretany ary dia tonga tsara ny fitondrantena miseho 00 ivelany. Ary arakaraky ny itarihan’ i Kristy azy hiandrandra ny liao fijaliana sy hibanjina Azy izay nolefondin ny fahotan’ izy mpanota, dia amin’ izay ny didy no tonga ao amin’ ny fieritreretany. Ary dia aharihariny aminy amin’ izay ny haratsian’ ny toe-piainany sy ny fahotana efa miorim-

<sup>2</sup>Mat.11:28

<sup>3</sup>Asa.5:31

<sup>1</sup>Jao.12:32

paka lalina ao amin' ny fanahiny. Ary miantomboaka hahatakatra ny fahamarinan' i Kristy izy, ka manezaka hoe : «Inona moa ny fahotana in zavatra toy izany no nilaina hatao fanalamboady noho ny Ioza nataony ? Ary moa izany fitiavana sy fijaliana ary fanetren-tena rehetra izany no tsv maintsy ilaina mba tsy hahavery antsika, fa hananantsika ny fiainana mandrakizay ?»

Mety hanohitra izany iitiavana izany sy handà tsy ho taomin' i Kristy ny mpanota, kanefa raha tsv manohitra izy dia ho voasinton i Je.sosy ary ny fahalalana ny amin' ny fikasana amin' ny famonjena hitarika azy ho eo am pototry nv liao fijaliana, ka hampibebaka azy amin' ny fahotany izay nahatonga fijaliana tamin' ilay Zanaka malalan Andriamanitra.

Izany Fanahin' Andriamanitra miasa eto amin' ny zavabohary [27] izany ihany no miteny ao am-pon' ny olombelona, ka mahateraka faniriana tsy azo lazaina amin' ny zavatra tsy ananany. Tsy mahafapo ny faniriany ny zavatry ny tany. Ny Fanahin' Andriamanitra no miteny mba hitady ireo zavatra izay hany mahay manome fiadanana sy fialan-tsasatra, dia ny fahasoavan' i Kristy sy ny fifaliana amin' ny fahamarinana. Amin' ny fiasana hita sy tsy hita rnasno no ikelezan' ny Mpamonjintsika aina hampihodina ny sain' olombelona biala amin' ny fifiam-poana amin' ny fahotana, ka ho amin' ny fitabiana tsy misy fetra izay mety bo azony ao aminy. Ho an' ireo fanaby rehetra, izay mitady foana bo afa-ketaheta, amin' ny kamory mitriatriatran' izao fiainana izao,no nampilondrana izao hafatr' Andriamanitra izao hoe : «Ary aoka bo avy izay mangetaheta; ary izay mety, aoka izy hisotro maimaim-poana aminr ny ranon' aina <sup>1</sup> ».

Hianao, izay maniry ao am-ponao ny zavatra tsara lavitra, mibatra nobo izay azon' izao tontolo izao omena, ataovy bo toy ny feon' Andriamanitra miteny amin' ny fanahinao izany faniriana izany. Mangataha Azy hanome anao fibebahana sy hanambara aminao an' i Kristy Ilay manam pitiavana tsy misy fetra sy fahadiovana tanteraka. Naseho miharihary tao amin' ny fiainan' ny Mpamonjy ilay fototry ny lalàn' Andriamanitra. dia ny hoe : Fitiavana an' Andriamanitra sy ny namana. Famindrampo sy fahafoizan-tena tanteraka no fototry ny fiainany. Koa raha mandinika Azy isika raha tahiny ny fahazavana

<sup>1</sup>Apok.22:16

avy amin' ny Mpamony no mipaka amintsika, dia ho hitantsika ny fahadisoan' ny fontsika.

Isika dia mety handoka tena koa, tabaka ilay Fariseo, ka hilaza. fa marina ny fainantsika, ara-dalàna tsy misy ho kianina ny toetsika ary dia mihevitra fa tsy misy antony ny hanetrentsika tena eo anatrehan' Andriamanitra, tabaka ny sarambaben' ny mpanota. Kanefa raha mamirapiratra ao amin' ny faahintsika ny fahazavan' i Kristy, dia ho hitantsika fa maloto isika, ho haintsika avahana ny fitiavaotena amin' izay atao sy ny fankahalana an' Andriamanitra, izay mampisolotika ny asa rehetra amin' ny fainana. Dia ho hitantsika, fa ny fahamarinantsika dia tena sahala amin' ny voro-damba maloto ary ny ran' i Kristy ihany no mahay manadio antsika amin' ny pentin' ny ota, ka manova ny fontsika hanahaka Azy.

Ny tanamasoandron' ny voninahitr' Andriamanitra sy ny famirapiratan' ny voninahitr' i Kristy miditra ao amin' ny fanahy, no mampiala ny pentina rehetra ao, ka mampihanjahànja ny fikovilavila sy ny tsinin' ny toetr' olombelona. Fa aharihariny ny faniriana tsy masina, ny tsy finoan' ny fo ary ny haloton' ny molotra. Aseho eo anatrehany ny fahadisoan' ny mpanota izay manaoana ny lalàn' Andriamanitra, ka dia tsaroany maharary sy mijaly ny fanahiny amin' ny fitadiavana ny herin' ny Fanahin' Andriamanitra. Maharikoriko azy ny tenany, rehefa ampitahainy amin' ny toetr' i Kristy, izay madio mangarangarana sy tsy misy pentimpentina.

[28]

Raha nandinika ny voninahitra nanodidina ny iraky ny lanitra izay nankeo aminy Daniela mpaminany, dia tonga tahaka ny tsinontsinona, satria nahatsiaro ny halemeny sy ny tsy fahatanterahany. Hoy izy, raha nilaza ny vokatra avy amin' ilay zava-niseho mahagaga : «Tsy nisy hery tafajanona tato amiko, fa nihasimba nivalo arika ny larehiko, ary tsy nisy hery intsony tamiko<sup>1</sup> ». Ny fanahy mangorakora toy izany dia mankahala ny fitiavan-tena sy ny fanaosana mamy fo velona, ka mitady amin'ny alàlan' ny fahamarinan' i Kristy ny fahadiovampo izay mifanaraka amin' ny lalàn' Andriamanitra sy ny toetr' i Kristy.

Lazain' i Paoly fa «araka ny fahamarinana avy amin' ny lalàna », izany hoe araka ny asa miseho amin' ny ivelany, «dia tsy mar.an-

<sup>1</sup> Dan.10:8

tsiny <sup>2</sup> ” izy. Nefa kosa hilany fa mpanota ny tenany, raha ny toe-panahy araka ny lalana no heverina. Tsy nanan-tsiny izy, raha ny vakitenin’ ny lalàna no itsarana azy, tahaka izay ataon’ ny olona. Kanefa rehefa mandinika fatratra tao amin’ ny halalinan’ ilay fitsipiky ny fitondrantena masina, ka njery ny tenany tahaka izay ijeren’ Andriamanitra azy, dia tsy maintsy nanondrika ny lohany izy, ka niaiky ny fahadisoany, fa hoy izy : «Ary izaho dia velona tsy nanan-dalàna fahiny, fa rehefa tonga kosa ny didy, dia velona indray ny ota, ka dia maty aho <sup>3</sup> ». Rehefa hitany ny hamasinan’ ny lalàra, dia niseho tamin’ ny tena haratsiany ny fahotana, ka dia foana ho azy ny fiheveran-tena.

Tsy mitovy ny fahotana rehetra eo imason’ Andriamanitra. Misy fahasamihafàny, tahaka ny eo anatrehan’ ny olona ihany koa ireny eo anatrehany. Kanefa na inona na inora tsy fitoviana izay miseho eo analrehan’ ny olona amin’ ity fahotana ity, na amin’ izany fahotana izany, dia tsy mba misy kely eo anatrehan’ Andriamanitra tsy akory izy rehetra. Milanila sv tsy tanteraka ny titsaran’ olombelona, fa Andriamanitra kosa mandanja marina ny zavatra rehetra, araka izay tena izy. Esoina fatratra ery ny mpidoroka, ka lazaina fa handroahana azy tsy ho any an-danitra ny fahotany, nefo antonontonony ihany kosa no iheveran’ ny olona ny mpiavonavona, ny mpitia tena, ny mpitsiriri-javatr’ olona. Kanefa ireo aza no tena fahotana izay maharikoriko an’ Andriamanitra, satria mifanohitra amin’ ny hatsaran-toetrary sy amin’ ny; iitiavana misy fandavan-tena izay azo atao hoe atmosfera ihetsehan’ izao tontoò izao mba tsy ho sirnba. Izay lavo amin’ ny fahotana mampiseho ny mahabiby, dia mety hanana fahatsiarovana amin’ ny henatra mahazo azy sy ny fahantrany ary ny filàny ny fahasoavan’ i Kristy fa ny mpiavonavona kosa, dia tsy mahatsiaro izay ilainy, na inona na inona, ka dia voasakana tsy ho ao am-pony Kristy izay tonga ho antsika rehetra sy ny fahasoavany tsy misy fetra tiany homena.

Ilay mpamory hetra mampalahelo izay nanao ity fivavahana ity hoe : «Andriamanitra ò, mamindrà fo amiko mpanota <sup>1</sup> ”, dia nihevitra ny tenany ho tena ratsy, sady izany koa no niheveran’ ny olona azy. Ka dia tsaroany ny fahantrany. Koa raha mbola nitambesatra teo

<sup>2</sup>Fil.3:6

<sup>3</sup>Rom.7:9

<sup>1</sup>Lio.18:13

aminy ny entam-pahadisoany sy ny henatra dia nanatona teo anatrehan' Andriamanitra izy hangataka ny famindrampony. Nosokafany ny fony mba hiasan' ny Fanahin' Andriamanitra feno fahasoavana sy mahafaka azy amin' ny herim-pahotana. Fa ny fandokafan-tenan' ilay Fariseo sy ny flvavahana manamarin-tena nataony, dia mampiseho fa tsy andairan' ny herin' ny Fanahy Masina ny fony. Noho ny fanalavirany an' Andriamanitra, dia tsy tsaroany akory ny halotoan' ny tenany izay mifanohitra amin' ny fahamasinana tanteraka ananan' Andriamanitra. Tsy tsaroany akory fa misy zavatra ilainy ka nolo izany dia tsy mandray na inona na inona izy.

Koa raha hitanao ny toetry ny fahotanao dia aza miandriv anao ho tsaralsara kokoa. Firifiry akory moa no mihevitra fa tsy mendrika hankeo amin' i Kristy izy ! Moa heverinao va fa hety ho tsaratsara kokoa hianao, raha ny herin' ny tenanao ihany ?

«Moa mahova ny hodiny va ny Etiopiana,  
Ary ny leoparda va mahova ny sorany?  
Raha izany, dia mahazo manao tsara koa  
Hianareo izay efa zatra nanao ratsy<sup>2</sup> ».

Tsy misy fanampiana ho antsika afa-tsy ao amin' Andriama-nitra ihany. Koa isika tsy tokony hiandry izay hoe, aoka hisy fahatapahankevitra fatratra, na aoka hisy fotoana metimety kokoa, na aoka ho masimasina kokoa. Tsy misy azontsika atao, raha ny tenantsika ihany. Tsy maintsy manatona an' i Kristy amin' izao toetrantsika izao isika.

Kanefa aoka tsy hisy ho diso, ka hihevitra fa Andriamanitra dia hamonjy, na dia izay manao tsinontsinona ny fahasoavany aza, noho ny halehiben' ny fitiavany sy ny famindrampony. Tsy mety ho hita ny toetra tena maharatsy ny fahotana, raha tsy eo amin' ny hazavan' ny hazo fijaliana. Raha misy olona mihevitra fa Andriamanitra dia tsara loatra, ka tsy hanary ny mpanota, dia aoka izy hanopy ny masonry ao an-tampon' i Kalvary. Tsy misy fomba hafa mety hahavoavonjy ny olona, afa-tsy io. Izany fanalamboady izany ihany no ahazoan' ny taranak' olombelona handositra hiala amin' ny herim-pahotana, ka ho tonga miray amin' ny olo-masina. Tsy azon' ny olona atao ny ho mpiombona amin' ny fiainana ara-panahy. Noho izany anton-javatra rehetra izany no nandraisan' i Kristy ho an" ny tenany ny fahadisoan'

[30]

<sup>2</sup>Jer.13:23

ny tsy mpakato, ka netezany hijaly hisolo ny mpanota. Ny Iitiavana sy ny fijaliana ary ny fahafatesan ny Zanak' Andriamanitra dia samy mampiseho ny halehibe mahatsiravina ananan' ny fahotana, ka mampiharihary, fa tsy azo atao ny hiala amin' ny heriny ary tsy misy ananana fananlenana, na dia kely akory aza, hahatongavana ao amin' ny liainana ambony, raha tsy amin' ny famelana ny fanahy ho eo amin' ny Kristy.

Indraindray ta-hanala tsiny ny tenany ireo olona mafy fo, ka hoy ny filazany an' ireo mpanao raharaha-pivavahana : «Mba tsara hoatra azy ihany koa aho. Tsy olona mandà tena, na mahalala onony, na olona mahatandrina fatratra ny fitondrantenany noho izaho izy ireo. Mba tia ny fahafinaretana sy ny fifalifaliana tahaka ahy ihany koa izy ireo». Ka dia ny I 'ahadisoan' ny hafa no anaovany an-tsirambina ny adidiny. Nefa tsy mahafa-tsiny olona, na iza na iza, ny fahadisoana sy fahotan' nv hafa, satria tsy modely olona sy tsy tonga ohatra no nomen' ny Tompo antsika. Ilay Zanak' Andriamanitra tsy manan-Tsinv no nomena antsika hatao ohatra ary izay mimenomenona amin' ny haratsiam-pitondran tena ireo mpanao raharaha pivavahana, dia izy ireo no tokony hiseho ho olona tsara faina sy faka tahaka kokoa Raha tâhiny izy manana fiheverana ambony toy izanv ao anatiny ny amin' izay tokony ho toetry ny Kristiana, moa tsy lehibe lavitra noho izany va ny fahotany . Satria fantany izay mahitsy, nefo laviny ny hanaraka izanv !

Aza mitaredretra. Aza mangataka andro hamelana ny fahotanao sy hitadiavana ny hadiovam-po ao amin' i Jesosy . Amin' ny toy ity indrindra no nahadiso olona arivoarivo, ka nahavery azy mandrakizay. Tsy dia holazaiko be loatra elo nv hafohy sy ny tsy ahazoana antoka ny liainana — kanefa aoka ho fantatsika. fa misy loza mahatsiravina, dia loza tsy fanlatra akorv, mety hiseho, raha misy mangataka andro amin' ny fiantsoana feno fitarainan' ny Fanahy Masin' Andriamanitra, fa tena lanapahankevitra hivelona amin' ny fahotana ny hataka andro toy izanv. Na toy inona na toy inona no hakelezan' ny fisehon' ny fahotana, tena fahotana ny tsy fanalana azy. Izay tsy resintsika dia handresy antsika, ka hiasa handrava antsika.

Noheverin' i Adama sy Eva fa zavatra kely tsy toy inona akory nv mihinana ilay voankazo nandrarana azy, ka angamba tsy hiseho akory ny loza izay nambaran' Andriamanitra fa ho valin' izany.

Kanefa izany zavatra kely izany no nahatonga fandikana ilay lalàn' Andriamanitra izay masina sy tsy azo ovàna. Izany no nampisaraka ny olona tamin' Andriamanitra, ka nampiditra tao amin' ny safordranon' ny fahafatesana sy ny fjjaliana mampihorin-koditra isankarazana teto amin' izao tontolo izao. Koa hatrany hatrany dia indro mitombo, fa tsy tapaka eto amin' izao tonlolo izaontsika ity ny sento. Ary na dia ny zava-boahary rehetra koa aza dia miaramisento sy miara-maiary noho ny tsy fankatoavan' ny olona. Na dia ny lanitra aza dia mahatsiaro maharary amin' izany fikomiana amin' Andriamanitra izany. Ka Kalvary no fahatsiarovana ilay fanalam-boady tsy misy toa azy hahafaka ny fandikana ny lalàn' Andriamanitra. Koa aoka tsy hataontsika ho zavatra maivana ny fiheverana izany hoe fahotana izany.

Sanay hanody anareo, na ny landikan-dalàna, na ny fanaovana tsinontsinona sy famelana ny fahasoavan' i Krisly, fa hanamafy ny fo sy hanova ny sitra-po ho ratsy ary handombo ny saina izany, ka tsy dia hoe hamela anareo ihany ho olona tsy mahay mijoro, fa olona tsy mahay mamaly intsony ny fiantsoana be fiantran' ny Fanahy Masin' Andriamanitra

Maro no nampangina ny fieritreretany mitebiteby, amin' ny ihevérany fa hainy atao ny miova amin' ny ratsy fanaony, raha tiany ho azony atao ny manao tsinontsinona ny fiantsoana avy amin' ny famindrampon' Andriamanitra, kanel a mbola hahay mandray fahasoavana ihany. Heveriny fa rahefa manao tsinon-tsinona ny Fanahin' ny fahasoavana, ka milatsaka ho fellin' i Satana, dia mbola ho azony atao ihany, rehefa tonga ny fotoana farany ahitan-doza, ny hiova fitondrantena tanteraka tsara. Nefa zavatra tsy vita inora izany. Ny fahitana zavatra samy hafa, ny *education*<sup>\*</sup>; tamin' ny andro niainana no mahatonga ny toetra, ka dia vitsy no maniry hanahaka an' i Jesosy.

Na dia liviliana kely foana amin' ny toe-piainana aza, na faniriana ratsy iray monja izay iraiketana aza, raha avela haharitra ela dia mety tsy hahazoana ny herin' ny Filazantsara. Ny fahotana rehetra izay niniana natao dia mahahery ny fivadihan' ny fanahy amin' Andriamanitra. Izay mampiseho tsy finoana noho ny hamafiam-po, na manao tsinontsinona foana ny fahamarinan' Andriamanitra, dia

---

\* Fianarana sy lampianarana hampitombo ny saina sy ny tena amam-panaby.

[32] hijinja izay nafafin' ny tenany ihany. Lazain' ny Baiboly fa tsy misy izay mahatsiravina indrindra hoatra ny loza hihatra amin' ny milalao fahotana, araka ireo tenin' ny hendry manao hoe :

«Ny heloky ny ratsy fanahy dia mahazo ny tenany ihany, Ary ny kofehin' ny fahotany no itanana azy<sup>1</sup> ».

Vonona hanala antsika amin' ny fahotana Kristy, nefà tsy tahanery ny sitrapcntsika ary arakaraka ny aharetantsika ao amin ny fandikan-dalàna no irehan' ny sitrapontsika amin' ny ratsy, ka tsy aniriantsika ho afaka kanefa raha tâhiny tsy raisintsika ny fahasoavany, inona moa no azony atao? Isika ihany 110 manameloka ny tenantsika, toy ny mandrora mitsilany, ka mahavoa tena, amin' ny ditrantsika mandà ny fitiavany. «Indro, ankehitriny no andro fankasitrahana indro ankehitriny no andro famonjena<sup>2</sup> »—«Anio raha hihaino ny feony hianareo. Aza manamafy ny fonareo<sup>3</sup> ».

Ny olona mijery ny miseho eo ivelany, fa Jehovah kosa mijery ny fo<sup>4</sup> ». — dia io fon' olombelona io izay mihetsika lalandava rehefa ifandiasan' ny fifaliana sy ny fahoriana io foio izay

mera miova sy mivadibadika sady onenan' ny tsy fahadiovana sv fitaka. Fanlany ny zavatra kendreny sy ny heviny ary ny fikasany. Na dia izany aza, mankanesa aó aminy, na toy inona na toy inona fahalotoana eo amin ny fanahiniao. Manaova toy ilay mpanao Salamo izay namela ny elity ny fony hibanabana ho hitan' ilay mahita izao rehetra izao, ka nanao hoe :

«Diniho aho, Andriamaniaa o, ary fantaro ny foko;  
Izahao toetra aho ary fantaro ny eritreritro;  
Ary izahao na misy lâlana mampahory ato anatiko,  
Dia tariho amin' ny lâlana mandrakizay aho<sup>5</sup> ».

Maro no nandray ny fivavahana, ho toy ny zavatra an-tsaina sy fombam-pahamasinana fotsiny, raha mbola tsy voadio ny fo. Koa aoka ho toy izao mandrakariva ny tivavahanareo :

«Amorony fo madio aho, Andriamanitra ò  
Ary havaozy hiorina marina ny fanahiko ato anatiko<sup>6</sup> ».

---

<sup>1</sup>Ohab.5:22

<sup>2</sup>Kor.6:2

<sup>3</sup>Heb.3:7,8

<sup>4</sup>1 Sam.16:7

<sup>5</sup>Sal.13:23,24

<sup>6</sup>Sal.51:10

Ataovy mahitsy mivantana amin' ny fanahinao izany. Aoka hafana fo, ho maharitra, raha mbola miasa koa nv ainao izay mety maty. Zavatra anapahan-kevitra amin' Andriamanitra sy nv fanahinao izany nefä iankinan' ny mandrakizay. Koa fantaro, fa fanantennana hahitanao loza ny fanantenana miorina eo ambonin' ny ota.

Diniho amim-pivavahana ny tenin' Andriamanitra. Izany Teny izany no hampiseho aminao, ao amin' ny lalan' Andriama-nitra sy ny fiainan' i Kristy, ny foto-javatra lehibe dia ny fahamasinana, izay raha tsy misy izany, dia «tsy misy olona hahita ny Tompo<sup>1</sup> ». Izany teny izany no mampiaiky ny fahotana sy mampiseho mazava ny lalàm-pamonjena Koa henoy tahaka ny feon' Andriamanitra miteny amin' ny fanahinao izany.

[33]

Raha hitanao ny halehiben' ny lahötanao, raha hitanao ny toetrao ratsy, aza kivy. Fa hamonjy ny mpanota no nahatongavan' i Kristy. Tsy misy azontsika atao hampihavana antsika amin' Andriamanitra, kanelà indro ny fitiavana mahagaga: «Andriamanitra ao amin' i Kristy, no nampihavana izao tontolo izao taminy<sup>2</sup> » Amin' ny fitiavany feno antra no anintonany ny fon ny zanany mania Tsy misy ray aman-dreny ety an-tany izay maharitra ny fahadisoana sy ny tsinin' ny zanany tahaka an' Andriamanitra amin' ny olona tadiaviny hovonjena. Tsy misy olona mety hisolo vava ny mpandika ny lalàna. Tsy misy vavan' olombelona mahazo milona ho an' ny mania tahaka izay ataon' i Kristy. Ny fikasany rehetra sy ny fliazany rehetra dia tsy inona fa fanehoau -pitavana tsy azo tononina.

Raha tåhiny Satana milaza aminao fa mpanota rain-dahiny hianao, akaro ambony eo amin' ny Mpanavotra anao ny fijerinao ary lazao ny fetezany hamonjy anao, hanampy anao ny fijerena ny famirapiratany: Mieke ny helokao ary lazao amin' ny fahavaloo fa «tonga tety ambonin' ny tany Kristy Jesosy hamonjy ny mpanota<sup>3</sup> », ka azo vonjena amin izany fitavany tsy misy fetra izany hianao.

Nanontany an' i Simona ny amin' ireo mpilrosa roa lahy Jesosy. Ny iray nananan' ny tompony vola kely ary ny iray nananany be, nefä samy navelany ny trosan' izy roa lahy. Ary Jesosy nanontany an' i Simona izay tokony ho tia ny tompony kokoa amin izy roa lahy.

<sup>1</sup> Heb.12:14

<sup>2</sup> 2 Kor.5:19

<sup>3</sup> 1 Tim.1:15

Ary hoy ny navalin' i Simona : «Ilay namoizany be<sup>4</sup> ». Mpanota indrindra isika, kanefa efa maty Kristy haha-voavela heloka antsika. Ampy hampihavana antsika amin' ny Ray ny fahamendrehan' ny sorona nataonv. Izay navelany tamin' ny be dia ho tia Azy bebe kokoa, ka hijoro eo anilan' ny seza fiandrianany kokoa ary hidera Azy noho ny fitiavany leliibe sy ny avotra tsy misy fetra nataony. Arakaraky ny ahalalantsika bebe kokoa ny fitiavan' Andriamanitra, no ahafantarantsika tsara kokoa ny haratsian' ny fahotana.

Raha tähiny hitantsika ny halavan' ny gadra navela hangeja antsika raha tähiny azontsika ao an-tsaina ny sorona tsy misy fetra nataon' i Kristy noho ny amintsika, dia ho voahetsika ny fontsika ka [34] hangorakoraka sady ho onena noho ny ota natao.

[35]

---

<sup>4</sup>Lio.7:43

## TOKO IV—Fiaiken-keloka

«Izay manafina ny fahotany tsy hambinina;  
Fa izay mitsotra ka mahafoy azy no hahazo famindrampo <sup>1</sup> ».

Tsotra sy marina sady rariny ny toetra ahazoam-pamindrampo amin' Andriamanitra. Tsy mila antsika hanao zava-mampahory mba hahazoantsika famelan-keloka ny Tompo. Tsy ilaina handeha lavitra ho any an-tany masina, toy ny fanaon' ny mpivavrka sasany isika, na hanao fampijalian-tena mba hanolorany ny fanahintsika amin' Hay Andriamaniry ny lanitra, na hanapahana ny helotsika, fa izao ihany : Izay miaiky, ka mahafoy ny fahotany no hahazo famindram-po.

Hoy ny Apostoly hoe : «Mifaneke heloka hianareo ary mifampi-vavaha mba ho sitrana hianareo <sup>2</sup> ». Ekeo amin' Andriamanitra Izay mahay mamela azy ny fahotanao ary ny fahadisoanao kosa ekeo amin' ny namanao. Raha nanao izay nampalahelo ny sakainanao, na ny mpiara-monina aminao hanao dia tokony hiaiky ny fahadisoanao aminy, ary adidiny ny hamela anao madiodio:. Ary amin' izay dia tokony hitady ny famelan' Andriamanitra hanao, satria ilay olona nampahalelovinao dia fananan' Andriamanitra, ka raha manafintohina azy hanao dia nanota tamin' ny Mpanao sady Mpanavotra azy. Koa dia entina eo anatrehan' Ilay Mpanalalana tokana sady marina izany, dia eo amin' Hay Mpisoronabentsika «izay efa nalaim-panahy tamin' ny zavatra rehetra tahaka antsika, kanefa tsy nanota », sady miara-mitondra ny fahalementsika <sup>3</sup> », ka mahay manadio antsika amin' ny pentimpahotana rehetra.

Izay tsy mampiety ny fanahiny teo anatrehan' Andriamanitra raha niaiky ny helony, dia tsy mbola nahatanteraka ny toetra voalo-hany indrindra tokony handraisana azy. Raha tsy tsaroantsika tsara fa tsy misy anenenana ny nanaovana izany fibebahana izany, raha tsy niaiky ny fahotantsika tamin' ny alahelom-panahy sy ny fango-rakoraham-po isika, ka narikoriko ny faharatsantsika. dia tsy mbola

---

<sup>1</sup> Oh. 28:13

<sup>2</sup> Jak. 5:16

<sup>3</sup> Jak. 5:16

[36]

nitady marina ny famelan-keloka isika tsy akory ary raha tsy mbola nilady isika dia tsy mbola nahita ny fiadanana avy amin' Andriamanitra. Ny anton' ny tsy nahazoantsika ny famelana ny helotsika tamin' ny lasa dia ny tsy fetezantsika nanambany ny fontsika, ka nanaiky izay lazain' ny tenin' ny fahamarinana. Toro-hevitra mazava tsara no omena ny amin' izany. Ny fiaiken-keloka, na am-pahibemaso, na amin' ny manging na. dia tsy maintsy ho vokatry ny fo sady aseho mazava. Tsy tery hanao izany anefa ny mpanota. Tsy tokony hatao amin' ny tsy fiheverana sy ny tsy fitandremana izany, na tokony hanerena ny olona izay mbola tsy mahalala ny toetra maharikoriko ananan' ny fahotana. Ny fiaiken-keloka izay mivoaka avy ao anatin' ny fo tokoa no mety ho tonga ao amin' Ilay Andriamaniry ny famindrampo tsy voafetra, fa hoy ny mpanao Salamo hoe :

«Akaikin' izay manana fo mangorakoraka Jehovah,  
Ary mamonjy izay torotoro fanahy <sup>1</sup> ».

Ny tena fiaiken-keloka marina dia mandrakariva fiovantoetra sy fitsorana amin' ilay fahotana nahavoa indrindra. Angamba fahotana tokony ho entina eo anatrehan' Andriamanitra irery ihany izany na angamba fanailntohinana tokony hekena amin' ilay olona nasian-dratsy; na angamba fahadisoana tamin' ny be sy ny maro, ka tokony hekena am-pahibemaso. Nefa ny fiaiken-keloka rehetra, na toy inona, na toy inona, dia tsy tokony hatao anjoanjo, na fao-be fa tokony ho potsirina amin' ny masom-boavahiny, dia fiaikena ilay tena fahotana indrindra izay nahadiso anao.

Niala tamin' Andriamanitra ny Zanak' Israely tamin' ny andron' i Samoela. Voan' ny valim-pahotany izy, ka he ny nanjo azy : Very ny finoany an' Andriamanitra, very ny fahalalany ny hery sy fahendren' Andriamanitra izay manapaka ny firenena, very ny fianteherana tamin' ny fahaizan' Andriamanitra hiaro sy hiady ho azy. Niala tamin' Ilay Mpanjakan' ny tany aman-danitra izy, ka naniry mba ho tapahin' ny mpanjakan' ny tany, tahaka ny firenena hafa manodidina azy. Koa talohan' ny nahitany fiadanana, dia nanao izao fiaiken-keloka izao izy, ka niteny hoe: «ha efa nanao izao ratsy izao izahay ho fanampin' ny fahotanay rehetra, satria nangataka mpanjaka. <sup>2</sup> » Ny fahotana izay tsaroany fa nahavoa azy indrindra no tsy

<sup>1</sup> Sal.34:18

<sup>2</sup> Sam.12:19

maintsy niaikeny. Nampahory ny fanahiny ny tsy fahakasitrahana, ka nampisaraka azy tamin Andriamanitra.

Tsy eken' Andriamanitra, na oviana na oviana, ny fiaikenkeloka. raha tsy arahin' ny fibebahana marina sy fihatsarantoeatra. Tsy maintsy misy fiovana mazava tsara amin' ny toepiainana ary tsy maintsy esorina izay rehetra mampalahelo an' Andriamanitra. Izany no ho vokatry ny alahelo marina noho ny ota. Ny zavatra tsy maintsy ataontsika dia aseho mazava eo anatrehantsika hoe :

«Misasà hianareo, diovy ny tenanareo,  
Esory tsy ho eo anoloan' ny masoko ny ratsy fanaonareo; [37]  
Mitsahura, fa aza manao ratsy;  
Mianara hanao ny tsara,  
Diniho izay rariny, anaro ny mpampahory,  
Omeo rariny ny kamboty, tsarao ny adin ny mpitondratena <sup>1</sup> ».

«Raha....ny ratsy fanahy....mamerina ny natao tsatoka sady mam-pody izay nangalariny ary mandeha araka ny didy mahavelona, ka tsy manao meloka, dia ho velona tokoa izy, fa tsy ho faty <sup>2</sup> ». Ary raha milaza ny asan' ny fibebahana Paoly, dia hoy izy hoe : «Fa, indro, izany nampalahelovana araka an' Andriamanitra izany in-drindra dia nahatonga fahazotoana manao ahoana tao aminareo ! eny, fialan-tsiny manao ahoana ! fahatezerana manao ahoana! fahatahorana manao ahoana! faniriana manao ahoana ! zotom-po manao ahoana! famaliana ny ratsy natao manao ahoana ! Tamin' izany rehetra izany dia nampiseho ny fahadiovanareo ny amin' izany raharaha izany hianareo <sup>3</sup> ».

Rehefa matin' ny ota ny fahalalana ara-panahy, dia tsy fantatry ny mpanao ratsy intsony ny kileman' ny fitondrantenany, sady tsy azony an-tsaina ny halehiben' ny ratsy nataony. Ary raha tsy mety manaiky ny herin' ny Fanahy Masina izay mahay mampibebaka azy izy, dia hiraikitra amin' ny fahotana ihany noho ny hajambapanahiny. Ka dia tonga tsy marina sady tsy izy ny fiaikeny heloka. Izay fitsorana noho ny hadisoany dia ampiany fanamarinan-tena ho fanalan-tsiny ny nataony, ka lazainy fa raha tsy noho izao sy izao, dia tsy ho nanao ity na io izay naniniana azy izy.

<sup>1</sup> Isa. 1:16,17

<sup>2</sup> Ezek.33:14,15

<sup>3</sup> 2 Kor. 7:11

Menatra sady natahotra Adama sy Eva raha nihinana ilay voankazo nandrarana. Ny eritreritra tao an-tsainy tamin' ny voalohany dia ny hiala tsiny amin' ny fahotany, ka ho afaka amin' ny didim-pitsarana mahatsiravina hamono azy. Koa rehefa nanontany an' i Adama ny amin' ny fahotany Andriamanitra dia namaly sady nanolaka tamin' Andriamanitra sy ny vadiny izy, ka nanao hoe: «Ny vehivavy izay nomenao ahy ho namako, izy no nanome ahy ny voankazo, ka dia nihinana aho». Ary ravehivavy kosa indray nanolaka tamin' ny menarana, ka nanao hoe : «Ny menarana no namitaka ahy, ka dia nihinana aho<sup>4</sup> ». Nahoana re no nanao ny menarana hianao è ? Nahoana re no navelanao hiditra an' i Edena izy è ? Izany no hevitra mifono ao anatin' ny fialan-tsiny nataony noho ny fahotany, dia ny mitana an' Andriamanitra ho manan-tsiny noho ny nahalavoany tamin' ny fakampanahy. Niandoha tao amin' ny rain' ny lainga ny fanamarinan-tena, ka dia mbola velon-tarazo amin' izay rehe- tra terak' i Adama, na lahy, na vavy. Tsy mba vokatry ny Fanahy Masina, ka tsy ankasitrahan' Andriamanitra ny fiaikenkeloka toy izany. Ny tena fibebahana marina dia ny mitarika ny olona hivesatra ny heloky ny tenany, ka hiaiky izany marina amin'ny tsy fihatsarambelatsihy. Tabaka ilay Farantsa mahantre, tsy nety niandrandra ny lanitra akory, ka nanao boe : «Andriamanitra ó, mamindrà fo amiko mpanota». Ary hohamarinina izay miaiky ny belony, satria ny ran' i Jeso no hifona ho an' ny fanahy mibebaka.

Izay lazain' ny Tenin' Andriamanitra bo tena fibebabana indrindra sy fanetren-tena marina dia ny mampiseho toepanahy miaiky beloka izay tsy misy fialan-tsiny, na fanamarinantena. Tsy nitady hiaro tena Paoly, fa asebony amin' ny tareby mahamainty azy indrindra ny fahotany, sady tsy beveriny akory izay hilaza ny helony ho kely. Hoy izy : «Maro ny olona masina no nohidiako tao an-tranomaizina, rehefa nahazo fahefana tamin' ny lohan' ny mpisorona aho ary raha hovonoina ireny, dia mba nandatsa-bato nanaiky izany koa aho. Ary nampijaly azy matetika tao amin' ny Synagoga rehetra aho, ka nanery azy hiteny ratsy ary satria very saina tamin' ny fahatezerako taminy aho, dia nanenjaka azy hatramin' ny tanàna any ivelany koa aza<sup>1</sup> ». Tsy nampisalasala azy akory ny nilaza hoe :

<sup>4</sup>Gen. 3:12,13

<sup>1</sup>Asa. 26:10.11

«Tonga tety ambonin’ tany Kristy Jesosy hamonjy ny mpanota, ary amin’ ireny izaho no lohany <sup>2</sup> .»

Ny fo torotoro sy mangorakoraka ary voafolaky ny tena fibebahana marina no mankasitraka ny fitiavan’ Andriamanitra azy sy ny hasaro-bidin’ i Kalvary ary tabaka ny zanaka miaiky ny helony eo anatrehan’ ny ray be fitiavana, dia ho toy izany koa no hitondran’ ny mpibebaka marina ny fahotany eo anatrehan’ Andriamanitra. Fa voasoratra hoe: «Raha miaiky ny fahotantsika isika. dia mahatoky sy marina Izy, ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho alaka amin ny tsi-fahamarinana rehetra <sup>3</sup> ». [39]

[40]

[41]

---

<sup>2</sup> 2Tim. 1:15

<sup>3</sup> 1Jao. 1:9

## TOKO V—Fanoloran-tena

Hoy ny teny fikasan' Andriamanitra hoe: «Ary hitady Ahy hi-anareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin' ny fonareo rehetra.<sup>1</sup> »

Tsy maintsy atolotra an' Andriamanitra ny fo rehetra, fa raha tsy izany dia tsy hahay hiova hitovy endrika aminy isika. Olon-ko azy amin' Andriamanitra isika, raha araka ny toetra maha-olombelona antsika. Izao no teny ilazan' ny Fanahy Masina ny toetsika : «Matin' ny fahadisoanareo sy ny fahotanareo<sup>2</sup> » — «Henika aretina avokoa ny loha rehetra,

Ary marary ny fo rehetra

Hatramin' ny faladia, ka hatramin' ny loha dia tsy misy izay tsy marary.<sup>3</sup> »

Voatana mafy ao amin' ny fandrik' i Satana isika, ka nataony «sambo-belona hanao ny sitrapony<sup>4</sup> ». Maniry hanasitrana sy hanafaka antsika Andriamanitra. Kanefa satria ilàna fiovàna tanter-aka izany, dia fanavaozana ny toetra rehetra ara-tsaina amampanahy, koa dia tsy maintsy atolotsika Azy ny tenantsika manontolo.

Amin' ny ady rehetra efa nataon' olombelona, dia ny ady amin' ny tena no ady leliibe indrindra. Ny fanolorana ny tena, izany hoe : fanolorana izay rehetra ananana ho tapahin' ny sitrapon' Andriamanitra, dia mila fitolomana fatratra nefo tsy maintsy manaiky an' Andriamanitra aloha ny fanahy, vao azo havaozina amin' ny hamasi-nana.

Ny fanjakan' Andriamanitra dia tsy miorina amin' ny fanoavana jamba, na fanapahana tsy amim-piheverana, toy izay tian' i Satana hampisehoana azy. Zavatra mihatra amin ny saina sy ny eritreritra izany. «Avia àry hifandahatra isika<sup>5</sup> », hoy ny fiantson' Andriamanitra ny olona izaynoforonony. Tsy manery ny sitrapon' ny

<sup>1</sup>Jer.29:13

<sup>2</sup>Efes.2:1

<sup>3</sup>Isa.1:5,6

<sup>4</sup>2Tim.2:26

<sup>5</sup>Isa.1:18

zava-boahariny Andriamanitra. Tsy azony atao ny handray fanajana izay atolotra Azy tsy an-tsitra-po sy tsy amim-piheverana. Misakana ny tena fandrosoana rehetra, na ny momba ny saina, na ny toe-panahy, ny fanaovana an-tery fotsiny. Mahatonga ny olona ho toy ny rnivilina fotsiny izany. Tsy toy izany anefa ny fikasan Ilay Mpamorona. Ny olombelona izay tampon-dohany amin' ny asan' ny tanany, dia iriny mba hahatratra izay fandrosoana farany ambony indrindra azo tratrarinia. Asehony eo anoloantsika ny hahavon' ny fitahiana izay iriny hitondrana antsika amin' ny fahasoavany Angatahiny hanome, Azy ny tenantsika isika, mba hahaizany mampiasa ny sitrapony ao amintsika. Anjarantsika ny mifidy, raha tiantsika ny ho esorina amin' ny fanandevozan' ny ota, ka hiara-manana ny fahafahana be voninahitra amin' ny zanak' Andriamanitra.

[42]

Raha manome ny tenantsika ho an' Andriamanitra isika, dia tsy maintsy mamoy izay rehetra mampisaraka antsika aminy. Izany no nanaovan' ny Mpamony hoe : «Hianareo rehetra izay tsy mahafoy izay rehetra anananareo, dia tsy azo ekena ho mpianatro.<sup>1</sup> » Na inona na inona mampiala ny fo amin' Andriamanitra dia tsy maintsv afoy. Mamóna no sampin' ny maro. Ny fitiavam-bola sy ny fitadiavan-karena no gadra volamena mama\* totra azy amin' i Satana. Laza sy voninahitra araka ny nofo no ivavahan' ny sasany. Ny fampiadanan-tena sy fahafahana amin' ny adidy no sampin' ny sasany. Tsy maintsy tapahina avokoa anefa ireny fatorana manandovo ireny. Tsy azontsika atao ny hizara roa, ka ny an-tsasany ho an' Andriamanitra, ary ny an-tsasany ho an' izao tontolo izao. Tsy zanak' Andriamanitra isika, raha tsy zanany manontolo.

Misy olona izay milaza ho manompo an' Andriamanitra, neha ny herin' ny tenany ihany no ianteherany ho enti-mankatò ny lalana sy hananana toe-panahy tsara ary hahazoana famonjena. Tsy mba voahetsiky ny fieritreretana lalina ny amin' ny fitiavan' i Kristy ny fony, nefà izy mitady hanatanteraka ny adidy amin' ny toe-piaínana kristiana izay ilain' A ndriamanitra aminy, mba hahazoany ny lantitra. Tsinontsinona ny fivavahana toy izany. Raha mitoetra ao am-po Kristy dia ho feno ny fitiavana Azy sy ho diboky ny fifaliana noho ny firaísana aminy ny fanahy, ka hifikitra aminy ary ho hadino aza ny tena noho ny fieritreretana azy. Ny fitiavan' i Kristy no vy mi-

<sup>1</sup> Lio.14:23

aina manetsika amin' ny atao rehetra. Izay mahatsiaro ny fitiavan' Andriamanitra azy, dia tsy hanao toy ny olona sasany tamin' ny tany gasy fahiny : Mitady telo-polo hamidy andevolahy, nefà mifidy variroaventy hatao rakitra. Tsy ny fetra ambany indrindra no kendreny, fa ny hifanaraka tanteraka amin' ny sitrapon' Ilay Mpanavotra azy. Mahafoy ny zavatra rehetra izy, noho ny faniriana fatratra, ka mampiseho fitiavana sy hafanam po arakaraka ilay zavatra tadiaviny. Raha faneke na an' i Kristy, nefà tsy misy izany fitiavana lalina izany, dia tsy inona fa bedibedy foana, fomba fotsiny mahakamo ary raharaha mandreraka tsy misy vokatra.

Moa alaonao va fandavan-tena be loatra ny mahafoy ny zavatra rehetra ho an i Kristy ? Anontanio ny tenanao, ka ataovy hoe : «Inona no efa nomen' i Kristy ahy ?» Efa nanome izay azy rehetra ny Zanak' Andriamanitra— dia aina, fitiavana, ary fijaliana hanavotana antsika. Ka mety va raha isika izay tsy mendrika izany fitiavana lehibe izany no tsy hanolotra ny fontsika ho Azy ? Isaky ny indray mipy maso amin' ny andro iainantsika dia mandray ny fitahiam-pahasoavany isika, ka izany indrindra aza mantsy no tsy ahatakarantsika mazava tsara ny halalinan' ny tsy fahalalana sy ny fahoriana izay namonjena antsika. Azontsika atao ve ny hijery Ilay nolefonina noho ny fahotantsika, nefà mbola hamotsifotsy ny fitiavany sy ny fahafoizan-tenany ihany ? Koa raha ny fanetren-tenan' ny Tompon' ny voninahitra no neverina, moa himonomonona va isika, raha fahoriana sy fanambanian-tena koa no ahazoantsika miditra amin' ny fiainana ?

Izao no fanontaniana ataon' ny fo be avona : «Nahoana aho no tsy maintsy mibebaka sy manetry tena, vao mahazo matoky fa mandray ahy Andriamanitra ?» Indro Kristy asehoko anao : Tsy nanana ota Izy. Ary mihoatra noho izany aza : Mpanjakan' ny lanitra Izy, nefà natao ho ota hisolo ny olombelona.

«Ary natao ho isan' ny mpanota Izy  
 Eny, Izy no nitondra ny fahotan' ny maro,  
 Sady manao fifonana ho an' ny mpanota <sup>1</sup> ».

Inona anefa no atolotsika, raha mahafoy ny zavatra rehetra isika, ? — Fo voaloton' ny ota hodiovin' i Jesosy, hosasan' ny rany ary hovonjen' ny fitiavany tapitra ohatra. Nefà na izany aza, dia mbola

<sup>1</sup> Isa.53:12

heverin' ny olona ho mafy ny mamoy ny zavatra rehetra ! Menatra aho mandre olona milaza izany ary mangasihasy eto am-panoratana azy.

Tsy izay zavatra mahasoa antsika raha tanana no ilain' Andriamanitra homena Azy. Izay hahasoa antsika zanany no kendreny amin' izay rehetra ataony. Tiako raha izay rehetra tsy mbola nifidy an' i Kristy no mba mahalala fa manan-javatra hatolotra azy Izy, dia izay tsara lavitra noho izay tadiaviny ho an' ny tenany aza. Manao izay tsy rariny leliibe indrindra amin' ny fanahiny ny olona, raha mihevitra na manao zavatra mifanohitra amin' ny sitrapon' Andriamanitra. Tsy misy tena fifaliana mety ho hita ao amin izay lèlana raràn' Ilay mahalala sady mandahatra izay tsara indrindra ho an' ny asan' ny tanany. Lèlan' ny fahoriania sy fahafatesana ny lèlan-pahotana.

Diso ny mihevitra fa Andriamanitra dia faly mahita ny zanany mitondra fahoriania. Maniry ny hahasambatra ny olornbelona ny nyponina rehetra ao an-danitra. Tsy misakana ny ny lèlam-pifaliana ho any amin' ny asan-tànany, na iza, na iza, ny Raïntsika any andanitra. Ny ilain' Andriamanitra amintsika dia ny hialantsika amin\* ireny fanaranam-po ireny izay miteraka fahoriania sy fahadisoam-panantenana ary mandrindrina ny varavarana' ny fahasambarana sy ny lanitra tsy hidirantsika. Ny Mpanavotra izao tontolo izao dia mandray ny olombelona amin' izao toetrany izao, dia amin' ny filàny sy ny tsininy ary ny fahalemeny rehetra tsy ny hanadio amin ny fahotana sy hanome fanavolana amin' ny rany ihany no ataony, fa ny hampionona ny fanirian' ny fon' izay rehetra manaiky hitondra ny ziogany sy hivesatra ny entany. Kasainy homena fiadanana sy fialantsasatra izay rehetra manatona Ázy hila ny mofon' aina. Ny hany ilainy amintsika dia ny hanao ireo adidy izay mitarika ny diantsika ho any an-tampon' ny fahasambarana izay tsy ho tratry ny mpandà, na oviana na oviana. Ny tena aim-panahy marina sady be fifaliana dia ny manana an' i Kristy, Ilay fanantenan' ny voninahitra ao am-po.

[44]

Maro no manontany hoe : «Ataoko ahoana no fanolotra ny tenako ho an' Andriamanitra? Ta-hanolo-tena ho Azy hianno, nefasy ampy herin-tsaina, andevozin ny fisalasalana sady gadran' ny fahazaran-dratsy. Tahaka ny mànda fasika ny fanaikenao sy ny fikasanao. Samy tsy liainao fehezina, na ny sainao, na ny zava

mitaona anao, na ny fitiavanao. Ny fahalalanao fa tsy tanteraka ny fikasanaoary tsy lavorary ny fanekenaو, dia manalemy ny fahatokiana amin' ny fahamarinan' ny tenanao, ka mahatonga anao hihevitra fa tsy mahay mandray anao Andriamanitra, nefo tsy tokony hamoy fo hianao. Izay tokony ho fantatrao dia ny tena herin' ny sitra-po.

Izany no mahafehy, na ny herin' ny toetr' olombelona, na ny herin' ny fanapahan-kevitra, na ny herin' ny safidy.

Miankina amin' ny herin' ny sitra-po ny zavatra rehetra. Efa nomen' Andriamanitra ny olombelona ny herin ny safidy, ka anjarany ny mampiasa izany. Tsy liainao ny manova ny fonao tsy hain' ny tenanao ny hanome ny fitiavanao ho an' Andriamanitra, nefo azonao atao ny mifidy hanompo Azy. Azonao omena Azy ny sitraponao ary amin' izay dia hiasa ao anatinao Izy amin ny fikasana sy ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony. Koa dia ho tonga ao ambany fanapahan' ny Fanahin' i Kristy ny tena amam-panahinao rehetra ary dia hiompana aminy ny fitiavanao ary hifanaraka amin' ny Azy ny hevitrao.

Mety ny faniriana ho tsara sy masina, nefo raha mijanona amin izany fotsiny hianao, dia tsy hisy asany na inona na inona izany. Maro amin izay manantena sy maniry fotsiny ny ho kristiana no ho very. Tsy mbola tapa-kevitra hanolotra ny sitrapony hoan' Andriamanitra izy. Tsy mbola nify ny ho tonga kristiana izy

Ny fampiasana' ny sitra-po araka ny rariny, dia mety hampisy fiovana tanteraka ao amin' ny toe-piaiananao. Raha manolotra ny sitraponao ho an' i Kristy hianao, dia manolotra ny tenanao hiandany amin' ilay herv izay ambony noho ny hery sy ny fanapahana rehetra amin' izao tontolo izao. Hahazo hery avy any ambony hanohana anao hiorina mafy hianao ary noho ny fanoloranao ny tenanao ho an' Andriamanitra lalandava dia ho hainao ny mivelona amin' ny fiaianana vaovao, dia fiaianana miantehitra amin' ny finoana.

[45] [46]

[47]

## TOKO VI—Finoana sy fandraisana

Noho ny fieritreretanao efa novelomin' ny Fanahy Masina, dia mba efa misy hitanao ny faharatsian' ny fahotana, ny heriny, ny hadisoany ary ny loza avy aminy, ka maharikoriko anao ny ny mihetitra azy. Tsaroanao fa ny fahotana no nampisaraka anao tamin' Andriamanitra, sady voafehin' ny heriny ratsy hianao. Ary arakaraky ny hamafin' ny iezahanao hiala aminy, no ahatsiarovanao bebe kokoa ny halemenao. Maloto ny hevitrao; tsy madio ny fona. Fantatrao fa efa feno fitiavan-tena sy fahotana ny fiainanao. Koa dia maniry mba havela heloka sy hodiovina ary hovotsorana hianao. Ary raha izay hoe fifanarahana amin' An-driamanitra, na fitoviana aminy, inona moa no azonao atao hahazoana izany ?

Fiadanam-po no ilainao, izany hoe, famelan' Andriamanitra ny helokao sy fihavanana aminy ary fitiavana ao am-po. Vola amankarena tsy mahavidy izany fahaizana tsy mahazo azy fahendrena tsy mahatakatra azy, tsy mahazo manantena velively ny hahazo izany hianao, raha amin' ny herin' ny tenanao fotsiny. Nefa Andriamanitra mety manome azy ho anao maimaim-poana, «tsy amim-bola, na amin-karena<sup>1</sup> ». Anao izany, raha mety manatsotra ny tànanao handray azy hianao. Hoy Jehovah hoe :

«Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo,  
Dia ho fotsy tahaka ny oram-panala,  
Na dia mangatrakatraka tahaky ny sily aza,  
Dia ho tahaka ny volon' ondry fotsy<sup>2</sup> ».

«Homeko fo vaovao hianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo<sup>3</sup> ».

Efa niaiky ny fahotanao hianao, ka tena niala taminy tokoa. Efa ninia hanome ny tenanao ho an' Andriamanitra hianao, ka dia manatôna Azy, ary angalaho Izy hanadio ny fahotanao sy hanome anao fo vaovao, ary minoa fa hanao izany Izy, satria efa nanaiky fa

---

<sup>1</sup> Isa.55:1

<sup>2</sup> Isa.1:18

<sup>3</sup> Ezek 36:26

hanao. Izany no lesona nampianarin' i Jesosy, fony Izy tety ambonin' ny tany, fa izay fanomazana eken' Andriamanitra homena antsika, ka inoantsika, fa horaisina tokoa, dia ho azontsika. Nanasitrana ny aretin' ny olona izay nino ny heriny Jesosy. Nanampy azy tamin' ny zavatra hita maso Izy mba hahatonga ireo hatoky Azy amin' izay tsy hitany, ka hitarika azy hino ny heriny hamela heloka. Nolazainy mazava izany tamin' ny nanasitranany ilay lehilahy mararin' ny paralysisa, fa hoy Izy: «Fa mba ho fantatrareo fa ny Zanak' olona manana fahefana ety ambonin' ny tany hamela heloka, (dia hoy Izy tamin' ilay mararin' ny paralysisa) : Mitsangàna, bëtao. ny fandrianao, ka modia any an-tranonao<sup>1</sup> » Toy izany koa no nolazain' i Jaona Evanjelista, raha nanambara ny fanjakan' i Kristy, fa hoy izy hoe: «Fa voasoratra izao, mba hinoanareo fa Jesosy no Kristy Zanak' Andriamanitra, ary mba hanananareo fainana amin ny anarany, raha mino hianareo<sup>2</sup> ».

Ny tantara tsotra ao amin' ny Baiboly milaza ny nanasitranan' i Jesosy ny marary, dia ahazoantsika manantena famelankeloka avy aminy. Aoka ange hotodihintsika ny tantaran' ilay nararin' ny paralysisa tany Betesda. Tsy nahavonjy tena Rangahy mahantara io tsy afa-nampiasa ny tongony aman-tànanay izy nandrity ny valo amby telo-polo taona. Nefa Jesosy nandidy azy hoe : «Betao ny fandrianao, ka mandehàna3». Tokony ho namaly ilay lehilahy narary, ka nanao hoe : «Tompoko, raha hanasitrana ahy Hianao, dia hanaiky ny teninao aho». Nefa tsy izany no nataony, fa nino ny tenin' i Kristy izy nino izy fa sitrana, ka dia nitsangana niaraka tamin' izay. Nanao araka ny tenin' i Kristy izy, ka dia nomen' Andriamanitra hery. Dia sitrana izy.

Mpanota toy izany koa hianao. Tsy azon' ny tenanao atao ny hahafaka ny fahotanao tamin' ny lasa tsy hainao ny hanova ny fonao, ka hahatonga ny tenanao ho masina. Nefa manaiky hanao izany rehetra izany ho anao amin' ny alàlan' i Kristy Andriamanitra. Minoa izany teny fikasana izany. Itsory ny fahotanao, dia manolora tena ho an' Andriamanitra. Miniava hanompo Azy. Ary araka ny anaovanao izany indrindra no hanatanterahan' Andriamanitra ny teniny aminao. Raha mino izany teny fikasana izany hianao, — raha

<sup>1</sup> Mat.9:1

<sup>2</sup> Jao.20:21

mino fa voavela heloka sady voadio hianao, dia hanefa ny anjarany kosa Andriamanitra ka ho sitrana hianao, dia tahaka an' ilay lehilahy nararin' ny paralysisa nomen' i Kristy hery ho afa-mandeha, rehefa nino fa sitrana ny tenany.— Toy izany koa hianao raha mino.

Aza miandry hahatsiaro sitrana hianao, fa ataovy hoe : «Mino aho fa sitrana izany tokoa, tsy satria nahatsiaro fa sitrana, fa satria fikasan' Andriamanitra ny hanasitrana ahy».

Hoy Jesosy : «Na inona, na inona tononinareo amin' ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray hianareo, dia ho azonareo izany <sup>3</sup> .» Misy fepetra amin' izany fanekena izany, dia ny amin' ny hivavahantsika araka ny sitrapon' Andriamanitra. Fa sitrapon Andriamanitra ny hanadio antsika ho ufaka amin' ny fahotana sy ny hanangana antsika ho zanany ary ny hananantsika toe-piainana masina. Ka dia mahazo man- gataka ireny fitahiana ireny isika, ary minoa fa voaraintsika izy, dia misaora an' Andriamanitra fa efa voaraintsika tokoa ireny. Tombon-tsoa ho antsika ny ahazoa-manatona an' i Jesosy hodioviny, ka hitsangana tsy amin-kenatra na ama-nenina eo anatrehan' ny lalàna. «Ary amin' izany dia tsy misy fanamelohana ho an' izay ao amin' i Kristy Jesosy, — izay tsy mandeha araka ny nofo, fa araka ny fanahy. <sup>1</sup> »

[49]

Hatramin' izany dia tsy an' ny tenanao intsony hianao, fa olomboavidy. Tsy zavatra mety ho simba tahaka ny volafotsy sy ny volamena no nanavotana anareo.... fa ny ra soan' i Kristy, toy ny ran' ny zanak' ondry tsy misy kilema ary tsy misy pentimpentina <sup>2</sup> ». Amin' izany finoana tsotra an' Andriamanitra izany, no efa naharian' ny Fanahy Masina fiainambaovao ao am-ponao. Toy ny zazakely vao teraka ao amin' ny ankohonan' Andriamanitra hianao, ka tiany tahaka ny itiavany ny Zanany.

Koa satria efa nomenao an' i Kristy ny tenanao, dia aza mihemotra na miala aminy, fa manaova isan' andro hoe : «An' i Kristy aho efa nomeko Azy ny tenako». Ary angataho Izzy mba hanoine anao ny Fanahiny, sy hitahiry anao amin' ny fahasoavany. Ary satria ny fanoloranao ny tenanao ho an' Andriamanitra sy ny finoanao Azy no mahatonga anao ho zanany, dia aoka ho araka izany koa no hivelomanao ao aminy. Hoy ny Apostoly hoe: «Tahaka ny nandraisana

<sup>3</sup> Mar.11:21

<sup>1</sup> Rom.8:1.4

<sup>2</sup> 1Pet.1:18-19

an' i Kristy Jesosy Tompo, dia mandehana ao aminy araka izany koa <sup>3</sup> ».

Ny olona sasany mihevitra, fa tsy maintsy mihatsara aloha, sady tsy maintsy mampiseho fiovan-toetra eo anatrehan' Andria-mani-tra, vao mahazo mandray ny fitiavany. Nefa na dia amin' izao aza, dia mety ho azony ihany ny fitahian' Andriamanitra. Tsy maintsy manana ny fahasoaavany izy, dia ny Fanahin' i Kristy mba hanampy azy amin' ny fahalemeny, fa raha tsy izany dia tsy hahatohitra ny ratsy izy. Tian' i Jesosy ny hanatonantsika Azy amin' izao toe-trantsika izao, dia izao ratsy sy malemy ary tsy mahaleo tena izao. Azontsika atao ny mitondra ny fahalementsika sy ny fahadalantsika ary ny faharatsiantsika ho eo aminy, ka hiankohoka eo an-tongony amin' ny fibebahana. Voninahitra ho Azy ny misakambina amin' ny tanam-pitiavana sy ny mamehy ny ferintsika ary ny manadio antsika ho afaka amin' ny fahalotoana rehetra.

Izao no mahadiso ny olona betsaka : Tsy mino izy fa tena ave-lan' i Jesosy ny helony. Tsy mitana an' Andriamanitra amin' ny tony nataony izy. Tombon-tsoa ho an' izay rehetra manaiky ny fiantsoana ny mahalala fa ny famelan-keloka dja omena maimaim-poana hanafaka, na ota inona, na ota inona. Esory ny fisalasalana amin' ny fiheverana hce tsy kasaina ho anao ny teny fikasan' Andriamanitra. Ho an' ny mpanota mibebaka rehetra izany. Hery sy fahasoavana efa voaomana amin' ny alalan' i Kristy no entin' ny anjely mpanompo ho an ny fanahy mino rehetra. Tsy misy olona, na ratsy toy inona, na ratsy toy inona, ka tsy hahita hery sy fahadio-vana ary fahamarinana ao amin' i Jesosy Izay efa maty nisolo azy. Miandry izy mba hanendaka ny fitafiany voapentina sy voaloton' ny ota, ka hampiakanjo azy ny akanjo fotsin' ny fahamarinana maniry ny hahavelona azy Izy, fa tsy ny hahafaty azy.

Tsy tahaka ny fifampiraharahantsika samy olombelona no ira-haranan' Andriamanitra amintsika. Ny heviny dia hevi-piantrana, hevi-pitiavana, hevi-pamindrampo. Hoy Izy :

«Aoka ny ratsy fanahy hahafoy ny lalany,  
Ary ny tsy marina hahafoy ny heviny  
Ary aoka hiverina ho amin' i Jehovah ireny,  
Fa hamindra fo aminy Izy,

<sup>3</sup> Kolos.2:6

Eny, ho amin' Andriamanitra,  
 Fa hamela heloka dia hamela heloka tokoa Izy <sup>1</sup> ».  
 «Izaho efa nandevona ny fahadisoanao tahaka ny fandevona ny za-vona,  
 Ary ny fahotanao tahaka ny rahona <sup>2</sup> ».

«Fa tsy sitrako ny fahafatesan' izay maty, hoy Jehovah Tompo. Koa mibebàha hianareo mba ho velona <sup>3</sup> ». Vonona hanala ny toky omen' Andriamanitra anefa Satana. Ta-hanaisotra ny fanantenana mamelelovelo sy ny fahazavana kely mangirana ao am-po izy, nefo aza avela hanao izany. Aza henoina ny feon' ny mpaka fanahy, fa valio hoe : «Efa maty Jesosy mba hahavelona ahy. Tia ahy Izy ary tsy sitrany ny hahafatesako. ManandRay be indra-fo any an-danitra aho, ary na dia efa naniratsira ny fitiavany aza aho, na dia efa nandanilany foana ny fitahiana eta nomeny ahy aza aho, hitsangana aho dia hanatona ny Raiko, ka hanao hoe : «Efa nanota tamin' ny lanitra sy teo anatrehanao aho, ka tsy miendrika halao hoe zanakao intsony fa ataovy tahaka ny anankiray amin' ny olona karamainao aho <sup>4</sup> ». Dia hoy ny filazan' ny fanoharana aminao ny fomba nandraisana an' ilay mpirenireny : «Fa raha mbola lavitra izy, dia tazaa-drainy, ary onena azy izy ka nihazakazaka, dia namihina ny vozony sady nanoroka azy <sup>5</sup> ».

Nefa na dia ity fanoharana feno fitiavana sady mampaogorokoraka ity aza. dia tsy mbola ampy hilazana tsara ny famin- drampo tsy misy fetra ananan' Ilay Ray any an-danitra. Hoy Jehovah, raha niteny tamin' ny mpaminany :

«Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao,  
 Koa izany no nampaharetako famindrampo ho anao <sup>1</sup> .»

Raha mbola lavitra ny tranon' ny Ray ilay rapanota, ilay nandanilany foana ny fananany tany an-tany lavitra, dia nangoraka azy kosa ny fon' ny Ray ary ny faniriana rehetra ao am-po izay voahetsika hiverina amin' Andriamanitra, dia tsy inona fa fitaoman' ny Fanahy

[51]

<sup>1</sup> Isa.55:7

<sup>2</sup> Isa.44:22

<sup>3</sup> Ezek.I8:22

<sup>4</sup> Lio.15:18.19

<sup>5</sup> Lio.15:23

<sup>1</sup> Jer. 31:3;

izay manambitamby sy miangavy ary mitaona ny mpirenireny ho ao amin' ny fon' Ilay Ray feno fitiavana.

Moa mbola misy isalasalanao ihany va izany teny fikasana mahafratra-po avy ao amin' ny Baiboly, ka voapetraka eo anoloanao izany ? Raha ny mpanota mahantre no maniry hiverina ka ta-handao ny fahotany, moa ataonao va fa hisakana azy aminkatezerana Andriamanitra mba tsy hibebahany eo an-tongony ? Mialà amin' ny hevitra toy izany ! Tsy misy zavatra mety manimba kokoa ny fanahinao, mihoatra noho ny iheveranao an' Andriamanitra Ray ho toy izany. Halany ny fahotana, nefy tiany ny mpanota, ka nanolotra ny tenany tamin' ny alalan' i Kristy Izy, ka hovonjena izay rehetra mety mba banana fahasambarana mandrakizay ao amin' ny fanjakan' ny voninahitra. Inona moa no teny mahery kokoa, na feno antra kokoa azo ampiasaina ho enti-manambara ny fitiavany antsika mihoatra noho ilay efa nolazainy hoe :

«Mety manadino ny zanany minono va ny vehivavy  
Ka tsy hamindra fo amin' ny zanaka naloaky ny kibony?  
Eny, mety manadino ihany izy,  
Fa Izaho kosa tsy mba manadino anao <sup>2</sup> »

Akaro ambony kokoa ny fijerinareo izay misalasala sy mangovitra, fa velona hanao fifonana ho antsika Jesosy. Isaorana anie Andriamanitra, noho ny nanomezany ny Zanany malalany, ary mangataha mba tsy ho foana ny nahafatesany hisolo anao. Miantso anao ny Fanahy Masina anio. Manatòna an' i Jesosy amin' ny fo rehetra dia ho azonao ny fitahiany.

Raha mamaky ny teny fikasana hianao dia tsarovy fa fanehoampitiavana sy indrafo tapitra ohatra izy ireny. Ny fon' Ilav Fitiavana tsy voafetra dia tarihin' ny famindrampo tsy" hita lanv hanavotra ny mpanota : «Izy no ananantsika fanavotana amin' ny rany, dia ny famelana ny fahadisoantsika <sup>3</sup> .» Eny, minoa fotsiny, fa mpanampy anao Andriamanitra. Tiany hohavaozina indray ny endriny arapanahy ao amin' ny olombelona. Raha manatona Azy amin' ny fitsorana sy ny fibebahana hianao, dia hanatona anao amin' ny famindrampo sy famelan-keloka Izy.

[52]

[53]

<sup>2</sup> Isa.49:15

<sup>3</sup> Efes.I:7

## TOKO VII—Porofon' ny maha-Kristiana

«Koa raha misy olona ao amin’ i Kristy, dia olom-baovao izy efa lasa ny zavatra taloha, indreo efá tonga vaovao ireo <sup>1</sup> .»

Angamba misy olona tsy mahalala ny tena fotoana, na ny fito-erana niovany ho Kristiana, na mahalaza izay nahatonga azy hiova fo nefo tsy porofo izany tsy akory fa tsy voaova fo izy. Hoy Kristy tamin’ i Nikodemosy : «Ny rivotra mitsoka amin’ izay tiany, ary renao ny feony, nefo tsy fantatrao izay ihaviany na izay alehany, dia tahaka izany izay rehetra ateraky ny Fanahy <sup>2</sup> .” Tahaka ny rivotra no fiasan’ ny Fanahin’ Andriamanitra ao am-pon’ ny olona tsy hita maso, nefo hita sady tsaroana ny asany. Miteraka aina vaovao ao am-po sady mamorona tena vaovao, araka ny endrik’ Andriamanitra, izany hery manavao izany izay tsy hitan’ ny mason’ olombelona. Raha mbola mangina sady tsy hita akory ny asan’ ny Fanahy Masina, dia miharihary kosa ny vokany. My toe-piaainana no vavolombelona fa voaovan’ ny Fanahin’ Andriamanitra ny fo. Raha tsy mahay manao na inona na inona hampiova ny fontsika isika, na hampifanaraka ny toetsika amin ‘ Andriamanitra raha tsy mahazo miantehitra kely akory amin’ ny tenantsika, na amin’ ny asa soa ataontsika isika, ny toe-piaainantsika kosa dia hampiseho fa monina ao anatintsika ny fahasooavan’ Andriamanitra. Ary dia hisy fiovana ho hita amin’ ny toe-panahy sy amin’ ny fombafomba ary amin’ ny raharaha atao. Hazava sady tsy hisy hisalasalana ny fahasamihafan’ ny toetra taloha sy ny ankehitriny. Ny mampiseho ny toe-panahy dia tsy mba ny fanaovan-tsoa tsindraindray, na ny fahadisoana tsindraindray, fa ny fiasan’ ny fiteny sy ny fanao mahazatra.

Marina ihany fa misy olona mahay mitondra tena, na dia tsy mbola nohavaozin’ ny herin’ i Kristy aza. Mahatonga ny olona hitondra tena tsara ny fitiavana ho to teny sy ny faniriana hohajain’ ny olona. Ny fanajantsika tena no mitarika antsika hifady ny ratsy.

---

<sup>1</sup>Eor.5:17

<sup>2</sup>Jao.3:8

Misy aza olona tia tena, nefà mety hanao asam-piantrana ihany. Ka inona ary no ahaíalàntsika na voaova fo isika na tsia ?

[54] An' iza ny fontsika ? Any amin' iza ny eritreritsika ? Ny amin' iza no tiantsika horesahina ? An' iza ny fitiavantsika mafana indrindra sy ny herimpontsika tsara indrindra ? Raha an' i Kristy isika dia any aminy sy ny aminy no alehan ny eritreritsika tsara indrindra. Izay rehetra ananantsika dia atolotra Azy avokoa. Irintsika ny hitovy endrika aminy, hivelona amin' ny fanahiny, hanao ny sitrapony ary hampifaly Azy amin ny zavatra rehetra.

Izay rehetra efa tonga olom-baovao ao amin i Kristy dia manana ny vokatry ny Fanahy, «dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po fahamoram-panahy. fanaovan-tsoa, fahamarinana. fahale-mem-panahy, fahononam-po<sup>1</sup> .» Tsy mety mampanaram ny tenany intsony amin' ny filàna taloha izy, fa noho ny finoana ny Zanak' Andriamanitra dia manaraka ny diany izy, misaintsaioa ny toetrary, ary manadio ny tenany ho tahaka Azy. Ny zavatra izay halany “taloha tonga tiany izao, ary izay tiany taloha kosa dia halany izao. Ilay niavonavona sy nitompo teny fantatra dia tonga malemy fanahy sy manetry tena. Ilay olompoana sady mpianjonanjona efa tonga mao-tona sady bonaika. Ny mpidoro-dava tonga mahalala onony, ary ny janga tonga madio. llaozana ny fomba sy ny lamodin' izao tontolo izao. Tsy mitadyny firavahana eny ivelany ny Kristiana, fa ny «toetra miafina ao am-po, izay tsy mety ho lo, dia ny fanahy malemy sady miadana<sup>2</sup> .»

Tsy misy afa-tsy ny fahatongavana hiova ho tsaratsara kokoa no azo lazaina ho porofon' ny fibebahana marina. Raha misy mamerina ny antoka, manome indray izay norobainy, miaiky ny fahotany ary tia an' Andriamanitra sy ny olona, dia mahazo matoky ny mpanota toy izany, fa efa tafafindra tamin' ny fahafatesana ho amin' ny fiainana.

Raha amin' izao toetsika diso sady be fahotana izao isika no manatona an' i Kristy, ka tonga mpiombona amin' ny fahasoaavany, dia hiboiboiaka avy ao am-pontsika ny fitiavana. Maivana avokoa ny entana rehetra, satria mora ny zioga ampitondrain' i Kristy. Ny adidy tonga lifaliana ary ny fandavan-tena tonga fahalinaretana. Ny

<sup>1</sup> Gal.5:22,23

<sup>2</sup> 1 Pet.3:4

lalana izay toa voasaron' ny aizina taloha dia tonga mazava azon' ny famirapiratan' Hay Masoandron' ny Fahamarinana.

Ny hatsaran-tarehin' ny toe panahin' i Kristy dia ho hita amin' ny mpanaraka Azy. Fifaliana ho Azy ny nanao ny sitrapon' Andriamanitra. Filiavana an' Andriamanitra sy hafanampo hampandroso ny voninahiny no hery nanapaka ny fiainan' ny Mpamonjy. Nv litiavana no nahatonga ny asany rehetra ho tsara tarehy sady ambony. Ny fitiavana dia avy amin' Andriamanitra. Ny fo tsy mbola nohamasinina dia tsy mahateraka, na mahatonga fitiavana. Amin' ny fo izay anjakan' i Jesosy ihany no ahitana io. «Isika tia, satria izy efa tia antsika taloha<sup>1</sup>.» Ao amin' ny fo izay efa nohavaozin' ny fahasoavan' Andriamanitra, dia ny fitiavana no fototry ny asa. Manova ny toe-panahy izy, manapaka ny herin-tsaina, mifehy ny faniriana, mandresy ny fandrafiana ary maha-ambony ny fitiavana. Izany fitiavana ao am-po izany no manamamy ny fiainana sady mahatonga hery manasoa ny manodidina rehetra.

[55]

Misy fahadisoan-kevitra roa izay tokony hotandreman' ny zanak' Andriamanitra indrindra — indrindra fa ireo izay vao zazavao amin' ny finoana : Ny voalohany, izay efa voalaza rahateo, dia ny amin' ireo izay mijery ny asan' ny tenany, ka mitoky amin' ny zavatra ataony mba hahazoana sitraka amin' Andria-manitra. Izay mitady hohamasinin' ny asan' ny tenany amin' ny fitandremana ny lalàna dia manandrana ny zavatra tsy lio azo atao, na oviana na oviana. Izay rehetra azon' ny olona atao tsy ilàna an' i Kristy dia mety ho voaloton' ny fitiavan-tena sy ny ota. Ny fahasoavan' i Kristy, dia ny fahasoavany ihany amin' ny finoana, no mahazo manamasina antsika.

Ny fahadisoan-kevitra anankiray mifanohitra amin' izany, sady mampididoza tsy latsaka noho izany, dia ny fiheverana fa ny finoana an' i Kristy dia manala ny olona tsy hitandrina ny didin' Andriamanitra. Ary satria finoana ihany no mahatonga antsika ho mpanana anjara amin' ny fahasoavan' i Kristy, koa dia tsy ilaina akory amin' ny fanavotana antsika ny asantsika.

Nefa fantaro tsara, fa ny fankatoavana tsy fanekena fotsiny tsy akory, fa fanompoam-pitiavana. Ny lalàn' Andriamanitra dia fanehoana ny tena toetrary indrindra. Ventin' ny fitsipika lehibe amin'

<sup>1</sup>Jao.4:19

ny fitiavana izany, ka dia fanorenana ny fanjakan' Andriamanitra any an-danitra sy efy an-tany.

Raha havaozina araka ny endrik' Andriamanitra ny fontsika raha aòrina ao anatin' ny fanahintsika ny fitiavana an' Andria-manitra moa tsy ho voaraka ao amin' ny toe-piaintantsika va ny lalàn' Andriamanitra ? Raha ny lalàn' Andriamanitra no miorina ao am-po, raha ny olona no havaozina araka ny endrik' Ilay nahary azy, dia tanteraka ny teny fikasana amin' ny fanekena vaovao hoe : «Hataoko ao am-pony ny lalàko, sady hosoratako ao an-tsainy<sup>2</sup> .» Ary raha voasoratra ao am-po ny lalàna, moa tsy hamboatra ny toe-panahy va izany ? Fankataovana sy fanompoam-pitiavana no tena famantarana marina ny maha-mpianatr i Kristy. Ka izany no anaovan' ny Soratra Masina hoe : «Fa izao no fitiavana an' Andriamanitra, dia ny hitandremantsika ny didiny». «Izay manao hoe : Fantattro Izy, nefo tsy mitandrina ny didiny, dia mpandainga, ary ny marina tsy no anatiny<sup>1</sup> ». Ny finoana dia ny finoana ihany no mahatonga antsika ho mpiombona amin' ny fahasoavan'i Kristy izay mahay mampankatò antsika, fa tsy manala antsika amin' ny fankaloavana tsy akory.

Tsy ny fankatoavantsika no ahazoantsika famonjena, fa ny famonjena dia fanomezan' Andriamanitra maimaim-poana raisina amin ny finoana. Nefo ny fanoavana dia vokatry ny finoana. «Ary fantattrareo fa Izy no naseho hanaisotra ny ola ary tsy mba misy ota ao aminy. Izay rehetra mitoetra ao aminy dia tsy manota : izay rehetra manota dia tsy nahita na nahalala Azy 2» Izao no tena porofo indrindra : Raha mitoetra ao amin' i Kristy isika. raha mitoetra ao amintsika ny fitiavan' Andriamanitra, ny fahatsiarovantsika. ny eritreritsika, ny fikasantsika, ny ataontsika dia samy hifanaraka amin' ny sitrapon' Andriamanitra, araka ny voalaza ao amin' ny lalàny masina hoe : «Anaka, aza avela hisy hamitaka anareo : izay manao ny marina no marina eny, marina tahaka Azy<sup>2</sup> .» Ny toetry ny hoe fahamarinana dia asehon' ny' lalàn Andriamanitra ho araka izay vonlaza ao amin' ny Didy folo nomena tany Sinay.

Ny finoana an' i Kristy izay mampihevitra fa tsy voatery hankatò an' Andriamanitra ny olona. dia tsy finoana fa vinany. «Fa faha-

<sup>2</sup>Heb.10:16

<sup>1</sup>1 Jao.3:5,6

<sup>2</sup>1 Jao.3:7

soavana no namonjena anareo amin' ny finoana.» Nefa «ny finoana raha tsy misy asa. dia maty mihitsy<sup>3</sup> .» Talohan' ny nahatongavan' i Jesosy tety ambonin' ny tany, dia hoy ny filazany ny tenany hoe :

«Ny hanao ny sitraponao, Andriamanitao ô, no sitrako;

Ary ny lalànao no ato anatiko<sup>4</sup> .» Ary taloha kelin' ny niakarany tany an-danitra indray, dia nolazainy fa efa nitandrina ny didin' ny Rainy Izy. sady mitoetra ao amin' ny fitiavany araky ny teny hoe : «Tahaka ny nitandremako ny didin' ny Raiko sy ny itoerako amin' ny fitiavany<sup>5</sup> .» Hoy koa ny Soratra Masina hoe: «Ary izao no ahafantaranlsika fa mahalala Azy isika, dia ny fitandremana ny didiny Izay milaza fa mitoetra ao aminy izy, dia tsy maintsy mandeha toy izay nandehanany koa<sup>6</sup> .» «Fa Kristy aza efa nijaly hamonjy anareo, ka namela fianarana ho anareo, mba hanarahahanareo ny diany<sup>7</sup> .”

Ny toetry ny fainana mandrakizay ankehitriny dia sahala indrindra amin' ny toetrany taloha ihany — ny toetry ny Paradisa talohan' ny nahalavoan' ny ray aman-drenintsika, izay nisy fankaloavana tanteraka ny lalan Andriamanitra sy fahamarinana feno, dia mbola toeny ihany koa ankehitriny. Ary raha toetra hafa latsaka noho izany no ahazoana ny fainana mandrakizay, dia ho simba ny fahasambaran' izao tontolo izao. Ary hivoha ny lalana hidiran ny ota mbamin' ny forongony rehetra, dia loza sy fahoriana izay tsy ho azo vonoina mandrakizay.

[57]

Talohan' ny nahalavoan' i Adama dia azonynatao ny banana toetra marina noho ny fankatoavany ny lalàna' Andriamanitra. Nefa tsy nahatanteraka izany izy, ary noho ny fahotany dia simba ny toetsika, ka tsy haintsika atao ny mahatonga ny tenantsika ho marina. Noho isika mpanota sady ratsy dia tsy azontsika atao ny hankatò tanteraka ny lalàna' masina. Tsy ampy hifamatra amin' izay ilain' ny lalana ny fahamarinana ananantsika. Nefa Kristy efa nanao lalana hahafaka antsika. Velona teto ambonin' tany Izy sady nohodidin' ny fizahan-toetra sy ny fakampanahy toy izay mihatra amintsika. Velona tsy nanana ota Izy. Maty nisolo antsika Izy, ary izao dia manaiky

<sup>3</sup>Efes 2:8 ; Jak. 2: 17

<sup>4</sup>Sal.40:8

<sup>5</sup>Jao.15:10;

<sup>6</sup>1 Jao.2:3 6

<sup>7</sup>1 Pet.2:31

hitondra ny fahotantsika sy hanome antsika ny fahamarinany. Raha omenao Azy ny tenanao, raha manaiky Azy ho Mpamony anao hianao, dia hisaina ho marina hianao noho” ny alalany, na dia efa ratsy fanahy aza. Ny toetr’ i Kristy no nisolo ny toetrao, ary ankasitrahana eo anatrehan’ Andriamanitra hianao, toy ilay tsy nanota iny akory.

Mihoatra noho izany dia manova ny fo koa Kristy. Mitoetra ao am-ponao amin’ ny finoana Izy. Tsy maintsy manao izay hampaharitra izany fikambanana amin’ i Kristy izany hianao amin’ ny finoana sy amin’ ny fanolorana ny sitraponao ho Azy. Ary arakaraka ny anaovanao izany no hiasany ao anatinao, na amin’ ny fikasana, na amin’ ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony. Ka dia azonao atao ny milaza hoe : «Izay ivelomako ankehitriny eo amin’ ny nofo dia ivelomako amin’ ny finoana ny Zanak’ Andriamanitra, Izay efa tia ahy, ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy<sup>1</sup> .» Koa izany no nilazan’ i Jesosy tamin’ ny mpianany hoe : «Fa tsy hianareo no miteny, fa ny Fanahin’ ny Rainareo no miteny ao anatinareo<sup>2</sup> .» Amin’ izay, noho Kristy miasa ao anatinao, dia hampiseho toe-panahy sy hanao asa mitovy amin’ ny azy hianao. dia asam-pahamarinana sy fankatovana.

Koa dia tsy manana na inona na inona amin’ ny tenantsika izay azo ireharehana isika. Tsy manana antony izay azo andokafan-tena isika. Ny hany anton’ ny fanantenantsika, dia ny fahamarinan’ i Kristy isaina ho antsika sy ny asan’ ny Fanahy Masina miasa ao anatintsika.

Raha milaza ny amin’ ny hoe finoana isika dia misy famarafarana tokony hotsarovana. Misy izay inoan’ ny saina nefá samy hafa mi-hitsy amin’ izay atao hoe finoana. Na dia Satana sy ny miaramilany aza dia tsy mahazo mandà velively akory ny fisian’ Andriamanitra sy ny heriny ary ny fahamarinan’ ny teniny. Lazain’ ny Baiboly fa «ny demonia koa mba mino izany ka dia mangovitra<sup>1</sup> » nefá tsy finoana izany. Ny tena finoana dia tsy finoana fotsiny ny tenin’ Andriamanitra, fa fanoavana ny sitrapony sy fanolorana ny fo ho Azy ary fanompanana ny fitiavana aminy — dia finoana izay miasa amim-pitiavana sady manadio ny fanahy. Amin’ izany finoana izany dia havaozina ny fo ho araka ny endrik’ Andriamanitra. Ary amin’

<sup>1</sup>Gal.2;20;

<sup>2</sup>Mat.10:20.

<sup>1</sup>Jak.2:19

izany finoana izany, ny fo izay mbola tsy voaova, ka tsy mety sady tsy mahay mankatò ny lalàn' Andriamanitra, dia manjary faly, ka miray feo amin' ny mpanao Salamo hoe :

«Endrey ny fitiavako ny lalànao !  
Fisaintsainako mandrakariva izany<sup>2</sup> »

Ary tanteraka «ny fahamarinana ilain' ny lalàna amintsika, izay tsy mandeha araka ny nofo, fa araky ny Fanahy<sup>3</sup> ..»

Misy olona izay efa nahalala ny fitiavan' i Kristy hamela heloka sady mba naniry marina tokoa ho tonga zanak' Andriamanitra nefà tsaroany fa tsy mendrika ny fitondrantenany, be tsiny ny toe-piaiany, ka dia misalasala izy, na efa nohavaozin' ny Fanahy Masina ny fony, na tsia. Amin' ny olona toy ireny dia hoy aho hoe : Aza mihemotra amin' ny famoizam-po Tsy maintsy hihohoka sy hitomany matetika eo an-tongotry Jesosy isika noho ny tsy fahombiazana sy ny fahadisoantsika tsy tokony ho kivy. Ary na dia hoe resin' ny devoly aza isika dia tsy ariana, na afoy na lavin' Andriamanitra akory. Sana-tria. Eo an-tanana ankavanan' Andriamanitra Kristy manao fifonana ho antsika. Hoy Jaona mpianatra malalan' ny Tompo hoe : «Izany zavatra izany no soralako aminareo mba tsy hanotanareo. Ary raha misy manota, dia manana Solovava ao amin' ny Kay isika, dia Je-sosy Kristy, Ilay Marina<sup>4</sup> ..» Ary aza hadinoina koa ny tenin' i Kristy manao hoe : «Fa ny Hay dia tia anareo<sup>5</sup> ..» Maniry anao ho tafaverina eo aminy Izy mba hahitany ny fahadiovana sy ny fahamasinan' ny tenany mitaratra eo aminao. Ary raha mety manolotra ny tenanao ho Azy hianao dia Izy Izay nanomboka asa tsara tao anatinao, no hampandroso izany asa tsara izany ho amin' ny andron i Jesosy Kristy. Mivavaha amin-kafanam-po bebe kokoa ary minoa amimpahatokiana misimisy kokoa. Rehefa tonga tsy matoky ny herin' ny tenantsika isika, dia aoka hatoky ny herin ny Mpanavotra antsika ary dia hidera Azy, dia Izy izay azontsika iantehlerana.

Arakaraka ny anakaikezanao an' i Jesosy, no mainka hisehoan' ny tenanao ho bo, tsiny kokoa eo anatrehanao, satria miha-mazava kokoa ny fahitanao ary ny kilemanao koa ho hita mifanohitra indrindra amin' ny toetrany tsy misy tsiny. Izany no vavolombelona fa

[59]

<sup>2</sup>Sal.119:97

<sup>3</sup>Rom.8:1

<sup>4</sup>1 Jao. 2:1

<sup>5</sup>Jao.16:27

efa lany hery ny fanangolen' i Satana; ka ny hery mahavelona avy amin' ny Fanahin' Andriamanitra no manetsika anao.

Tsy misy fitiavana lalina an' i Jesosy mahazo monina ao ampon'izay tsy mahatsiaro ny faharatsian' ny tenany. Hidera ny toe-trany masina ny fanahy izay voaovan' ny fahasoavan' i Kristy nefraha tsy mahita ny kileman' ny toe-panahintsika isika, dia izany no vavolombelona tsy misy diso, fa tsy mbola nahazo antsaina akory ny fahatsarana sy ny fahambonian' i Kristy isika.

Arakaraka ny hakelezan' izay tiantsika hodokafana amin' ny tenantsika no habetsahan' izay hitantsika hodokafana amin' ny fahadiovana sy ny hatsaran' ny Mpamonjintsika. Ny fahalalantsika ny faharatsantsika no manesika antsika ho any amin' Ilay mahavela heloka. Ary raha ny fanahy izay mahatsiaro tsy fahombiazana no mitady an' i Kristy dia hiseho amin-kery amin' izany fanahy izany Izy. Arakaraka ny fanesiky ny fahantrantsika ho any aminy sy ho amin' ny Tenin' Andriamanitra no hiderantsika ny toe-trany sy hanahafantsika ny endrinry kokoa.

[60]

[61]

## TOKO VIII—Fitomboana ao amin’ i Kristy

Lazain’ ny Baiboly ho toy ny fiterahana ny fiovam-po, izay mahatonga antsika ho Kristiana. Ary koa ampitahainy amin’ ny voa tsara afafin’ ny mpamboly izy. Toy izany indrindra ny olona vao mino an’ i Kristy, «tahaka. ny zaza vao teraka<sup>1</sup> », ka tsy maintsy «hitombo<sup>1</sup> » ho lehilahy sy vehivavy lehibe ao amin’ i Kristy. Na tahaka ny voa tsara nafafy tany an-tsaha, ka tsy maintsy mitombo sy mamo. Lazain’ i Isaia, fa izy ireny dia hatao hoe: «Hazon’ ny fahamarinana, nambolen’ i Jehovah ho fampisehoambonihittra<sup>2</sup> .» Koa dia avy amin’ ny zavaboahary no akana ohatra hahalalantsika tsaratsara kokoa ny fahamarinana miafina ananan’ ny aina ara-panahy.

Tsy mahaforona aina,na dia amin’ ny zavatra kely indrindra amin’ ny zava-boahary aza, ny fahendrena amam-pahaizana rehetra ananan’ ny olombelona. Avy amin’ ny aina izay efa nomen’ Andriamanitra ihany no iveloman’ ny zava-maniry sy ny biby. Toy izany koa ny aim-panahy, avy amin’ Andriamanitra ihany no miteraka aim-panahy ao am-pon’ ny olona. Raha tsy «ateraka avy any am-bony<sup>3</sup> » ny olona, dia tsy manana anjara amin’ ny aina izay nomen’ i Kristy izy.

Ary tahaka ny amin’ ny aina ihany koa ny amin’ ny fitomboana. Andriamanitra ihany no mahatonga ny tsimoka hivelatra, ary ny voniny hanjary voa. Ny heriny ihany no mampaniry ny voa, «voalo-hany misy tahony, dia teraka, ary rehefa izany dia feno voa<sup>4</sup> .» Ary lazain’ i Hosea mpaminany. fa ny Israely dia «hamóny tahaka ny lilia» — «Dia hampahavokatra vary indray, ary haniry tahaka ny voaloboka<sup>5</sup> .» Hoy koa Jesosy amintsika : «Hevero ny fanirin’ ny

<sup>1</sup> 1 Pet.2:2 ; Efes.4:15

<sup>1</sup> 1 Pet.2:2 ; Efes.4:15

<sup>2</sup> Isa.61:3 ;

<sup>3</sup> Jao. 3:3(an-tsisiny)

<sup>4</sup> Mar.4:28

<sup>5</sup> Hosea 14:6,8

voninkazo<sup>6</sup> ». Tsy maniry, na mitombo araka ny safidim-pony, na araka ny herin' ny tenany ny zava-maniry sy ny voninkazo, fa araka ny andraisany izay zavatra efa nomen' Andriamanitra hahavelona azy. Tsy hain' ny zaza ny hanampy ny halava sy haben' ny tenany, na toy inona na toy inona fanahiana sy hery ananany. Toy izany koa, tsy hahazo fitomboana ara-panahy hianao, noho ny fanahiana, nanoho ny fiezahan' ny tenanao. Ny zava-maniry sy ny zaza dia mitombo noho ny fandraisany zavatra mahatonga ny ainy avy amin' ny manodidina azy, dia rivatra, hainandro, hanina. Ary tahaka ny asan' ireny zavatra ireny amin' ny biby sy ny zava-maniry no nsan' i Kristy amin' izay matoky Azy. Izy no «fanazavana azy mandrakizay, ary Masoandro sy Ampinga<sup>1</sup> ». «Ho tahaka ny ando amin' ny Israely Izy». «Hidina tahaka ny ranonorana amin' ny saha voajinja Izy». Izy no ranon' aina «mofon' Andriamanitra Izay nidina avy an-danitra, ka manome fiainana ho an' izao tonlolo izao<sup>2</sup> »

Tamin ny nanomezan Andriamanitra ny Zanany, Ilay fanomezana tsy misy ton azy, dia efa nohodidininy aeram paha-soavana, toy ny anodidinan' ny rivatra ny tany rehetra, izao tontolo izao izay rehetra mety miaina amin' izany aera mahavelona izany, dia ho velona sy hitombo ho lehilahy lehibe sy vehivavy lehibe ao amin' i Kristy .

Toy ny voninkazo mitodika amin' ny masoandro mba hahazoany ny tanamasoandro, hanatanteraka ny hatsaran tarehinv sy nv bikany, dia toy izany koa no tokony hitodihantsika, amin' Hay Masoandon' nv Fahamarinana, mba hahazoantsika ny fahazavan' ny lanitra hamirapiratra amintsika, hampamdroso ny toe-panahintsika amin' ny fanahafana an' i Kristy.

Zavatra toy izany koa no ampianarin' i Jsosy amin' ilay teniny hoe : «Tomoera amiko ary Izaho aminareo, Tahaka ny sampana tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray amin' ny voaloboka izy, dia toy izany koa hianaroo, raha tsy miray amiko.....Fa raha misaraka amiko kosa hianareo, dia tsy mahay ma-nao na inona na inona :<sup>3</sup> ». Tahaka nv ikambanan' ny sampana amin' ny vatana, mba hitomboany sy hamoazany no tsy maintsy ikamnanana amin' i Kristy

<sup>6</sup>Lio. 12:27

<sup>1</sup> Isa.60:19; Sal. 84:11;

<sup>2</sup> Hosou 14:5;Sal.72:6 Jao.6:33

<sup>3</sup>jao.I5:4,5

mba hananana toe-piaianana masina. Raha misaraka aminy hianao, dia tsy manana aina, sady tsy manan kery hanoherana ny fakampanahy, na hitomhonna amin’ ny fahasoavana sy ny fahamasinana. Italia mitoera ao aminy kosa din hahavokatra. Raha mahazo aina avy aminy hianao, dia tsy halazo, na tsy hahavanom-hoa, fa ho tahaka ny hazo ambolena eo amoron’ ny rano volona.

Maro ny olona mihovitra fa ny tenany ihany no tsy maintsy manao amin’ ny raharaha-pamonjena azy, Matoky an’ i Kristy izy, raha ny amin’ ny famelan-keloka, nefà miantehitra amin’ ny herin’ ny tenany kosa mba ho tonga tsara tootra. Tsy ho foana anefa ny hery rehetra toy izany Hoy Jososy hoo : «Raha misaraka amiko hianareo dia tsy mahay manao na inona na inona». Ny fitomboantsika amin ny fahasoavana, sy ny fifalantsika, ary ny fahavitantsika soa, dia samy miankina amin’ nv fikambanantsika amin’ i Kristy avokoa. Ary noho ny firaisansika aminy isan’ andro sy isan’ ora, — eny, noho ny fitoerantsika ao aminy, — no itomboantsika amin’ ny fahasoavana. Tsy Tompon’ ny finoantsika ihany Izy, fa Mpanefa azy koa. Kristy no voalohany sy farany ary mandrakariva. Homba antsika Izy, tsy amin’ ny voaloban’ ny dianlsika ihany, na ny farany, fa isaky ny mandingana eny an-dàlana. Hoy Davida hoe :

«Ataoko eo anatrehako mandrakariva Jehovah.

Fa eo an-kavanako Izy, ka dia tsy hangozohozo aho<sup>1</sup>. ”

Hanontany angaha hianao, ka hanao hoe : «Alaoko ahoana no fitoetra eo amin’ i Kristy ?» Ataovy toy izay nandraisanao Azy tamin’ ny voalohany ihany. «Koa tahaka ny nandraisanareo an’ i Kristy Jesosy Tompo, dia mandehana ao aminy araka izany koa». «Ny marina dia ho velon’ ny.finoana<sup>2</sup> .» Nomenao ho an’ Andriamanitra ny tenanao manonlolo, hanompo sy hankatò Azy, ary nekenao ho Mpamonjy anao Kristy. Tsy liainao ny hisolo heloka ny tenanao, na hanova ny fonao nefà rehefa natolotrao ho an’ Andriamanitra ny tenanao, dia inoanao fa nanao izany rehetra izany ho anao tamin’ ny alàlan’ i Kristy Izy.

Noho ny finoana dia tonga an’ i Kristy hianao, ka hitombo ao aminy amin’ ny anomezanao ny tenanao ho Azy sy andraisanao ny tenany ho anao. Tsy maintsy omenao avokoa ny zavatra rehetra —

<sup>1</sup> Sal.16:8;

<sup>2</sup> Kolos. 2:6; Heb.10:38

dia ny fona, ny safidinao, ny herim-ponao. Omeo Azy ny tenanao hankatô izay rehetra asainy atao. Ary koa tsy maintsy raisinao ny zavatra rehetra, dia Kristy Hay fahafeuoan' ny fitahiana rehetra, mba hitoetra ao am-ponao sy mba ho tanjakao, ho fahamarinanao, ho mpanampy anao mandrakizay, ary mba hanome anao hery ho enti-mankatô.

Manokàna ny tenanao ho an' Andriamanitra amin' ny maraina izany no ataovy voalohan-draharahanao indrindra. Aoka ny fivavahanao ho toy izao : «Raiso aho, Tompo ó, ho anao manontolo. Ny fikasàko rehetra apetrako eo an-tongotrao. Ampiasao amin' ny fanompoana anao aho anio. Tomoera amiko. ary aoka ny asako rehetra hatao ao aminao.» Zavatra tokony hatao isan' andro izany. Isa-maraina dia manokàna ny tenanao ho an' Andriamanitra mandritra io andro io. Atolory Azy ny fikasànao rehetra, mba hotanterahina, na hajanona araka ny fandaharana ataony ho mety. Mametraka ny fiainanao isan' andro isan' andro ho eo am pelatànan' Andriamanitra hianao, raha manao izany ary amin' izay, dia ho voamboatra lalandava ho tonga tahaka ny fiainan' i Kristy ny fiainanao.

[64] Fiainana feno fiadanana ny fiainana ao amin' i Kristy. Mety tsy hisy fahatsiarovana fiamboniana amin' izany, nefà kosa ao ny fahatokiana sy ny fiadanam-po maharitra. Ao amin' i Kristy ny fanantenanao, fa tsy ao amin'ny tenanao. Ny fahalemenao dia akambana amin' ny heriny ny fahadalanao amin' ny fahendreny, ary ny fahosanao amin' ny fahatanjahany. Noho izany, dia tsy tokony hijery ny tenanao hianao, na hamela ny saina hiantehitra amin' ny tena, fa hijery an' i Kristy. Aoka ny saina hiantehitra amin' ny fitiavany, amin' ny hatsarana sy ny fahatanterahan' ny toetrary. Kristy tao amin' ny fandavan-tenany, Kristy tao amin' ny fanetren-tenany, Kristy tao amin' ny fahadiovany sy ny fahamasinanv, Kristy tao amin' ny fitiavany tsy misy toa azy — izany no zavatra tokony ho-saintsainin ny fanahy. Ny ftiavana Azy, ny fakan-tahaka Azy, ny flankinana aminy tanteraka no mahatonga anao ho tahaka Azy.

Hoy Jesosy hoe : «Tomoera amiko.» Mampiseho fitsaharana sy tsy fiovaovana ary fahatokiana izany teny izany. Mangataka antsika koa Izy, ka manao hoe : «Mankanesa aty amiko fa

Izaho no hanome anareo fitsaharana<sup>1</sup> .» Toy izany koa ny tenin’ ny mpanao Salamo, manao hoe : «Miantomhena tsara miandry an’ i Jehovah hianao, ka manantenà Azy<sup>2</sup> .» Ary hoy koa ny toky omen’ Isaia : «Amin’ ny fanginana sy ny fahatokiana no hisian’ ny herinao<sup>3</sup> .» Tsy hita ao amin’ ny lidonanaham-poana tsy akory izany litsaharana izany, satria amin’ ny fangatahan’ i Kristy antsika, dia akambany amin’ ny fiantsoana hiasa ny litsaharana izay kasainy homena, fa hoy izy hoe : «Ento ny ziogako.... dia hahita litsaharana ho an’ ny fanahinareo hianareo<sup>4</sup> .» Ny fo izay tena mahita litsaharana tanteraka indrindra ao amin’ i Kristy no hafana sy harisika indrindra hiasa ho Azy.

Miala amin’ i Kristy Ilay loharanon’ ny hery sy ny aina ny saina, raha miantehitra amin’ ny tena. Ka noho izany, dia mikely aina lalandava Satana, mba hampiala ny saina amin’ ny Mpamonjy, ka hisakana ny fikambanana sy ny firaisan’ ny fanahy amin’ i Kristy. Ny fahafinaretan’ izao tontolo izao, ny liahiana sy ny fahasahiranana, ary ny fahoriana amin’ ity fainana ity, ny fahadisoan’ ny hafa, na ny fahadisoana sy ny kileman’ ny tena ireny na ny sasany amin ireny no tadiaviny hamiliana ny saina. Ka aoka mba tsy ho voafitaky ny hevi-petsiny. Maro ny olona izay la-hanao ny marina, sady maniry hanompo an’ Andriamaninitra, no tanhin’ ny Devoly matetika koa hitandro nv fahadisoany sy ny fahalemeny ary rehefa mahasaraka azy amin’ i Kristy izy, dia manantena handresy azy. Tsyy tokony hanao ny tena ho fotojavatra isika, ka hanahy sy hatahotra, na ho voavonjy, na tsia. Izany rehetra izany dia mampiala ny fanahintsika amin’ Hay Loharanon ny herintsika. Apetraho amin’ Andriamanitra ny fanahinao hotehiriziny, ary matokia Azy. Miresaha sy mieritrereta ny amin’ i Jesosy. Aoka ny tena ho levona ao amin’ i Kristy. Esory ny fisalasalana rehetra roahy ny tahotra. Miaraha miteny amin’ i Paoly Apostoly hoe : «Tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko fa izay ivelomako ankehitriny eo amin’ ny nofo, dia ivelomako amin’ ny finoana ny Zanak’ Andriamanitra, Izay efa tia ahy, ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy<sup>1</sup> .» Miantehera amin’

[65]

<sup>1</sup> Mat. 11:28 ;<sup>2</sup> Sal. 37:7 ;<sup>3</sup> Isa. 30:15 ;<sup>4</sup> Mat. 11:29.<sup>1</sup> Gal. 2:20 ;

Andriamanitra. Mahay mitahiry izay efa nankininao taminy Izy. Raha apetrakao eo am-pelatanany ny tenanao, dia hataony tonga mihoatra noho ny mpandresy hianao, amin' ny alàlan' Ilay tia anao.

Kofehim-pitiavana tsy azon-kery tapahina, afa-tsy ny safidimpón' ny olona no nanakambanan' i Kristy amin' ny tenany ny toetr' olombelona, fony Izy nitafy nofo. Manangoly antsika lalandava hanapaka izany kofehy izany Satana, mba hisarahantsika amin' i Kristy. Amin' izany no tokony hitandrina sy hiezaka ary hivavaka isika, mba tsy hisy na inona 11a inona hahatarika antsika hifidy tombo hafa, satria mahazo manao izany mandra-kariva isika, raha tiantsika. Nefa aoka hibanjina an' i Kristy isika, dia hiaro antsika Izy. Tsy ho azon-doza isika, raha mijery an' i Jesosy. Tsy misy maharombaka antsika eo am-pelatanany. Amin' ny ijerentsika Azy lalandava dia «ovàna hahazo izany endrika izany indrindra avy amin' ny voninahitra ka ho amin' ny voninahitra, toy ny avy amin' ny Tompo, dia ny Fanahy <sup>2</sup> .»

Toy izany no nahatonga ny mpianatra taloha ho tahaka ny Mpamony malala. Rehefa ren' ireny mpianatra ireny ny tenin' i Jesosy dia tsaroany ny filàny Azy. Nitady an' i Jesosy izy dia nahita ka nanaraka Azy. Niaraka taminy hatrany Izy, na tao antrano, na teo am-pisakafoana, na tao amin' ny efi-trano mangina, na tany an-tsaha. Niaraka taminy, toy ny mpianatra miaraka amin' ny mpampianatra azy izy, ka mandrav lesion' ny fahamarinana avy amin' ny teny aloakov ny vavany isan' andro. Nijery Azy, toy ny mpanompo mijerv ny tompony izy, hahalalany izay tokony hataony. Ireny mpianatra ireny dia «olona tahaka antsika ihany <sup>3</sup> .» Niady tamin' ny fahotana tahaka antsika izy. Nila ny fahasoavana izay ilaintsika koa izy, mba hananany toe-piaínana masina.

Na dia Jaona, ilay mpianatra malala, sady be itoviana indrin-dra amin' ny Mpamony aza, dia tsy nanana izany toetra mahatinaritra izany, raha araka ny maha-olona azy fotsiny. Io Jaona io dia olona nitompo teny fantatra, tia toerana ambony, mora misaloaka sady ta-hamaly izay nanafintohina azy. Nefa rehefa niseho taminy ny toetr' Ilay Masina, dia hitany ny tsy fahombiazan' ny tenany, ka nanetry tena izy noho ny fahalalana izany. Ny tanjaka sy ny fieretana, ny hery

<sup>2</sup>2 Kor. 3:18 ;

<sup>3</sup>Jak. 5:17.

sy ny fangoraham-po, ny halebeazana sy ny halemem-panahy, izay hitany tamin’ ny toe-piainan’ ny Zanak’ Andriamanitra marain-tsy hariva, dia nameno fankalazana sy fitiavana tao am-pony. Voatarika ho amin’ ny Mpamonjy isan’ andro isan’ andro ny tony, ambara-pahatongany hanadino ny tenany noho ny fitiavany ny Tompony. Natolony hamboarin’ ny herin’ i Kristy ilay toetrary ta-hamaly ratsy sady tia fiamboniana. Ny herin’ ny Fanahy Masina no nanavao ny fony. Ny herin’ ny fitiavan’ i Kristy no nahatonga fiovan-toetra taminy. Izany no tsy maintsy vokatry ny firaisana amin’ i Kristy. Raha mitoetra ao am-po Kristy, dia miova avokoa ny toetra rehetra. Ny fanahin’ i Kristy sy ny fitiavany dia manaíemy ny fo, mamolaka ny fanahy, ary manainga ny hevitra sy ny faniriana ho any amin’ Andriamanitra sy ny lanitra

Rehefa niakatra tany an-danitra Kristy, dia mbola noheverin’ ny mpanaraka Azy ho manatrika azy ihany Izy. Fanatrehana hita maso sady feno litiavana sy fahazavana izany. Jesosy Mpamonjy Ilay efa niara-nandeha sy niara-niresaka ary niara-nivavaka taminy. Ilay efa nilaza fampanantenana sy fampiononana tao am-pony, dia nakarina tany an-danitra, raha mbola teo am-bavany izany tenim-pi-adanana izany. Ary rehefa noraisin’ ny anjely Izy, dia mbola reny nanakoako indray ilay teniny hoe. «Ary indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan’ ny fahataperan’ izao tontolo izao<sup>1</sup> .» Niakatra any an-danitra nanana ny endrik’ olombelona Izy. Fantatr’ izy ireo fa teo anoloan’ ny seza fiandrianan’ Andriamanitra Izy, nefá mbola Sakaiza sy Mpamonjy azy ihany fantany fa tsy miova ny fitiavany fantany fa mbola mitovy amin’ ny zanak’ olombelona zoim-pahorianan’ Izy. Nanolotra ny vidin’ ny ra soany teo anatrehan’ Andriamanitra Izy, ka nampiseho ny tànany sy ny tongony misy holatra, mba ho fahatsiarovana ny vidin’ izay efa nataony ho an’ ny olona navotany. Fantany la ela niakatra any an-danitra Izy, hanam-boatra litoerana ho azy ary ho avy indray, ka handray azy ho any aminy.

Rehefa nivory izy taorian’ny niakarany, dia naniry fatratra hanolotra ny fangatahany amin’ Andriamanitra amin’ ny anaran’ i Jesosy. Niondrika amin’ ny tahotra masina izy, raha nivavaka ka nanonona ilay fanomezan-toky hoe : «Na inona na inona

<sup>1</sup> Mat.28:33.

[67] hangatahinareo amin ny Ray, dia homeny anareo amin' nv anarako izany. Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin' ny anarako hianareo mangataha, dia 'hahazo hianareo, mba ho tanteraka ny fîfalianareo<sup>1</sup> .» Natsotrany niakatra niakatra ihany ny tanam-pinoany, niaraka tamin' ilay teny tsy azo lavina hoe : «Kristy Jesosy no efa maty, eny, sady nitsangana tamin' ny maty koa, ka mitoetra eo amin' ny tànana an-kavanana' Andriamanitra, ary mifona ho antsika<sup>2</sup> .» Tamin' ny andro Pentekosta no nahazoany ny Mpananatra, dia Ilay nolazain' i Kristy hoe : «ho ao anatinareo». Dia mbola nampiany indray koa hoe : Mahatsara anareo ny fialàko fa raha tsy hiala Aho, dia tsy ho avy aty aminareo ny Mpananatra fa raha handeha Aho, dia hirahiko ho aty aminareo Izy<sup>3</sup> .» Koa amin'izany dia mitoetra lalandava ao am-pon' ny zanany Kristy. Ny firaisansy aminy dia lalindalina kokoa noho ny fony Izy niaraka taminy, raha mbola nitafy nofo. Ny fahazavana sy ny fitiavana ary ny herin' i Kristy monina ao am-pony, dia mamirapiratra avy ao aminy, ka izay mijery dia «gaga....ary fantany tsara fa efa niaraka tamin' i Jesosy izy<sup>4</sup> .»

Izay rehetra nataon' i Kristy ho an' ny mpianany fahiny, dia tiany hatao amin' ny zanany koa ankehitriny, satria tamin' ilay fivavahana farany niarahany nanao tamin' ireo mpianany nanodidina Azy, dia hoy Izy hoe : «Tsy ho an' ireto ihany no angatahiko, fa ho an' izay mino Ahy koa noho ny teniny<sup>5</sup> .»

Nivavaka ho antsika Jesosy, ary nangatahiny mba ho iray aminy isika toy ny maha-iray Azy amin' ny Ray. Firaisansa manao ahoana re izany ! Hoy ny Mpamonjy raha milaza ny tenany : «Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy ny Ray mitoetra ato amiko no manao ny asa<sup>6</sup> .» Koa raha mitoetra ao am-pontsika Kristy, dia Izy no hiasa ao anatintsika, «na ny fikasana, na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony<sup>7</sup> .» Hiasa tahaka ny niasany isika, ary hampiseho hafanam-po tahaka ny Azy. Koa amin' izany, noho ny

<sup>1</sup>Jao. 16:23,24 ;

<sup>2</sup>Rom. 8:31

<sup>3</sup>Jao. 14:17 ;

<sup>4</sup>Asa. 3:13 ;

<sup>5</sup>Jao. 17:20 ;

<sup>6</sup>Jao.5:19

<sup>7</sup>Fil. 2:13

fitiavana Azy sy noho ny fitoerana ao aminy, dia «hitombo amin’ ny zavatra rehetra ho amin’ Izay Loha, dia Kristy.»

[68]

[69]

## TOKO IX—Ny asa sy ny toe piainana

Andriamanitra no loharanon' ny fiaianana sy ny fahazavana ary ny fifaliana ho an' izao tontolo izao. Mivoaka avy ao aminy ny fitahiany, ka mankany amin' ny asan-tanany rehetra, tahaka ny fahazavana avy amin' ny masoandro sy toy ny rano miboiboiaka avy amin' ny loharano velona. Ary na aiza na aiza no misy fo itoeran' ny ain' Andriamanitra, ny olona izay manana izany tsy maintsy manana fitiavana sy fitahiana hitobaka amin' ny hafa.

Ny hafalian' ny Mpamponjintsika dia ny manondrotra sy ny manavotra ny olombelona efa very. Izany no tsy nandalàny ny ainy, fa niaretany ny hazo fijaliana, ka tsy nitandroany henatra. Toy izany koa no ilofosan' ny anjely, ka anaovany izayahasambatra ny hafa. Izany no fifaliany. Izay neverin' ny fo feno fitiavan-tena ho raharaha mahafa-baraka, dia ny fanompoana an' izay fadiranovana sy ambany, na amin' ny toetra na amin' ny voninahitra, no ataon' ny anjely tsy misy kilema ho tena raharaha. Ny toetry ny fitiavana feno fandavan-tena nananan' i Kristy no toetra manenika ny lanitra sady tena votoatin' ny hasambarany. Izany no toetra tokony hananan' ny mpanaraka Azy sady asa tokony hataony.

Raha voarakitra ao am-po ny fitiavan'i Kristy dia ho tahaka ny fofo-manitra tsy azo afenina izany. Ho tsaroan' izay rehetra mifanerasera amintsika ny heriny masina. Ny fanahin' i Kristy ao am-po dia tahaka ny loharano any an-efitra miboika hamelombelona ny manana aina rehetra ary hahatonga izay efa vononko faty mba hanandrana hisotro ny ranon' aina.

Ny fitiavana an' i Jesosy dia hiseho amin' ny faniriana hi-asa tahaka ny nataony amin' ny hanandratana ny olombelona sy hanampiana azy amin' ny fahoriany. Izany dia hitarika antsika ho tia sy hangoraka ary hiara-miory amin' ny zava-boahary rehetra izay iadidian' ny Raintsika Izay any an-danitra.

Tsy dia fiaianana niadana, na voatokana ho an' ny tenany samy irery ny fiaianan' ny Mpamponjy tety ambonin' ny tany, fa nitozo niasa tamin-kafanampo sy tamim-pilozohana fatratra hamonjy ny

olombelona. Hatreo amin' ny fihinanam-bilona, ka hatrany Kalvary dia nandeha tamin' ny lâlan' ny fandavan-tena Izy, ka tsy nitady izay hialana amin' ny raharaha sarotra sy ny dia mahasasatra ary ny ahiahy sy ny asa mahareraka. Hoy Izy : «Ny Zanak' olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro <sup>1</sup> .» Izany no zavadray loha voalohany indrindra nokendreny tamin' ny fiainany. Ny zavatra sisa rehetra dia faharoa avokoa. Ny manao ny sitrapon' Andriamanitra sy ny mahavita ny asany no hanin-kaniny sy rano solroiny. Tsy mba nisy tao amin'ny raharahany ny ho an-tena sy ny fitiavan-tena.

[70]

Koa amin' izany izay isan' ny mandray ny fahasoavan' i Kristy dia tsy maintsy vonon-kiasa sy handâtena mba hahnzoajn' ireo navotany anjara amin' ny fanomezan' Andriamanitra. Hanao izay rehetra azony atao izy mba hahatonga izao tontolo izao ho tsarat-sara kokoa, noho izy rniloetra eto aminy. Izany toe-panahy izany no tena vokatry ny fiovam-po marina. Raha vantany vao tonga ao amin' i Kristy ny olona dia mitranga ao am-pony ny faniriana ham-pahafantatra ny hafa, fa efa nahita sakaiza malala izy, dia Jesosy tsy azony hidiana ao am-po ny fahamarinana mahatonga famonjena sy fahamasinana. Tsy ho azontsika atao ny hangina, raha voatafy ny fahamarinan' ny Kristy isika ary feno fifaliana noho ny lanahiny ao am-potsika. Tsy amintsy hanan-javatra holazaina isika, rehefa nanandrana, ka nahita fa tsara Jehovah. Tahaka ny nataon' i Filipo, Tony izy nahita ny Mpamonjy, no tsy maintsy hataontsika koa amin' ny olon-kafa hanatonany an' i Kristy, lrintsika haseho aminy ny hatsaran' i Kristy sy ny hamarinan'ny fiainana ho avy. Hlisy faniriana fatratra mba hizotra amin' ny lâlana nodiavin' i Jesosy. Ilisy faniriana fatratra mba hahitan' ireo manodidina antsika an' Ilay «Zanak' Ondrin' Andriamanitra Izay manaisotra ny faholan' izao tontolo izao.”

Hahatonga soa ho an' ny tenantsika ny fikelezana aina hanasoa ny hafa. Izany no fikasan' Andriamanitra tamin' ny nanomezany antsika anjara mba hiasa amin' ny raharaham-panavotana. Efa nanome tombon-tsoa ny olombelona Izy mba ho tonga mpiombon-toetra aminy, ary rehefa izany dia hampiely ny fitahiana azo ho an' ny namana. Izany no voninahitra ambony indrindra sy fifaliana

<sup>1</sup> Mat. 20:38.

lehibe indrindra azon' Andriamanitra omena ny olombelona. Izay tonga mpanao asam-pitiavana toy izany dia akaikin' ny Mpanao azy indrindra.

Azon' Andriamanitra natao ho adidin' ny anjely masina amin' ny fanompoam-pitiavana ny fitoriana ny Filazantsara mbamin' ny asa rehetra. Azony natao ny nampiasa zavatra hafa hanatanteraka ny fikasany. Nefa noho ny fitiavany tsy voafetra, dia naleony nifydys antsika ho mpiara-miasa aminy sy Kristy ary ny anjely, mba hananantsika ny fitahiana sy ny fifaliana ary ny fisondrotana arapanahy amin' izany fanompoana tsy mandala tena izany.

[71] Ho tonga iray hevitra amin'i Kristy isika amin' ny fiarahantsika miory aminy. Ny asam-pandavan-tena rehetra amin'ny anasoavany ny hafa, dia manatanjaka ny fanahy miantra ao am-pon' ny mpanome, ka mampikambana azy mafimafy kokoa amin Ilay Mpanavotra izao tontolo izao, Izay «nanan-karena, nefo tonga nalahelo noho hianareo, mba hampanan-karena anareo ny alahelony». Ary ny anatanterahantsika toy izany ny fikasan' Andriamanitra tamin' ny namoronany antsika no mampahatonga fiainana ho fitahiana ho antsika.

Raha mikasa hiasa toy izay neverin' i Kristy hataon' ny mpianany hianao ary hahazo fanahin' olona ho Azy, dia ho tsaroanao fa mila fahazarana lalindalina kokoa sy fahalalana bebe kokoa ny amin' ny zava-masina hianao ary ho noana sy mangetaheta fahamarinana. Hitraina amin' Andriamanitra hianao, dia hohatanjahina ny finoanao, ary higoka bebe kokoa amin' ny loharanom-pamonjena ny fanahiniao. Ny zava-manjo sy ny fizahan-toetra dia hanesika anao hamaky ny Raiboly sy hivavaka. Dia hitombo amin' ny fahasoavana sy ny fahalalana an' i Kristy hianao ary hampiseho fandrosoana tsara.

Ny fanaovana raharaha amim-pandavan-tena ho an' ny hafa, dia mahatonga ny toe-panahy ho lalina sy matotra ary mitarika ny fitiavan' i Kristy hanasoa ny toetra, ka dia miteraka fiadanana sy fahafinaretana ho an' ny olona izay manao izany. Ho tonga ambony ny faniriana, ka tsy hisy azon' ny fahalainana sy ny fitiavantena hidirana. Izay mampiasa ny fiainana Kristiana toy izany dia hitombo ary hihamatanjaka amin' ny asan' Andriamanitra. Hanana fahazavan-tsaina sy finoana mafy orina ary hery mitombo amin' ny fivavahana. Hetsehin' ny fanahin' Andriamanitra izy, ka tonga manana firaisansa masina amin' ny fanahiny noho ny fitaomany azy.

Izay manolo-tena hikely aina toy izany hanasoa ny hafa no tena miasa marina tokoa hahatanteraka ny famonjena ny tenany

Ny lèlan-tokana itomboana amin' ny fahasoavana dia ny hanao amim-pandavan-tena ny asa napetrak' i Kristy amintsika — hiezaka araka izay azontsika atao hanampy sy hanasoa an' izay mila fanampiana amintsika. Avy amin' ny fampiasan-tena no mahatonga ny hery ary ny fihetsiketsehana no votoatin' ny aina. Izay olona miezaka hahazo fiainana kristiana, satria man—" dray fitahiana noho ny fahasoavana, nefo tsy mety manao na inona na inona ho an'i Kristy, dia olona velon-kihinana, fa tsy velonkiasa. Mahatonga faharatsiana sy fahasimbana mandrakariva izany, na ara-panahy. na ara-nofo. Ny olona tsy mety mampiasa ny tongotra aman-tanany, dia tsy hanan-kery ho enti-mampiasa azy intsony rehetra afaka vetivety foana. Toy izany koa ny Kristiana izay Isy mety mampiasa ny hery nomen Andriamanitra azy, dia sady tsy hitombo ao amin i Kristy izy, no ho very koa ny hery efa nananany.

[72]

Fiasan' Andriamanitra voatendry ho famonjena ny olombelona nv Fimgongan' i Kristy. Ary ny raharahany dia ny hitondra ny Filazantsara ho an' izao tontolo izao. Ary ny Kristiana rehetra no iankinan' ny adidy amin' izany. Isam-batan' olona tsy maintsy manatanteraka ny hafatr' i Kristy araka ny talentany avy. Mahatonga antsika ho mpitrosa amin' izav rehetra tsy mbola mahalala an' i Kristy ny fitiavany efa nampahafantariny antsika. Andriamanitra efa nanome antsika fahazavana, tsy ho an' ny tenantsika ihany, fa mba hanitaratsika amin' ny hafa koa.

Raha mba mahefa tsara ny adidiny ny mpanaraka an' i Kristy dia hisy arivoarivo, any amin' izay tsy misy afa-tsy iray ankehitriny, no hitory ny Filazantsara amin' ny mpanompo sampy. Ary izay rehetra tsy afaka hiasa amin' izany kosa ny tenany dia hanohana amin' ny ananany sy ny heviny ary ny fivavahany. Ary dia hisy asa be atao amin-kafanam-po ho famonjena fanahin'. olona ao amin' ny tany Kristiana.

Tsy ilaina ny hankanesantsika any amin' ny tany maizina, na ny handao ny fonenantsika hiasa ho an' i Kristy, raha tahiny ao amin' izay itoerantsika ihany no misy ny adidintsika. Azontsika atao izany ao amin' ny ankohonantsika, ao amin' ny fiangoantsikaary amin' izay milanerasera sy miara-miasa amintsika.

Ny ankabeazan' ny andron' ny Mpamonjy antsika dia nolaniny tamin' ny asa amim-paharetana tao an-trano landrafetana tany Nazareta. Nanjohy ny Tompon' ny aina ny anjely mpanompo, I'ony Izy niara-nandeha tamin' ireo tambanivohitra sy mpiasa tsy nisv mpahalala sady tsy enin-kaja. Tahaka ny nanatanterahany ny asany dia ny nanaovany ny raharahany ambany, tamin ny toetra mahatokv. no nataony tamin' ny nanasitranany ny marary, na nitsangatsanganany teny ambonin' ny alon-drano misamboaravoara amin ny Ranomasin' i Galilia. Koa dia toy izany koa, mahazo miara mandeha sy miara-miasa amin' i Jesosy isika, na dia amin' izay raharaha sy toerana ambany indrindra aza.

Hoy ny Apostoly hoe : «Aoka ny olona rehetra samy hi toetra [73] amin' Andriamanitra ao amin izay niantsoana azy avy<sup>1</sup> .” Ny olona mpiasa dia mahazo mampandroso ny raharahany aminn izay hahabe voninahitra ny Tompony, noho ny fananany toetra mahatoky. Izay tena mpanaraka an' i Kristy tokoa dia hitondra eny amin' izay rehetra ataony ny maha-mpivavaka azy ary haneho amin' ny olona rehetra ny fanahin' i Kristy. Mety ho tonga solontena mazoto sady mahatoky an' Ilay niasa tamim-pahantranatany amin'ny havoanan' i Galalia ny mpiasa. Tokony hiasa izay rehetra manonona ny anaran' i Kristy, ka ny fahitan' ny olona ny asa ataony no hahatarika azy hankalaza an' Ilay Mpamorona sady Mpanavotra azy.

Maro ny olona efa niala tsiny fatratra, ka nilaza ny tsy fahampian' ny ataony, raha nanolotra ny fanomezany ho entimanompo an' i Kristy, satria tsy toy ny olona sasany manana harena sy tombontsoa betsaka izy. Mandroso ny fiheverana fa izay manana talenta be ihany no ilaina hanolotra ny fahaizany ho enti-manompo an' Andriamanitra. Ataon' ny maro fa ny talenta dia omena ny antokon' olona voafidy ihany, fa ny sasany kosa avahana, satria tsy voantso hanana anjara, na amin' ny asa, na amin' ny valy soa. Nefa tsy izany no aseho ao amin' ny fanoharana. Rehefa nantsoin' ny tompon-trano ny mpanompony dia samy nomeny ny anjara raharahany avy izy.

Na dia ny adidy ambany indrindra aza, dia ho azontsika efaina «tahaka ny ho an' ny Tompo<sup>1</sup> ,» raha manam-pitiavana isika. Raha ao am-po ny fitiavana an' Andriamanitra, dia hiseho amin' ny toe-

<sup>1</sup> 1 Kor. 7:24.

<sup>1</sup> Kolos.3:23.

piaianana izany. Hanodidina antsika ny hanitr' i Kristy, ka hahatonga fanandratana sy fitahiana ny herintsika.

Tsy tokony hiandry fotoana lehibe, na hanantena fahaizana mi-hoapampana hianao vao handeha hiasa ho an' Andriamanitra. Tsy tokony ho eritreretinao akory ny amin' izay hiheveran' izao tontolo izao anao. Raha ny toe-piaiananao an-davan' andro no vavolombelon' ny hatsarana sy hamarinan' ny finoanao ary fantatry ny olona fa tahanasoa azy tokoa hianao dia tsy ho foana tsy akory ny fikelezanao aina.

Na dia izay ambany sy mahantra indrindra amin' ny mpianatr' i Jesosy aza, dia mety ho fitahiana amin' ny hafa. Angamba tsy fantany fa manao asa soa lehibe izy, nefo noho ny heriny tsy ampoizina dia indro izy manomboka alon-dranom-pitahiana izay mitatra sy mihalalina ary ny voka-tsoa angamba tsy ho fantany akory ambara-pahatongan' ny andro famaliana amin' ny farany. Tsy tsaroany sady tsy fantany fa manao zava-dehibe izy. Tsy ilaina akory izy ho be raharaha ny amin' ny fahalavorariana. Tsy maintsy mandroso fotsiny amim-pahanginana ary manao amim-pahamarinana ny asa voatendrin' Andriamanitra ary dia tsy ho foana ny fahavelomany eto ambonin' ny tany. Ny fanahiny mitombo lalandava ho tahaka an' i Kristy mpiara-miasa amin' Andriamanitra izy eto amin' ity fiaianana ity ka noho izany dia mendrika ho amin' ny asa ambony kokoa sy ny fifaliana tsy arahin-tsento izy any amin' ny liainana ho avy.

[74]

[75]

[76]

[77]

## TOKO X—Fahalalana an' Andriamanitra

Maro ny fomba izay entin' Andriamanitra hampahalala antsika ny tenany sy hampiray antsika aminy. Mitory amin' ny saintsika tsy an-kijanona ny zava-boahary. Handairàn' ny fitiavana sy ny voninahitr' Andriamanitra araka izay asehon' ny asan' ny tànany nv fo tsotra. Hahare sady hahafantalra ny feon' Andriamanitra amin' ny alàlan' ny zava-boahary ny sofina mihaino. Ny lohasaha maitso mavana, ny hazo mijoalajoala, ny tsimoka sy ny voninkazo, ny rahona mandaio, ny orana milatsaka, nv renirano migororoana, ny voninahitry ny habakabaka. dia mitory amin'ny fontsika sady mitaona antsika mba hahalala an' Ilay nanao azy rehetra.

Ny zava-boahary no namehezan' ny Mpamontjintsika ny fampianarana tsy misy toa azy nataony. Ny hazo, ny vorona, ny voninkazo eny an-dohasaha, ny havoana, ny farihy ary ny habakabaka tsara tarehy, mbamin' ny zava-miseho sy manodidina amin' ny fiaimpiaianana andavan' andro dia voaompana avokoa amin' ny tenin' ny fahamarinana mba hahatsiarovana matetika ny fampianarany, na dia ao anatin' ny fahasahiranan' ny olona be raharaha aza.

Tian; Andriamanitra raha ny zanany rehetra no hankasitraka ny asany, ka hifaly amin' ny hatsaran-tarehy tsotra sady milamina, izay nentiny nandravaka ity tany onenantsika ity. Mpitia ny tsara tarehy Izy, ary tia ny tsara tarehy ara-panahy, mihoatra noho izay rehetra madera ivelany fotsiny. Tiani raha isika no manolokolo ny fahadiovana, ny fahatsorana ary ny fahasoavana milamina ananan' ny voninkazo.

Raha mba mety mihaino isika, dia hampianatra antsika lesona tsy misy toa azy ny amin' ny funkatoavana sy fahatokiana ny asantantan' Andriamanitra. Hatramin' ny kintana izay mizotra amin' ny lèlana voatendry mandritry ny taona alinalina mamakivaky ny habakabaka, ka hatramin' ny *atome*\* kitika indrindra. dia samy manoia ny sitrapon' Ilay Mpamorona azy. Miahysy mamelona ny zavatra rehetra izaynoforoniny Andriamanitra. Ilay mitana izao tontolo

---

\*Zavatra kitika indrindra tsy azo zaraina intsony.

izao amin' ny habakabaka diamikarakara koa, na dia izay ilain' ny tsikirity Kely izay mihira tsy amin-tahotra ny hirany feno fanetren-tena aza. .Raha mivoaka hiasa ny olona, na revo eo am-pivavahana raha matory amin<sup>1</sup> ny alina izy, na mifoha amin' ny, marina raha manao fanasana ao amin' ny tranobe soany ny mpanankarena, na managona ny zanany hitangorona eo amin' ny hanina kely am-bilombazana ny olo-mahantra, — Andriamanitra Ray kosa dia samy miaro amim-pitiavana azy rehetra. Tsy misyranomaso latsaka, ka tsy hitan' Andriamanitra. Tsy misy hehy ka tsy voadininv.

[78]

Raha mba tena mino izany marina tokoa isika, dia ho levona ny fanahiam-poana rehetra. Ny fainantsika tsy ho feno fahadisoam-panantenana, toy izao ankehitriny izao, la ny zavatra rehetra. na lehibe na kely, dia hapetraka avokoa eo am-pelatànan' Ilay Andriamanitra Izay tsy mba sahirana noho ny habetsahan' ny ahiahy, na ho resin' ny havesaran' izany. Ka dia tokony hanana fiononam-po izay tsy fantatry ny maro hatramin' ny ela isika.

Raha mifaly amin' ny hatsaran-tarehy marevaka eto an-tany ny saintsika, dia mba saino ny zavatra ho avy izay tsy hahalalana velively akory ny loza vokatry ny ota sy ny fahafatesana, dia any amin' izay tsy itafian' ny zava-boahary intsony ny aloky ny ozona. Alao sary an' eritreritra ny fonenan' ny voavonjy, ary tsarovy fa ho be voninahitra lavitra noho izay azon' ny eritreritao saintsainina izany. Amin' ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra samy hafa ao amin' ny zava-boahary, dia ny famirapiratan' ny voninahiny mamelelovelo kely indrindra no hitantsika, araka ny voasoratra hoe : «Izay tsy mbola hitan' ny maso ary tsy mbola ren' ny sofina na niditra tao am-pon' ny olona, na inona na inona. no efa namboarin' Andriamanitra ho an' izay tia Azy<sup>1</sup> ».

Manam-be holazaina ny amin' ny zava-boahary ny poete sy ny naturaliste (mpandinika ny zava-boahary), nefy ny Kristiana ihany no mifaly indrindra amin' ny hatsaran-tarehin' ny tany, satria mahatsiaro ny asan-tànan ny Rainy, ka mahita ny fitia— vany eny amin' ny voninkazo sy ny kirihiitr' ala ary ny hazo. Tsy misy olona tena hahay mifaly amin' ny hatsaran' ny havoana sy ny lohasaha ary amin' ny ony sy ny ranomasina, afa-tsy izay mihevitra azy ho vavolombelon' ny fitiavan' Andriamanitra ny olombelona.

<sup>1</sup> 1 Kor.2:9

Andriamanitra dia miteny amintsika amin' ny alàlan' ny fitondrana ataony, sy amin' ny alàlan' ny Fanahy Masina ao am-po. Mety hahita lesona mahafinaritra isika amin' ny zavamiseho sy mihatra amintsika, ary amin' ny fiovaovana miseho isan andro manodidina antsika, raha mba misokatra handray azy ny fontsika. Hoy ny mpanao Salamo raha milaza ny fitondran' Andriamanitra :

[79] «Henika ny famindrampon' i Jehovah ny tany <sup>2</sup> .»

«Izay hendry dia aoka hahfantatra izany,

Ka hahalala ny famindrampon' i Jehovah <sup>1</sup> .»

Miteny amintsika amin' ny Teniny Andriamanitra. Amin' izany no ananantsika fanambarana mazava kokoa ny toetrary sy ny firaharahany amin' ny olombelona ary ny asam-panavotana lehibe. Ao koa no aseho amintsika miharihary, ny tantaran' ny Patriarka, sy ny mpaminany, ary ny olo-masina fahiny. Lazaina fa izy ireny «dia olona tahaka antsika ihany <sup>2</sup> .» Fantantsika ny nitolomany tamin' ny fahakiviana, tahaka antsika sy ny nahalavoany tamin' ny fakampahany, toy ny nahavoa antsika, kanefa niha-matoky indray, ka nandresy tamin' ny alàlan' ny fahasoavan' Andriamanitra. Ary amin' ny fahitana izany no mamporisika antsika hiezaka hanatratra ny fahamarinana. Raha mamaky ny tombon-tsoa nomena azy isika, dia ny amin' ny fahazavana, ny fitiavana sy ny fitahiana nifaliany ary ny asa nataony tamin' ny alàlan' ny fahasoavana nomena azy sy ny fanahy izay nanetsika azy, dia hampirehitra faniriana masina ao am-pontsika, sy faniriana ho tahaka azy amin' ny toetra, — ho tahaka azy amin' ny fiaraha-mandeha amin' Andriamanitra.

Marina ny filazan' i Jesosy ny Soratra Masina amin' ny Testamenta Taloha, ary mainka marina noho izany aza ny filazany ao amin' ny Testamenta Vaovao hoe : «Ireny no manambara Ahy <sup>3</sup> .» Ilay Mpanavotra, Izay iorenan' ny fanantenantsika ny amin' ny fainana mandrakizay. Eny, milaza an' i Kristy ny Baiboly manontolo. Hatramin' ny tantara voalohany milaza ny namoronana izao tontolo izao, manao hoe : «raha tsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza,» ka hatramin' ny teny filkasana farany hoe

<sup>2</sup>Sal.33:5

<sup>1</sup>Sal.107:13 ;

<sup>2</sup>Jak. 5:17 ;

<sup>3</sup>Jao. 5:39 ;

: «Indro avy faingana Aho,<sup>4</sup> » dia mamaky ny amin' ny asany sy mandre ny feony isika. Koa raha ta-hahalala ny Mpamony hianao dia ianaro ny Soratra Masina.

Fenoy ny tenin' Andriamanitra ny fo rehetra. Rano velona maha-faka ny hetahetanao mirehitra izy. Mofon' aina avy any an-danitra izy. Hoy Jesosy hoe : «Raha tsy mihinana ny nofon' ny Zanak' olona sy misotro ny rany hianareo, dia tsy manana fiainana ao am-inareo.» Hoy koa Izzy, raha nilaza ny tenany; «Ny teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy sy fiainana<sup>5</sup>.» Ny tenantsika dia velomin' ny zavatra hanintsika sy sotrointsika ary mba toy izany araky ny nofo izany koa ny ara-panahy, fa izay eritreretintsika no mahatonga tanjaka sy hery, ho an' ny fanahintsika.

Ny foto-kevitra ny amin' ny fanavotana no zavatra tian' ny anjely hodinihina. Izany no ho science sy tonon-kiran' ny voa-votra mandrakizay doria doria. Ka moa tsy mendrika ny hoheverina tsara sy hodinihina fatratra va izany izao? Ny famindram-po sy ny fitiavan'i Jesosy tsy voafetra ary ny fanalamboady nataony ho antsika, dia tokony ho eritreretina lalina dia lalina. Tokony ho ao an-tsaintsika ny toetry ny Mpanavotra sady Mpisolo malalantsika. Tokony ho eritreretintsika ny raharahan' Ilay tonga hamony ny olony amin' ny fahotany. Áry raha misaintsaina ny zavatry ny lanitra toy izany isika, dia hihamatanjaka ny finoantsika sy ny fitiavantsika, ary hitombo ny fankasitrahant' Andriamanitra ny fivavahantsika, satria mitombo ny fifangaroany amin' ny finoana sy ny fitiavana. Ho tonga mahatsinjo ny lavitra sady ho mafana ny fivavahantsika. Ilisy fitokiana an' i Jesosy maharitra lalandava kokoa sy fahazoana am-po isan' andro ny heriny hamony hatramin' ny farany indrindra izay manatona an' Andriamanitra amin' ny alàlany.

Raha mieritreritra ny fahatanterahan' ny Mpamony isika, dia maniry mba hovana tanteraka ary hohavaozina araka ny endriky ny fahadiovany. Ilisy hanoanana sy hetahetam-panahy, mba ho tonga tahaka Azy Izay ankalahantsika. Arakaraka ny habetsahan' ny isaintsainantsika an' i Kristy no habetsahan' ny ilazantsika Azy amin' ny olon-kafa sy ainpisehoantsika Azy amin' izao tontolo izao.

[80]

<sup>4</sup> Apok. 22:12 ;

<sup>5</sup> Jao. 6:53,63;

Tsy nosoratana ho an' ny olo-mahay ihany ny Baiboly, la noka-saina ho an' ny an-kabeazam-bahoaka koa. Ny zava-dehibe tsy maintsy ilaina amin' ny famonjena dia natao miharihary toy ny mitataovovonana, ary tsy hisy ho diso afa-tsy izay manaraka ny hevity ny tenany ihany, fa tsy ny sitrapon' Andriamanitra voambara mazava ao amin' ny teniny.

Tsy tokony handray ny fanambaran' olona, na iza na iza, ny amin' izay ampianarin' ny Soratra Masina isika, fa ny tenantsika no tokony handinika ny tenin' Andriamanitra. Raha ny olon-kafa no avelantsika hihevitra ho antsika, dia ho mikolepaka ny hafanampontsika, ary ho botry ny fahaizantsika. Ny herintsaina ambony dia tonga hetry, noho ny tsy fampiasana azy amin' ny zavatra mendrika hihandrinany, ka very ny fahaizany handray hevi-dalina ao amin' ny tenin' Andriamanitra. Mihamalalaka ny saina raha ampiasaina amin' ny fikarohana ny firaisan' ny foto-kevitra ao amin' ny Baiboly, ka mampitaha ny soratra amin' ny soratra ary ny momba ny fanahy amin' ny fanahy.

[81] Tsy misy zavatra azo heverina ho manatanjaka ny saina kokoa mihoatra noho ny mandinika ny Soratra Masina. Tsy misy boky hafa manan-kery hanandratra ny eritreritra sy hanatanjaka ny toe-tsaina tahaka ny lahamarinan' ny Baiboly izay malalaka sady mahasoa. Raha ny tenin' Andriamanitra no dinihina araka izay tokony handinhina azy, dia hanana saina malalaka sy toetra ambony ary faharetana izay tsy hita afa-tsy indraindray foana amin' izao andro izao.

Nefa raha atao an-kamehana ny famakiana ny Soratra Masina, dia kely foana ny soa amin' izany. Angamba misy olona mahavaky ny Baiboly tapitra, nefo tsy mahita ny hatsaràny, na mahalala ny heviny lalina sady miaiina. Andininy anankiray dinihina ambarapahazo tsara ny heviny, sy ambara-pahazava ny ikambanany amin' ny plan' ny famonjena dia mahasoa, noho ny mamaky toko maro tsy misy antony voafetra kendrena, na fahalalana azo ho enti-manao ny tsara. Aza avela hisaraka aminao ny Baibolinao. Mamakia azy isaky ny misy fotoana kely ahafahanao. Mahazo mamaky andininy iray hianao, na dia mandeha eny an-dalambe aza, dia eritrereto izay ho tafalentika ao an-tsainao.

Tsy hahazo fahendrena isika, raha tsy mikendry fatratra sy mandinika amim-pivavahana. Tsotra ny teny sasany ao amin' ny Soratra Masina, ka mora azo, fa ny sasany kosa lalina, ka tsy mety ho azo avy

hatrany. Tsy maintsy ampifampitahaina ny teny ao amin' ny Soratra Masina. Tsy maintsy misy fikarohana lalina sy fiheverana fatratra arahim-bavaka amin' ny anaovana izany. Hisy voka-tsoa lehibe ny fandinihana toy izany. Toy ny mpamaky vato mahita tsoriam-batosoa raha mihady tany, no hahitan' izay mikaroka amim-paharetana ny Tenin' Andriamanitra, ho toy ny rakitra miaiina, ka hahita ny fahamarinana ambony vidy indrindra, izay miaiina eo imason' ny mpitady manao an-kambo Ny tenin' ny Soratra Masina eritreretina ao am-po, dia toy ny ony mivoaka avy ao amin' ny loharanon' aina.

Aza mba mandinika ny Baiboly, na oviana na oviana, raha tsy mivavaka. Alohan' ny hanokafana azy dia tokony hangataka ny fanazavan' ny Fanahy Masina, ary dia ho azo izany. Rehefa tonga teo amin' i Jesosy Natanaela, dia hoy Izy : «Indro ny tena Isarelista tsy misy fitaka. Hoy Natanaela taminy : Ahoana no ahafantranao ahy ? Dia namaly Jesosy, ka nanao taminy hoe : Fony tsy mbola niantso anao Filipo. dia hitako teo ambanin' ny aviavy hianao <sup>1</sup> „Tsin-jon' i Jesosy koa isika eo amin' ny toerana mangina ivavahantsika, raha mangataka fahazavan-tsaina aminy, mba hahalalantsika ny marina, Homba izay mitady fitarihandàlana masina amin' ny fo feno fanetren-tena ny anjely avy any amin' ny lonenan' ny mazava.

Mauandratra sy manome voninahitra ny Mpamonjy ny Fanahy Masina. Ny raharahany dia ny mampiseho an' i Kristy sy ny hadiovan' ny fahamarinany ary ny famonjena lehibe ananantsika amin' ny alàlany. Hoy Jesosy hoe «Handray avy amin' ny Ahy Izy, ka hanambara izany aminareo <sup>1</sup> .» Ny Fanahin' ny fahamarinana no hany Mpampianatra mahay manoro ny fahamarinan' Andriamanitra. Endrey ny fahambonian' ny fiheveran' Andriamanitra ny zanak' olombelona, fa nomeny ny Zanany ho faty hisolo azy, ary notendreny ny Fanahiny ho Mpampianatra sy ho Mpitari-dàlana azy lalandava !

[82]

[83]

[84]

[85]

<sup>1</sup>Jao.1:47,48.

<sup>1</sup>Jao.16:14

## **TOKO XI—Ny tombon-tsoa azo avy amin’ ny fivavahana**

Amin’ ny alalan’ ny zava-boahary sy ny fanambarany tena amin’ ny fitondrany ary amin’ ny asan’ ny Fanahiny no itenenan Andriamanitra. Tsy ampy anefa izany, tsy maintsy mandoatra ny ao am-pontsika eo analrehany koa isika. Tsy maintsy manana firaisansa tanteraka amin’ ny Raïntsika Izay any an-danitra isika, mba hananantsika aim-panahy sy herim-po. Mety ho voatarika any aminy ny saintsika mety ho mieritreritran ny amin’ ny asany sy ny famindrampony ary ny fitahiany isika, nefo tsy izany no firaisansa aminy, raha ny tena marina no holazaina. Raha te-hhiray amin’ Andriamanitra isika, dia tsy maintsy manan-javatra holazaina aminy ny amin’ ny toe-piaïnantsika.

Ny fivavahana dia famborahana ny fo amin’ Andriamanitra, toy ny amin’ ny sakaiza. Tsy maintsy atao izany, tsy noho ny mba hampahanfantatra an’ Andriamanitra ny toetsika la ny mba hampahay antsika handray Azy. Ny fivavahana dia tsy mampi dina an’ Andriamanitra ho aty amintsika, fa mampakatra antsika ho any aminy kosa.

Nampianatra ny mpianany hivavaka Jesosy fony tety ambonin’ ny tany. Nanoro azy Izy mba hampiesho amin’ Andriamanitra izay ilainy isan’ andro sy hametraka ny fanahiny rehetra ao aminy. Ary ny fanomezan-toky nataony taminy fa hohenoina ny fivavahany, dia fanomezan-toky ataony Amin’ ika koa.

Matetika Jesosy no nivavaka, fony Izy niara-monina tamintsika olombelona. Ny Mpamonjintsika dia nahao ny tenany ho mitovy amintsika amin’ ny ilaintsika sy ny fahalemtsika tamin’ Izy tonga mpiangavy sy mpitaraina mangataka fahatevaovao amin’ ny Rainy mba hahatonga Azy ho vonona fanefa ny adidiny sy handresy ny fakam-panahy. Izy no marika alainfsika tahaka amin’ ny zavatra rehetra. Rahalahy Izy amin’ ny fahatemtsika fa, «nalaim-panahy tahaka antsika tamin’ ny zavitra rehetra,» nefo tsy lavo tamin’ ny râtsy Izy, satria tsy nanana ota niaritra ny àdy sy ny fijaham-panahy

teto amin' izao tontolo izao feno ota Izy. Ny toetra maha-olombelona Azy nahtonga ny fivavahana ho zavatra tsy maintsy atao sady tombon-tosa taminy. Nahita fahafinaretana sy fifaliana Izy tamin' ny fidinlhany tamin' ny Rainy. Ary raha Ilay Mpamoujy ny olombelona, Ilay Zanak' Andriamanitra! aza nahátsiaro fa mila fivavahana, mainka fa isika mpanota matemy, mety maty dia tokony hahatsiaro fa tsy maintsy ilaina ny fivavahana lalandava amin-kafanam-po-

[86]

Miandry hanome antsika ny fahafenoan ny fitahiany ny Raintsika Izay any an-danitra. Tombon-tsoa ho antsika ny higoka amin' ny loharanon' ny fitiavana tsy hita lany. Mahagaga loatra nv hakelin ny ivavahanlsika ! Andriamanitra dia vonona sady mankasitraka hihaino ny fivavahana marina ataon ny zanany, na dia izay mahantra indrirdra aza, nefà na izany aza, dia tsy marisika ny hilaza ny mahory antsika amin Andriamanitra isika. Mba ahoana re no hevity ny anjely any an-danitra ny amin' ny olombelona mahantra tsy manankery sady alaimpanahy, raha mangoraka azy ny fon' Andriamanitra feno fitiavana tsy voafetra sady vonona hanome azy mihoatra noho izay hainy angatahina, na neverina, nefà kely fangataka sady kely finoana ? Te-hiankohoka eo anatrehan' Andriamanitra ny anjely; te-ho akaiky Azy izy. Ny fidinlhana amin' Andriamanitra no neveriny ho fifaliany ambony indrindra, nefà ny olombelona teraky ny tany izay mila fanampiana fatratra izay tsy hain' iza na iza omena afa-tsy Andriamanitra ihany dia toa afa-po mandeha mamaky ity "fainana ity, tsy manana ny hazavan' ny Fanahiny sady tsy miaraka aminy ?

Manarona an' izay malaina hiivavaka ny fahamarinan' ilay ratsy. Ny fakampanahy bitsihin' ny devoly ao am-pony no mitaona azy hanota, ary tsy inona no mahatonga izany, fa noho ny tsy fampiasany ny tombon-tsoa nomen' Andriamanitra azy amin' ny fivavahana. Nahoana ny zanaka lahy sy zanaka vavin' Andriamanitra no tsy mety mivavaka, nefà ny fivavahana no fanalahidy eo an-tanan' ny finoana hamohana ny trano fitehirizan' ny lanitra izay iraketana ny harin' ny Tsitoha tsy hita lany. Raha tsy mivavaka mandrakariva sy miambina amimpahazotoana isika dia atahorana ho tonga tsy mitandrina sy miala amin' ny lalana marina. Ny fahavalô dia mitady lalandava hisakana ny lalana mankany amin' ny fitoeram-pamindrampo, mba tsy hahazoantsika, amin' ny fitarainana sy finoana, fahasoavana sy hery hanoherana ny fakam-panahy.

Misy toetra sasany izay ahazoantsika manantena fa hihaino sy hamaly ny fivavahantsika Andriamanitra. Ny anankiray isan' izay voalohany indrindra amin' izany dia ny fahatsiarovantsika hila fanampiana aminy. Hoy ny fikasana nataony :

«Handatsaka rano amin' izay mangetaheta Aho,  
Ary riaka ho amin' izay tany karankaina <sup>1</sup> .”

Izay noana sy mangetaheta fahamarinana, izay maniry an' Andriamanitra. dia mahazo matoky fa hovokisana.

Tsy maintsy vohana ny fo 1 iasan' ny Fanahy Masina, fa raha tsy izany dia tsy ho azo raisina Ey fitahian' Andriamanitra.  
[87]

Ny fisian' ny zava-dehibe ilaintsika no teny tsy azo lavna sady tsara lahatra indrindra ahazoantsika sitraka. Nefa tsy maintsy mangataka ny Tompo isika hanao izany zavatra izany. Hoy Izy: «Mangataha, dia homena hianareo <sup>1</sup> .» Ary koa : «Izay tsy niaro ny Zanani-lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra <sup>2</sup> ?”

Raha mankositraka ota ao am-pontsika isika, raha mikikitra amin' ny fahotana fantatra, na inona na inona isika dia tsy hihaino antsika Jehovah fa ny fivavaky ny fo torotoro sy mangorakoraka no ankasitrahana mandrakariva. Rehefa voahitsy ny diso rehetra izay fantatra dia mahazo mino isika fa hovalian' Andriamanitra ny fitarainantsika. Ny fahamendrehan' ny tenantsika fotsiny dia tsy hahazoantsika sitraka amin' Andriamanitra, na oviana na oviana ny nataon' i Jesosy ihany no hahavonjy antsika ary ny rany no hahadio antsika nefo misy asa hataontsika dia ny hampifanaraka ny toetsika amin' ny fahasoavana.

Ny toetra anankiray koa ananan' ny fivavahana manan-kery dia finoana. «Izay manatona an' Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy sady Mpamaly soa izay mazoto mitady Azy. <sup>3</sup> ” Hoy Jesosy tamin' ny mpianany : «Na inona na inona tononinareo amin' ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray hianareo, dia ho azonareo izany <sup>4</sup> .” Ka moa mitana Azy amin' ny teniny va isika ?

<sup>1</sup> 1sa.44:3.

<sup>1</sup> Mat.7:7 ;

<sup>2</sup> Rom. 8:32 ;

<sup>3</sup> Heb. 11:6 ,

<sup>4</sup> Mar.11:24.

Malalaka sady isy voafetrany fanomezan-toky ary mahatoky Izay Izay nanome toky. Na dia tsy ilay zavatra angatahintsika indrina aza no raisintsika amin' ny fotoana angatahantsika dia mbola mino ihany isika, fa mihaino Jehovah ary hamaly ny fivavahantsika. Diso hevitra sady tsy mahatazan-davitra isika, ka indraindray mangataka zavatra tsy mahasoa antsika, ary ny Raintsika Izay any an-danitra, noho ny fitiavany, dia mamaly ny fivavahantsika amin' ny anomezany antsika izay hahasoa antsika indrindra, dia izay tokony hirin' ny tenantsika raha mba hazavain' ny Fanahy Masina ny saintsika, ka mahazo mahita ny zavatra renetra araka izay tena toetrany. Raha toa tsy mivaly ny fivavahantsika dia ho tokony nitana ny teny fikasana ihany isika, satria tsy maintsy ho tonga ny fotoana hamaliana azy ary horaisintsika ny fitahiana izay tena ilaintsika indrindna. Fahasahiana loatra ny mihevitra fa hovallana manarakafiva araka ny roroana sy ny tarehy aniriantsika azy indrindra ny fivavahana. Hendry Icatra Andriamanitra, ka tsy mety ho diso ary tsara loatra, ka tsy mety mamihina ny tsara ho an' izay mandeha mahitsy. Koa dia aza matahotra hiankina aminy, na dia tsy hitanao miaraka amin' izay aza ny valin' ny fivavahana. Miantehera amin' ny fanomezan-toky nataony hoe: «Mangataha, dia homena hianareo <sup>1</sup> .»

[88]

Raha mandray toro-hevitra avy amin' ny fisalasalana sy ny tahotsika isika, na mitady hanazava ny zavatra rehetra izay maizimaizina amintsika vao hino, dia hitombo sy hihalalina ny fahasahiranana. Nefa raha manatona an' Andriamanitra isika, ka mahatsiaro ny tenantsika ho tsy manan-kery, sady tsy mahaleo tena, dia araka ny tena toetsika tokoa ary amin' ny finoana mietry tena sady matoky no milaza izay ilaintsika aminy Izay manam.-pahalalana tsy voafetra, ka mahita sy manapaka ny zavatra ary rehetra amin' ny teniny sy ny sitrapony, dia Izay no mahay sady mety mihaino ny fitarainantsika, ka hamela ny mazava hamirapiratra ao am-pontsika. Amin' ny fivavahana marina no maha-tafaray antsika amin' ny sain' Ilay Tsimanampetra. Mety tsy hisy famantarana lehibe miseho amintsika amin' ny fotoana iondrehan' ny tavan' ny Mpanavotra antsika eo ambonintsika amin' ny famindrampo sy ny fitiavana nefo izany mihitsy no izy. Mety tsy hotsaroantsika ny fikasihany antsika hita maso, nefo

<sup>1</sup> Mat 7:7 ;

ny tànany dia eo ambonintsika amim-pitiavana sy amim-pangorako-rahana.

Raha tonga mangataka famindrampo sy fitahiana amin' Andriamanitra isika, dia tokony hanana toe-panahy tia sy mamela heloka ao am-pontsika. Ahoana no ahazoantsika mivavaka hoe : «Mamelà ny helokay, tahaka ny namelanay izay meloka taminay,<sup>2</sup> ” nefà mbola manana fanahy tsy mety mamela heloka ? Raha manantena ny fivavahantsika hovaliana isika, dia tsy maintsy mamela ny heloky ny olona, araka ny toetra sy araka ny habetsahan' ny fanantenantsika hamelana ny helotsika.

Ny faharetana amin' ny fivavahana koa no toetra anankiray aha-zoana valiny. Tsy maintsy mivavaka mandrakariva isika, raha tehitombo amin ny finoana sy ny fahalalana. Tsy maintsy «maharitra amin' ny fivavahana isika, ary miambina amin' izany amin' ny fisao-rana<sup>3</sup> .” Nananatra ny mpino Petera ka nanao hoe : «Hendre, ka mahonóna tena ho amin' ny fivavahana<sup>4</sup> .» Paoly nanoro hoe : «Aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin' ny fisao-rana no ho entinareo manambara ny fangatahanareo amin' Andriamanitra amin' ny zavatra rehetra<sup>5</sup> .” Ary hoy Joda :

[89] «Fa hianareo kosa, ry malala mivavaha ao amin' ny Fanahy Masina ary tehirizo ny tenanareo ao amin' ny fitiavan' Andriamanitra<sup>1</sup> .” Ny fivavahana tsy an-kijanona no firaiana tsy tapaka mampikambana ny fanahy amin' Andriamanitra, dia ho tonga ao amin' ny fiainantsika ny fiaianana avy amin' Andriamanitra, ary hivoaka avy amin' ny fiainantsika kosa ho an' Andriamanitra ny fahadiovana sy fahamasinana.

Tsy maintsy ilàna fahazotoana koa ny fivavahana aoka tsy hisy na inona na inona hisakana anao amin' izany. Ataovy izay rehetra azo atao hampaharitra ny firaiana' ny fanahinao amin' i Jesosy. Hararaoty ny fotoana rehetta azonao hankanesana any amin' ny fioerana anaovana fotoam-pivavahana. Izay tena mitady firaiana marina tokoa amin' Andriamanitra, dia izay mazoto amin' ny fotoam-pivavahana, sy azo itokiana amin' ny fanaovana ny adidiny

<sup>2</sup> Mat.6:12

<sup>3</sup> Rom. 12:12;Kolos.4:2

<sup>4</sup> I Pet. 4:7 ;

<sup>5</sup> Fil. 4:6.

<sup>1</sup> Joda and,20,21

ary mafana fo, sady maniry mba handray ny soa mety ho azo amin' izany. Hararaotiny ny fotoana rehetra, mba hahazoany mandray ny tànam-pahazavana avy any an-danitra.

Tokony hisy fotoam-pivavahana ao amin' ny ankohonantsika, ary mihoatra noho izany, tsy tokony hanadino ny fivavahana mangina isika, fa izany no ain' ny fanahy — Tsy hety vanona ny fanahy, raha atao an-kambo ny fivavahana. Tsy ampy ny fivavahana ao amin' ny ankohonana, na ao amin' ny favoriana ihany. Ao amin' ny mangingina no aoka hamborahana ny fo eo anoloan' ny mason' Andriamanitra mandinika. Ny fivavahana mangina dia tsy ren' iza na iza, afa-tsy Ilay Andriamanitra mpihaino vavaka ihany. Tsy misy sofina liana ta-handray ny fitarainana toy izany. Amin' ny fivavahana mangingina no ahafahan' ny fanahy amin' ny fanelingelenan' ny zavatra manodidina sy amin'ny fahataitairana. Ho tafakatra ao amin' Andriamanitra ny fivavahana mangina atao amin-kafanam-po. Ho mamy sady ho maharitra ny hery mivoaka avy ao amin' ilay mahita ao amin' ny mangingina, sady malady mihaino ny fivavahana miloatra avy ao am-po. Amin' ny finoana tony sady tsotra no iraisan' ny fanahy amin' Andriamanitra sy anangonany tànam-pahazavana masina amin' ny tenany, hanatanjaka sy hanohana azy amin' ny adiny amin'i Satana. Andriamanitra no tilikambo mafy ho antsika.

Mivavaha ao amin' ny efi-tranonao ary raha mandeha ho any amin' ny raharahanao hianao, aoka hakarina any amin' Andriamanitra ny fonao. Toy izany no niarahan' i Enoka nandeha tamin' Andriamanitra. Miakatra toy ny fofo-manitra, eo anoloan' ny sezafinandrianan' ny fahasoavana ireny fivavahana mangina ireny. Tsy azon' i Satana resena izay manana fo tsara antoka toy izany ao amin' Andriamanitra

Tsy misy fotoana na fitoerana izay tsy mendrika ny hampakarana fitarainana amin' Andriamanitra. Tsy misy na inona na inona maha zo misakana antsika tsy hanandratra ny fontsika amin' ny fivavahana mafana. Eny anaty vahoaka amin' ny arabe, ao afovoan' ny raharaha mifanjevo, dia azontsika atao ny mampakatra fitarainana amin' Andriamanitra, ary mangataka fitarihan-dàlana avy aminy, toy ny nataon' i Nehemia, raha nanao fangatahana teo anatrehan' i Artaksersesy mpanjaka. Ny fitoerana mangina hanaovam-pivavahana dia mety ho hita, na aiza na aiza misy antsika. Tokony hivoha

lalandava ny varavararan' ny fontsika, ary angatahina Jesosy mba ho tonga honina sy ho tompon-trano ao.

Na dia misy *atmosphère* maloto sady lo aza manodidina antsika, dia tsy tokony hifoka ny poizina ao aminy isika, fa mahazo miaina amin' ny rivotra madion' ny lanitra ihany. Azontsika arindrina ny varavarana rehetra, mba tsy hidiran' ny fisainana maloto sy ny eritreritia tsy masina, raha asandratra amin' ny fivavahana marina ny fanahy ho eo anatrehan' Andriamanitra. Izay manana fo mivoha handray ny fanampiana sy ny fitahian' Andriamanitra, dia handeha amin ny rivotra madio noho ny an' ny tany, ary hanana firaisansa maharitra amin' ny lanitra.

Tokony banana hevitra mazava kokoa ny amin' i Jesosy sy fahalalana feno kokoa ny amin' ny hatsaran' ny fiainana mandrakizay isika. Ny hatsaran-tarehin' ny fahamasinana dia tokony hameno ny fon' ny zanak' Andriamanitra, ary mba hahatanteraka izany, dia tokony hotadiavintsika izay hisehoan' ny zava-masina amintsika.

Aoka halefa hiakatra ny fanahy mba hahazoan' Andriamanitra mampiaina antsika amin' ny *atmosphere-n'* ny lanitra. Tokony hanakaiky an' Anndriamanitra isika, mba hitodihan' ny saintsika any aminy, raha mamely tampoka ny fakampanahy, dia toy ny fitodiky ny voninkazo any amin' ny masoandro.

Ento eo anoloan' Andriamanitra ny ilainao, ny tifalianao, ny fahorianao, ny fanahianao, ny tahotrao. Tsy hahasasatra na hahavalaka Azy ny anaovanao izany. Tsy hanao tsinontsinona izay ilain' ny zanany Ilay mahay manisa ny volon-dohanao. «Miantra indrindra ny Tompo sady be famindrampo<sup>1</sup> .» Ny fony feno fitiavana dia mangoraka noho ny fahorantsika, eny na dia noho ny filazantsika izany ihany aza. Ento any aminy ny zavatra rehetra manahirana ny saira. Tsy misy zavatra mavesatra loatra, ka tsy ho zakany, satria Izy no mitana izao tontolo izao, Izy no manapaka ny ranaraha rehetra amin' izao tontolo izao. Tsy misy, na inona na inona izay mo nba ny fiadanantsika no azo atao hoe kely loatra ka tsy ho hitany. Tsy misy toko ao amin' ny zaza- mihatra amintsika azo atao hoe maizina loatra, ka tsy ho voavakiny tsy misy zava-tsarotra manahirana loatra, ka tsy ho hainy hazavaina. Tsy misy loza mahazo mihatra na dia amin' izay kely indrindra amin' ny zanany aza, tsy misy tebiteby

<sup>1</sup> Jak.5:11.

mampijaly ny fanahy, tsy misy fifaliana mahamiramirana, tsy misy fivavahana marina navoaky ny vava izay tsy voadiniky ny Raintsika Izay any an-danitra, na tsy nampaninona Azy.

«Mahasitrana ny torotoro fo Izy sy mamehy ny feriny <sup>1</sup> .»

Ny firaisan' Andriamanitra sy ny fanahy tsirairayavy dia miharihary sady tanteraka, ka mahatonga ny fanahy hiaramiah y aminy eto ambonin' ny tany, nef a hafa fa ilay fanahy nomeny ny Zanany malalany ihany.

Hoy Jesosy hoe : «Hangataka amin' ny anarako hianareo ary tsy milaza aminareo Aho fa Izaho no hangataka amin' ny Ray ho anarec fa ny Ray dia tia anareo.» «Izaho no nifidy anareo mba homen' ny Ray anareo izay rehetra hangatehinareo amin' ny anarako na inona na inona <sup>2</sup> .» Nef a ny hoe mivavaka amin' i Jesosy dia mihoatra noho ny manonona fotsiny ny anarany amin' ny fiandohana sy ny fiafaran' ny fiva-vahana. Ny tena mivavaka amin' ny anaran' i Jesosy dia izay mivavaka araka ny toe-tsaina sy toe-panahin' i Jesosy, ka mino ny teniny sy matoky ny fahasoavany ary manao ny asany.

Andriamanitra tsy mihevitra antsika ho tonga mpitoetra manirery na mpitoka-monina, ka hiala amin' izao tontolo izao mba hanoiotra ny tenantsika ho amiu' ny raharaha-pivavahana. Tsy maintsy ho tahaka an' i Kristy ny toe-piainantsika — dia eo anelanelan' ny tendrombohitra sy ny vahoaka. Izay tsy manao na inona na inona afa-tsy ny mivavaka, vetivety foana dia hijanona tsy hivavaka intsony, na ho tonga fahazarana ara pomba fotsiny ny fivavahany. Izay miala amin' ny firaiana sy fifanererasera amin' ny olona, dia miala amin' ny adidy Kristiana sy ny fitondrana hazo fijaliana izay mitsahatra tsy miasa aminkafanam-po ho an' ny Tompo izay niasa tamin-kafanam-po ho azy, dia hahavery ny votoatin' ny fivavahana, ary tsy hanana faniriana hivavaka intsony. Ny fivavahan' ny olona toy izany dia ataony ho an' ny tenany ihany. Tsy hainy ny mivavaka hangataka izay mahasoa ny olombelona, na ny handrosoan' ny ianjakan' i Kristy, na ny hila hery ho enti-miasa.

Maty antoka isika raha tsy mikambana hifanatanjaka sy hifamporisika amin' ny fanompoana an' Andriamanitra. Tonga very tsy ho ao an-tsaintsika ny hery sy ny hatsaran' ny hamamnan' my

<sup>1</sup> Sal.147:3 ;

<sup>2</sup> Jao. 16:26,27; 15,6

[92] Teniny. Manjary tsy hazavaina, na hetsehin' ny heriny manamasina ny fontsika ary mihena ny hamasinantsika. Maty antoka be isika amin' ny fikambanantsika Kristiana, raha tsy mifankatia amin' ny fo. Ny miolonolona samy irery, dia tsy manatanteraka ny anton' ny nikasan' Andriamanitra azy. Ny fanamboarana tsara ny toetra tia fikambanana ao an-tsaintsika, dia mahatonga antsika ho tia fatratra ny hafa, sady fototry ny fandrosoana sy ny hery ho antsika amin' ny raharahan' Andria-manitra.

Raha mety mikambana ny Kristiana, ka mifampiresaka ny amin' ny fitiavan' Andriamanitra sy ny amin' ny hamarinan' ny fanavotana, dia ho velombelona ny fanahiny, sady hifamelombelona koa izy. Tokony hianatra bebe kokoa isan' andro ny amin' ny Raitsika Izay any an-danitra isika, dia habazo fahalalana vaovao ny amin' ny fahasoavany amin' izay dia haniry hilaza ny fitiavany isika ary raha manao izany isika, dia hihamafana sy hihamarisika ny fontsika. Raha mihevitra sy miresaka bebe kokoa ny amin' i Jesosy isika, ary kelikely kokoa ny amin' ny tenantsika, dia hahazo an' i Kristy mifanatrika be lavitra noho izao isika.

Raha isika no mba mety hihevitra an' Andriamanitra isaky ny ahatsiarovantsika ny fiahiany antsika, dia tsy ho afaka antsaintsika Izy, sady ho faly hiresaka Azy sy hidera Azy isika. Miresaka ny zavatra momba izao fiainana izao isika, satria mankamamy azy. Miresaka ny amin' ny sakaizantsika isika, satria tia azy, ka miaramiroborobo aminy raha faly, ary miaramitomany aminy, raha ory. Nefa manana antony lehibe lavitra ny itiavantsika an' Andriamanitra isika, noho ny itiavantsika ny sakaizantsika ary tokony ho zavatra mety indrindra amin' izao tontolo izao ny hanao Azy ho voalohany indrindra ao an-tsaina, ka hiresaka ny hatsarany sy hilaza ny heriny. Ny fanomezantsoa nomeny antsika, dia tsy nokasainy hitelina ny saintsika sy ny fitiavantsika, ka tsy hananantsika na inona na inona homena an' Andriamanitra — fa natao hahatsiarovantsika Azy lalandava sy hamatorana antsika amin' ny kofehin' ny fitiavana sy ny fankasitrahana hiompana amin' Ilay Mpanisy soa. Monina akaiky loatra ny lemaka eto an-tany isika. Aoka isika hanandratra ny masontsika any amin' ny varavarana' ny fitoerana masina any ambony, any amin' ilay amirapiratan' ny voninahitr' Andriamanitra. eo

amin' ny tavan' i Kristy Ilay «mahavonjy tokoa izay manatona an' Andriamanitra amin' ny alalany<sup>1</sup> .»

Tokony hidera an' Andriamanitra misimisy kokoa isika «noho ny famindrampony sy ny fahagagana ataony amin' ny zanak' olombe-lona<sup>1</sup> .» Tsy tokony ho fangatahana sy fandraisana fotsiny no atao amin' ny fivavahantsika. Aoka isika tsy hihevitra mandrakariva izay ilaintsika, nefà tsy hihevitra na oviana na oviana ny soa noraisintsika. Ataontsika fa kely ny fangatahantsika, nefà ny fisaorantsika no tena kely loatra. Mandray ny famindrampon' Andriamanitra lalandava isika, nefà kely foana ny fankasitrahaha ataontsika, kely foana ny fiderantsika Azy noho izay nataony tamintsika.

[93]

Fahiny, raha nivory hanao fanompoam-pivavahana ho an' i Jehovah ny Israeliy, dia nandidy azy Izy hoe : «Any no hihinananareo sy ny ankohonanareo eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrareo, ary hifalianareo amin' izay rehetra harin' ny tànanareo. izay efa nitahian' i Jehovah Andriamanitrapa anao.<sup>2</sup> » Izay atao ho voninahitr' Andriamanitra dia tokony hatao amin' ny fo feno fifaliana sy fiderana ary fisaorana, fa tsy amin' ny toetra ory na manjombona.

Andriamanitra dia Ray miantra sady mamindra fo. Tsy tokony hoheverina ho zavatra mampahory na mampalahelo ny fanompoana Azy. Tokony ho fifaliana ny mivavaka amin' i Jehovah sy ny manao ny asany. Tsy tian' Andriamanitra raha ny zanany izay efa nomeny famonjena lehibe no hihevitra Azy ho toy ny mpampiasa lozabe sady mamoritra. Sakaizantsika tsara indrindra Izy ary raha mivavaka aminy isika, dia manantena ho ao amintsika Izy hitahy sy hampionona antsika ary hameno fifaliana sy fitiavana ny fontsika. Irin' ny T( mpo ny zanany mba hifaly amin' ny fanompoana Azy, ka hahita fahafinaretana bebe kokoa noho ny fahasahiranana amin' ny raharahany. Izay tonga hivavaka aminy dia iriny, rehefa miverina ao an-tranony, hitondra hevitra mamy ny amin' ny fiahiany sy ny fitiavany, mha ho falifaly amin' ny rahraham-pivelomana rehetra isan' andro sy mba hananany fahasoavana, ka ho marina sy mahatoky amin' ny zavatra rehetra.

Aoka isika hankeo am-pototry ny hazo fijaliana. Ary Kristy, dia Izy voahombo no tokony ho fototr' izay hobanjinina sy resahina ary

<sup>1</sup> Heb.7:25.

<sup>1</sup> Sal.107:8;

<sup>2</sup> Deot.12.

ifalantsika. Tokony hotadidina ao an-tsaintsika ny fitahiana rehetra noraisintsika tamin' Andrirmanitra ary raha mahatsiaro ny fitiavany lehibe isika, dia tokony hety hametraka ny zavatra rehetra eo amin' ilay tànananofantsihana teo ambony hazo fijaliana ho antsika.

Amin' ny elatry ny fiderena no ahazoan' ny fanahy hiakatra ho eo akaikikaikin' ny lanitra kokoa Ankalazaina amin' ny tonon-kira sy

[94] ny mozika ao amin' ny lapany ao ambony Andria- manitra ary amin' ny ampisehoantsika ny fisaorantsika no anatonantsika kokoa ny fo-toam-pivavahana ataon' ny ankamaroan' ny ao an-danitra. «Izay manatitra fanati-pisaorana no manome voninahitra<sup>1</sup> » an' Andria-manitra. Koa dia aoka isika hankeo anoloan' ny Mpanao antsika amin' ny fifaliana feno fanajana mitondra «ny fisaorana sy ny feo fiderana<sup>2</sup> .»

[95]

[96]

[97]

---

<sup>1</sup> Sal.50:23 ;

<sup>2</sup> Isa.51:3.

## TOKO XII—Inona no hatao amin’ ny fisalasalana?

Maro ny olona no sahiranin’ ny fisalasalana indraindrav, indrindra fa ireo zazavao amin’ ny fiainana Kristiana. Misy zavatra ao amin ny Baiboly, izay tsy hainy hazavaina na hofantarina akory aza, ary ampiasain’ i Satana izany hanozongozona ny finoany ny amin ny maha-tenin’ Andriamanitra ny Soratra Masina. Hoy izy: «Ataoko ahoana no hahafantatra ny lalana marina. Raha tenin’ Andriamanitra tokoa ny Baiboly, atao ahoana no hahafaka ahy amin’ ireny fisalasalana sy fahasahiranan-kevitra ireny ? ”

Andriamanitra tsy mampino antsika na oviana na oviana, raha tsy manome porofo ampy hiorenan’ ny finoantsika. Ny fisiany, ny toetrary ary ny hamarinan’ ny Teniny dia hamarinin’ ny porofo izay mitory amin’ ny saintsika, sady ampy hanaranampo izany porofo izany. Andriamanitra anefa tsy manaisotra ny fisalasalana, na oviana na oviana. Tsy maintsy miankina amin’ ny tena azo antoka ny finoantsika, fa tsy amin’ ny fisehoana fotsiny. Izay te-hisalasala dia mahazo misalasala, fa izay tena maniry hahalala ny marina kosa. dia hahita izay tena izy ampy hiorenan’ ny finoany.

Tsy azon’ ny saina voafetra atao velively ny hahalala tanteraka ny toetra na ny asan’ Ilay Tsivoafetra.” Na dia amin’ ny saina mahiratra indrindra sady nahita fianarana ambony indrindra aza, dia mbola zava-miafina saro-pantarina Ilay Andriamanitra masina.

«Takatry ny sainao va ny fomban’ Andriamanitra?  
Ary tanteraka va ny fahitanao ny Tsitoha?  
Avo tahaka ny lanitra izany ! ka inona no hainao atao?  
Lalina noho ny fiainan-tsihita ! ka inona no fantatrao <sup>1</sup> ?»

Loa-bolana mantsy Paoly Apostoly, ka nanao hoe : «Endrey ny halalin’ ny haren’ Andriamanitra sy ny fahendreny ary ny fahalalany ! ny fitsarany tsy hita lany, ary ny lèlany tsy azo fantarina! <sup>2</sup> » Nefa na dia «rahona sy aizim-pito» aza «no manodidina Azy;

---

<sup>1</sup>Joba.11:7.8 ;

<sup>2</sup>Rom. 11:33 ;

fahamarinana sy fitsarana no fanorenan' ny seza fiandrianany <sup>3</sup> .»  
 [98] Ny ataony amintsika sy ny anton' izay manetsika Azy no fantatsika,  
 ka hahaizantsika mamantatra ny fitiavana sy ny famindrampo tsy  
 hita lany mifaningotra amin' ny hery tsy voafetra. Ny fikasany izay  
 mendrika ho fantatsika ihany no fantatsika ary ao an-koatr' izany  
 dia tsy maintsy matoky Ilay tànana mahery sy Ilay fo feno fitiavana  
 isika.

Ny Tenin' Andriamanitra dia tahaka ny toetry ny Tompony ihany,  
 ka misy zava-miafina, izay tsy mety ho fantatra tanteraky ny zava-  
 boahary manam-petra na oviana na oviana. Ny nidiran' ny fahotana  
 tamin' izao tontolo izao, ny nahatongavan' i Kristy ho nolo, ny fiter-  
 aham-baovao, ny fitsanganana amin' ny maty ary ny zavatra maro  
 hafa koa aseho ao amin' ny Baiboly, dia zava-miafina lalina loatra,  
 ka tsy takatry ny sain' olombelona hohazavaina, na hoe ho fantatra  
 tanteraka marina akory aza. Nefa tsy misy antony isalasalantsika ny  
 amin' ny Tenin' Andriamanitra, satria tsy mahafantatra ny zava-mi-  
 afina ao amin' ny fitondrany isika. Amin' ny zavatra eto amin' izao  
 tontolo izao, dia manodidina antsika lalandava ny zava-dalina izay  
 tsy takatsika polopolorina. Na dia ny karazan' aina ambany indrindra  
 aza, dia tsy hain' *nyp hilosophe* olon-kendry sy lalin-tsaina mahay  
 indrindra hazavaina. Misy zava-mahagaga tsy takatry ny saintsika  
 eny rehetra eny. Ka dia tokony ho gaga ve isika raha mahita fa amin'  
 ny ara-panahy koa dia misy zava-miafina, izay tsy haintsika fantarina  
 velively ? Ny fahalemena sy ny fahateren' ny sain' olombelona no  
 tsy ahaizana izany. Andriamanitra efa nanome antsika porofo ampy  
 ao amin' ny Baiboly ny amin' ny maha-avy amin' Andriamanitra  
 azy, ka tsy tokony hisalasala ny amin' ny Tenin' Andriamanitra isika,  
 satria tsy fantatsika ny zava-mialina rehetra ao amin' ny fitondrany.

Lazain' i Petera Apostoly, fa ao amin' ny Soratra Masina dia  
 «misy zavatra saro-pantarina, izay aolan' ny olona kely fahalala-na  
 sady tsy miorina tsara ka mahatonga fahaverezana ho an' ny tenany  
<sup>1</sup> .”

Ny fahasarotan' ny hevity ny Soratra Masina no efa nampia-  
 sain' ny tsy mino ho enti-manohitra ny Baiboly nefo hafa lavitra  
 noho izany, fa io indrindra no porofo mahery ny amin' ny maha-avy

<sup>3</sup> Sal.97:2.

<sup>1</sup> 2Pet.3:16

amin' Andriamanitra azy. Raha tsy milaza ny amin' Andriamanitra izy, afa tsy izay mety ho fantatsika moramora ihany raha mety ho takatry ny saina voafetra ny halehibeazany sy ny voninahiny, dia tsy tokony hinoana ho avy amin' Andriamanitra akory ny Baiboly. Ny halehibeazana sy ny mahasaropantarina ny foto-javatra indrindra izay aseho ao aminy dia tokony hiteraka finoana azy ho tenin' Andriamanitra.

[99]

Ny Baiboly dia milaza ny fahamarinana amin' ny fomba tsotra sy antonona indrindra ny fon' olombelona, ka sady efa nahagaga sy nahafaly ny olona ambony indrindra no nahitan' ny ambany indrindra sy ny kely fahalalana ny lalam-pamonjena. Izany fahamarinana lazaina tsotra izany no misy ny zavatra am-bony sy lalina, ka tsy mety ho takatry ny sain' olombelona ka noho izy nolazain' Andriamanitra ihany no ahazoantsika manaiky azy. Koa amin' izany ny hevit' Andriamanitra ny amin' ny fanavotana dia aseho amintsika mba hahitan' ny olona rehetra izay tokony hataony amin' ny fibebahana amin' Andriamanitra sy ny finoana an' i Jesosy Kristy Tompontsika mba hovonjena araka ny fomba voatendrin' Andriamanitra nefo ao anatin' izany fahamarinana mora fantatra izany no misy zava-tsaro-pantarina izay mandresy ny saina fatra-pikatsaka, nefo manoro hevitra ny tena mpitady ny marina amin' ny fanajana sy ny finoana. Ara-karaka ny habetsahan' ny andinihana ny Baiboly no mainka mampiaiky fa tenin' Andriamanitra velona izy, ary ny fiheveran' olombelona dia miondrika eo anoloan' ny fahalehibeazan' ny fahamarinan' Andriamanitra.

Ny miaiky fa tsy tena mahalala tanteraka ny fahamarinana lehibe ao amin' ny Baiboly isika dia tsy inona fa miaiky fa ny saina voafetra dia tsy ampy handray ny tsy voafetra ny olom-belona manam-pahalalana voafetra dia tsy mahay mamantatra ny fikasan' Ilay Mahalala ny zavatra rehetra.

Lavin' ny mpisalasala sy ny tsy mpino ny tenin' Andriamanitra, satria tsy takany ny zava-miafina ao aminy ary na dia izay rehetra milaza ny tenany ho mino ny Baiboly aza tsy ary afaka amin' ny fahavoazana amin' izany. Hoy ny Apostoly hoe : «Tandremo, ry rahalahy, fandrao hisy aminareo hanana fo ratsy tsy mino ka hiala amin' Andriamanitra velona<sup>1</sup>.» Koa dia mety ny mandinika

<sup>1</sup>Heb. 3:12 ;

tsara ny fampianaran' ny Baiboly sy mikaroka ny «saina lalina izay an' Andriamanitra<sup>2</sup> .» araka izay anambarana azy ao amin' ny Soratra Masina. Kanefa «an' i Jehovah Andria-manitsika ny zava-miafina fa antsika. . . . .kosa ny zavatra ambara<sup>3</sup> .» Nefa raharahan' i Satana ny mamely ny herin-tsaina mahay mandinika. Misy fireharehana mifangaro amin' ny fiheverana ny Baiboly, ka mahatsiaro tsy faharetana sy fahakiviana ny olona raha tsy hainy hazavaina mahafa-po azy tsara ny teny rehetra ao amin' ny Soratra Masina. Ataony fa mahafa-baraka azy ny tsy mahalala ny teny avy amin' Andriamanitra. Tsy mety miandry amim-paharetana izy ambara-pampisehon' Andriamanitra ny marina aminy araka izay ataony ho mety. Ataony fa ny fahendreny fotsiny, araka ny maha-olombelona azy, dia ampy hampahalala azy ny hevity ny Soratra Masina, ka rehefa tsy araka izany, dia laviny an-kitsirano izao ny mahamarina azy. Marina fa misy maro ny hevitra sy ny fampianarana izay heverin' ny olona ho avy amin' ny Baiboly no tsy araky ny fampianaran' ny Baiboly, fa mifanohitra amin' ny totalin-kevity ny Soratra Masina aza. Izany rehetra izany no efa nahatonga fisalasalana sy fahasahiranana tao an-tsain' ny olona maro. Tsy azo atao ho tsinin' ny Tenin' Andriamanitra nefo izany, fa tsinin' ny olona izay marnpivily ny heviny.

Raha hain' ny zava-noharina atao ny hahalala tanteraka an' Andriamanitra sy ny asany, ka tonga amin' izany fanaperana izany izy, dia tsy hisy fahitana ny marina intsony, tsy hisy fitomboana amin' ny fahalalana intsony, tsy hisy fivelaran' ny saina na ny fo intsony. Tsy ho ambony indrindra Andriamanitra ary ny olona, noho izy efa mahatratra ny fetry ny fahalalana sy izay tokony ho tratra dia hitsahatra tsy handroso intsony. Isaorana anie Andriamanitra fa tsy izany no izy. Andriamanitra dia tsy voafetra ao aminy no «iafenan' ny rakity ny fahendrena sy ny fahalalana rehetra<sup>1</sup> .» Ary mahazo mikaroka sy mianatra hatrany amin' ny faran' ny mandrakizay ny olona, nefo tsy hahatapitra ny rakity ny fahendreny sy ny fahatsarany ary ny heriny.

Na eto amin' ity fiainana ity aza dia kasain' Andriamanitra haseho amin' ny olony ny hamarinan' ny Teniny. Lalana iray monja

<sup>2</sup>1 Kor.2:10

<sup>3</sup>Deot.29:28

<sup>1</sup>kolos.2:3 ;

anefa no ahazoana izany fahalalana izany. Ny fanazavan' ny Fanahy ihany izay nahazoana ny Teny no ahazoantsika fahalalana ny Tenin' Andriamanitra. «Tsy misy mahalala ny ao am-pon' Andriamanitra, afa-tsy ny Fanahin' Andriamanitra ihany — fa ny Fanahy mamantatra ny zavatra rehetra, ria dia ny saina lalina izay an' Andriamanitra aza<sup>2</sup>.» Ary ny teny fikasana nataon' ny Mpamony tamin' ny mpnaraka Azy dia hoe : «Raha tonga ny Fanahin' ny fahamarinana. dia Izy hitari-dalana anareo ho amin' ny marina rehetra; . . . . . fa handray avy amin' ny Ahy Izy, ka hanambara izany aminareo<sup>3</sup>.»

Maniry ny olona hampiasa ny herin-tsainy Andriamanitra ary ny fandinihana ny Baiboly no hanatanjaka sy hanandratra ny saina, mihoatra noho izay azon' ny fandinihana hafa atao. Nefa tokony hosorohintsika ny hanambony loatra ny fiheverana fa andairan' ny fahalemena sy ny fahosan' olombelona izy. Raha tantsika hibaribary amin' nv fahalalantsika nv Soratra Masina, ka irintsika ho fantatra ny marina tsotra indrindra, dia tsy maaintsy manana ny fahatsorana sy ny finoan' ny zazakely isika, vonon-kianatra ary mangataka ny fanampian' ny Fanahy Masina. Ny fiheverana ny herin' Andriamanitra sy ny fahendreny ary ny tsy fahatakarantsika ny fahalehibeazany, dia tokony hampiety tena antsika, ka tokony hanokatra ny Teniny amin-tahotra masina, toy ny mankeo anatrehany isika. Rehefa tonga eo amin' ny Baiboly isika dia tsy maaintsy miaiky fa misy fahefana ambony noho ny fahamarinantsika ary tsy maaintsy mihohoka amin' Ilay Izaho Izay Izy lehibe ny fo sy ny saina.

[101]

Misy zavatra maro tena manahirana sady maizina, izay hohazavain' Andriamanitra sady hotsoriny amin' izay mangataka fahalalana ny amin' izany. Nefa raha tsy misy ny fitarihan' ny Fanahy Masina, dia mety hanova mandrakariva ny hevitry ny Soratra Masina isika, na ho diso fandray azy. Betsaka ny famakiana ny Baiboly no tsy wahasoakory, fa vao mainka tena manimba mihitsy aza. Raha sokafana tsy amim-panajana sy tsy amim-pivavahana ny Tenin' Andriamanitra raha tsy miorina amin' Andriamanitra ny hevitra sy ny fitiavana, na tsy mifanaraka amin' ny sitrapony, dia maizin' ny fisalasalana ny saina, ary amin' ny fandinihana ny Baiboly indrindra aza, no vao mainka mihibe ny fiahahanahana. Mifehy ny saina ny fa-

<sup>2</sup>1 Kor.2:11.12<sup>3</sup>Jao.16:13,14.

havalo, ka mampiseho hevi-teny tsy marina. Na rahoviana, na raho-viana ny olona no tsy mitady fifanaraka amin' Andriamanitra amin' ny teny sy ny atao, dia mety ho diso ny fahalalany ny Soratra Masina. na manao ahoana na manao ahoana lahaizany, ka tsy azo itokiana ny fanazavany azy. Izay mijery ny Baiboly hitady tsy fifanarahana ao, dia olona tsy manana tena fahalalana tanteraka. Noho ny fijeresa vilana dia hahita antony maro izy izay mahatonga fisalasalanasy tsy finoana amin' ny zavatra izay tena mazavasady tsotra.

Aoka hamily ny heviny ny olona, raha tiany izany, nefà ny tena anton' ny fisalasalana sy ny tsy finoana amin' ny ankabeazan' olona dia tsy inona fa fitiavana ota. Tsy ankasitrahant' ny fo tia ota sady be avona ny fampianarana sy ny fandraranana ao amin' ny Tenin' Andria-manitra, ary izay tsy ta-hankato ny asainy atao dia vonona hisalasala ny amin' ny mahamarina azy. Raha te-ho marina isika dia tsy maintsy tena maniry tokca hahalala ny marina sady mety hankatò azy. Ary izay rehetra manana izany toe-panahy izany ho enti-mianatra ny Baiboly, dia hahita porofo ampy, fa Tenin' Andriamanitra tokoa izy ary hahalala ny hamarinany izay hampahahendry azy ho amin' ny famonjena.

Kristy efa nanao hoe : «Raha misy olona ta-hanao ny sitrapony, dia hahalala ny amin' ny fampianarana izy<sup>1</sup> .» Raha misy tsy fantatrao dia aleo milandrina r.y fahazavana izay misy ao aminao rahateo, toy izay manadinadina sy mamalivaly foana ny amin' izany, dia hahazo fahazavana bebe kokoa hianao. Noho ny fahasoavan' i Kristy, vitao ny adidy rehetra efa nampahalalaina anao, dia hahalala sy bahavita izay mampisalasala anao izao hianao.

Misy porofo mety ho takatry ny olona rehetra, na izay mahay indrindra, na izay bado indrindra, dia ny porofo avy amin' ny fanaovana na ny fanandramana. Mangataka ny tenantsika Andria-manitra hanaporofy ny mahatò ny Teniny sy mahamarina ny fikasany, fa hoy Izy amintsika : «Andramo. ka izahao, fa tsara Jehovah<sup>1</sup> .» Ny tenantsika no asai-manandrana, fa tsy hiantehitra amin' nv tenin olon-kafa. Hoy Izy : «Mangataha, dia hahazo hianareo<sup>2</sup> .» Tsy maintsy tanteraka ny fikasany. Tsy mbola diso, na oviana na oviana ireny, ary tsy hety diso koa, na oviana na oviana. Ary raha manatona

<sup>1</sup>Jao.7:17.

<sup>1</sup> sal.34:8 ;

<sup>2</sup>Jao. 16:21 ;

an' i Jesosy isika, ka mifaly amin' ny fahafenoan ny fitiavany. dia ho levona amin' ny bazavan' ny tavany ny fisalnsalantsika sy ny fahamaizinantsika.

Paoly Apostoly milaza la Andriamanitra «nahafaka antsika tamin' ny fahefan' ny maizina ka namindra antsika ho amin' ny fanjakan' ny Zanany malalany<sup>3</sup>.» Ary izay rehetra efa niala tamin' ny fahafatesana ho amin' ny fainana dia mahazo «manisy tombo-kase fa marina Andriamanitra<sup>4</sup> .» Mahazo manambara hoe izy : «Nila fanampiana aho. ka nahita tao amin' i Jesosy. Izay rehetra ilaina dia misy avokoa. ka ny fanahiko noana dia novokisana ary amiko izao ny Baiboly dia fanambarana an' i Kristy, Hanontany va hianao, nahoana moa aho no mino an' i Jesosy? — Satria Mpamonjy ahy Izy. Nahoana moa aho no mino ny Baiboy ? — Satria hitako fa feon' Andriamanitra miteny amin' ny fanahiko izy.» Mety banana vavolombelona ao amin' ny tenantsika isika la n arina ny Baiboly ary Krisly no Zanak' Andriamanitra. Fantatsika fa tsy manaraka angano tsara lahatra foana isika.

Petera dia nampirisika ny rahalahiny, ka nanao hoe : «Mitomboa amin' ny fahasoavana sy ny fahalalana an' i Jesosy Krisly Tomponlsika sy Mpamonjy<sup>5</sup> .» Raha milombo amin' ny fahasoavana ny olon' Andriamanitra, dia hahazo fahalalana mazava ny Teniny izy. Hahita fahazavana sy fahatsarana amin' ny hamarinany masina izy. Marina izany tamin' ny tantaran' ny fiangonana hatrany hatrany ary mbola haharitra ho toy izany ihany hatramin' ny farany.

«Fa ny lalan' ny marina dia toy ny fipoak' andro maraina,  
Izay mihamazava mandra-pitataovovanon' ny andro<sup>6</sup> .»

[103]

Amin' ny finoana no ahazoanlsika mijery ny any an-koatra sy mitana ny tena fanekena nalaon' Andriamanitra hampitombo fahalalana ary hampifamatotra amin' ny an' Andriamanitra ny herintsain' olombelona ary ny herim-panahy rehetra hakambana mivantana amin' Ilay Loharanom-pahazavana. Mahazo mifaly isika, fa izay rehetra nanahirana antsika tamin' ny fitondran' Andriamanitra dia hiharihary amin' izay ary ny zavatra saropantarina dia ho voazava ary amin izay tsy ahitan" izao saintsika kely voafetra izao,

<sup>3</sup>Kolos.1:13;

<sup>4</sup>Jao.3:33;

<sup>5</sup>Pet. 3:13 ;

<sup>6</sup>Oh.4:18.

afa-tsy likorontanana sy fikasana diso dia hahita fifanarahana tan-  
teraka sady tsara indrindra isika. «Fa ankehitriny isika mizaha ao  
amin' ny fitaratra, ka tsy mahita marina, fa rahatrizay dia mifana-  
trika ankehitriny sombintsombiny no fantatro : fa rahatrizay dia ho  
fantatro tsara toy izay nahafantarana ahy <sup>1</sup> .»

[105]

---

<sup>1</sup> Kor.13:12.

## TOKO XIII—Fifaliana ao amin' ny Tompo

Ilaina ny zanak' Andriamanitra mba ho solon' i Kristy, hampiseho ny hatsarana sy ny famindrampon' ny Tompo. Tahaka ny nampisehoan' i Jesosy tamintsika ny tena toetry ny Ray, toy izany koa no tokony hampisehoantsika an' i Kristy eo amin' izao tontolo izao, izay tsy maintsy mahalala ny fitiavany mora sady feno antra. Hoy Jesosy : «Tahaka ny nanirahinao Ahy ho amin' izao tontolo izao, no mba nanirahako azy kosa ho amin' izao tontolo izao. Izaho ao aminy, ary Hianao ato amiko, . . . . . mba ho fantatr' izao tontolo izao fa Hianao efa naniraka Ahy<sup>1</sup> .” Hoy Paoly Apostoly tamin' ny mpianatr' i Jesosy : «Aseho ho epistilin' i Kristy hianareo, sady fantatra sy vakin' ny olona rehetra<sup>1</sup> .” Isam-batan' olona tsirairay avy amin' ny zanany no ampitondran' i Jesosy taratasy ho an' izao tontolo izao. Raha mpianatr' i Kristy hianao, dia hianao no taratasy ampitondrainy ho any amin' ny fianakaviana sy tanàna ary ny arabe izay misy anao. Jesosy ao anatinao dia maniry hiteny amin' ny fon' ireo izay tsy mahalala Azy. Angamba tsy mamaky ny Baiboly izy, na mihaino ny feo miteny aminy ao amin' izany ka dia tsy mahita ny fitiavan' Andriamanitra ao amin' ny asany izy. Nefa raha tena sarin' i Jesosy marina tokoa hianao, dia angamba amin' ny alalanao no hahatonga azy hahalala ny hatsarany, ary ho voataona ho tia sy hanompo Azy.

Ny Kristiana dia atao mpitondra fanilo amin' ny lèlana mankany an-danitra. Ny fahazavana raisiny avy amin' i Kristy, dia tsy maintsy alefany hitaratra amin' izao tontolo izao. Avy amin' ny toe-piainany sy ny toe-panahiny no tokony hahalalan' ny olona marina an' i Kristy sy ny fanompoana Azy.

Raha tena sarin' i Kristy isika, dia hataontsika izay hisehoan' ny raharahany ho mahafinaritra toy izay tena toetrary. Ny Kristiana izay manangona alahelo sy fahoriana ao amin' ny fanahiny, ary mimonomonina sy mitaraina, dia diso ny fampisehony ny sarin'

---

<sup>1</sup>Jao.17:18,23 ;

2 Kor.3:3,2.

Andriamanitra amin' ny olon-kafa sy amin' ny fiainana Kristiana. Izany atao ny dia mahatonga ny olona hihevitra, fa Andriamanitra dia tsy faly amin' ny fahafinaretan' ny zanany, ary amin' izany dia vavolombelona mandainga manohitra ny Raintsika Izay any an-danitra izy.

Ravoravo Satana raha mahataona nv zanak' Andriamanitra tsy hino sy hamoy fo. Faly izy mahita antsika tsy matoky an' Andriamanitra, ka misalasala ny amin' ny fetezany sy ny heriny hamonjy antsika. Tiany ny mahatonga antsika hino, fa ny Tompo hampididoza amintsika amin' ny fitondrany. Ny raharahan' i Satana dia ny mampiseho an' i Jehovah ho tsy manana antra sy famindrampo. Ataony diso filaza ny tena toetrary marina. Fenoiny hevitra tsy marina ny amin' Andriamanitra ao an' eritreritra, ary matetika koa isika no mino ny vohony omen' i Satana, fa tsy mifikitra amin' ny marina sy amin' ny Raintsika Izay any an-danitra, ary manala baraka an' Andriamanitra, noho ny tsy fahatokiana sy fimonomononana aminy. Tadiavin' i Satana mandrakariva ny hahatonga ny fiainan' ny mpivavaka ho zava-mampanjoretra. Iriny ny hampiseho azy ho mahakamo sady manahirana ary raha ny Kristiana no mampiseho izany toelry ny fivavahana izany amin' ny toe-piaiany, dia manampy ny laingen' i Satana koa izy noho ny tsy finoany.

Maro ny olona izay mandeha amin' ity fiainana ity no mitoetra amin' ny fahadisoany sy ny tsy fahombiazany ary ny fahadisoampanantenany, ka feno fahoriana sy fahakiviana ny fony. Raha mbola lany Eropa aho, dia nisy vehivavy nanao toy izany, sady tra-pahoriana lalina koa, nanoratra tamiko nangataka teny fampirisihina. Nony alin' iny namakiako ny taratasy iny, dianofiko, fa tao amin' ny zaridaina anankiray, hono, aho, ary nisy olona izay toa tompon' ilay zaridaina namaky ny lèlana teo. Raha mbola nioty ny voninkazo sy finaritra tamin' ny fofony manitra aho, dia niteny tamiko ity vehivavy ity izay nifanindrandalana tamiko, ka nampiseho ahy angivy ratsy tarehy izay nisakan-dàlana azy. Ka dia ory sady sahirana teo izy. Tsy nandeha tamin' ny lèlana-masaka nanaraka ny mpitarika izy, fa nandeha tao anatin' ny angivy sy ny tsilo. «Indrisy !» hoy izy, «moa tsy mampalahelo va fa simban' ny tsilo ity zaridaina tsara tarehy ity?» Fa boy ilay mpitarika hoe : «Aza mikasika ny tsilo, sao maratra hianao. Ny raozy sy ny lisy ary ny pinka no alao.»

Moa tsy efa nisy zava-mahafaly va tamin' izay efa nihatra tami-nao ? Moa va hianao tsy efa nanana fotoana mahafinaritra, fony ny fonao nitupo tamim-pifaliana namaky ny Fanahin' Andriamanitra ? Raha nitodika njery ny toe-piaianao tamin' ny lasa hianao, moa tsy nahita zava-mahafaly amin' ireny va hianao? Moa va ny teny fikasan' Andriamanitra tsy toy ny voninkazo manitra mamerovero maniry eo an-daniny roa amin' ny lalanao ? Moa va tsy havelanao hameno ny fonao ny hatsaranlarehiny sy ny fofony manitra ?

Mandratra sy mampanaintaina ihany no ataon' ny angivy sy ny tsilo; ary raha ireny zavatra ireny ihany no angoninao, ka atolotrao ny hafa, moa va tsy misakaua ireo olona manodidina anao tsy handeha amin' ny lèlan' ny fiainana hianao, sady manazimba ny hatsaran' Andriamanitra koa?

Tsy hendry ny manangona ny fahatsiarovana maharikoriko ny amin' ny toe-piaianana tamin' ny lasa — ny heloka sy ny fahadisoam-panantenana tamin' izany, ka hiresaka sy hiory ny amin' izany, ambara-pahatongantsika ho latsaka amin' ny famoizam-po. Feno aizina ny fanahy kivy, fa manampina ny fahazavan' Andriamanitra tsy hiditra ao am-pony, sady manaloka amin' ny lèlan' ny hafa koa.

Isaorana anie Andriamanitra, noho ny sary mazava izay nasehony tamintsika. Aoka hangonintsika hatao an-tokony ny fanomezan-tokim-pitiavany, mba hahazoantsika mijery azy ireo lalandava. Nandao ny seza fiandrianan' ny Rainy ny Zanak' Andriamanitra, ka nitafy nofo mba hahazoany mamonjy ny olombelona amin' ny herin' i Satana. Ny fandreseny, noho ny amintsika, no mamoha ny lanitra ho an' ny olombelona, ka hahitany ny toerana izay amborahan' Andriamanitra ny voninahiny, ka ny zanak' olombelona lavo asandratra avy amin' ny lavaky ny fahaverezana, izay nandetehan' ny ota azy, ary ampihavanina indray amin' Ilay Andriamanitra lehibe dia lehibe, ary rehefa niaritra ny fitsapana amin' ny finoana ny Mpanavotra antsika, dia nampitafina ny fahamarinan' i Kristy, ka nasandratra eo amin' ny seza fiandrianany — izany no sary tian' Andriamanitra hobanjintsika.

Raha toa misalasala ny amin' ny fitiavan' Andriamanitra isika, ka tsy matoky ny teny fikasany, dia manala baraka Azy isika, sady mampalahelo ny Fanahiny Masina. Hanao ahoana re no ho toe-tsain' ny reny, raha mimonomonona aminy lalandava ny zanany, toy ilay tsy mba nihevitra ny hahatsara azy iny akory, nef afa tany

[107]

mondron-kery nanao izay hahasoa sy hahafinaritra azy. Raha ohatra ka hoe misalasala ny amin' ny fitiavany azy izy, dia hahavaky ny fony izany. Hanao ahoana no ho fahazakan' ny ray aman-dreny hataon' ny zanany toy izany ? Ary hataon' ny Raïntsika Izay any an-danitra ahoana no fihevitra antsika, raha isika tsy matoky ny fitiavany, izay nanesika Azy hanome ny Zanani-lahy tokana, mba hananantsika fiainana. Hoy ny Apostoly : «Izay tsy niaro ny Zanani-lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra <sup>1</sup> ?» Nefa maro no manao hoe, amin' ny ataony, raha tsy amin' ny teniny aza «Tsy mihevitra izany ho ahy Andriamanitra. Angamba tia ny sasany Izy, fa tsy tia ahy.»

[108] Manimba ny fanahinao izany, satria ny tenim-pisalasalana rehetra aloaky ny vavanao, dia fihantsiana ny fakam-panahin' i Satana mampahery ny firaikanao ho amin' ny fisalasalana izany, ary mampahory ny anjely manompo ao aminao. Raha maka fanahy anao Satana, aza mamoaka tenim-pisalasalana na fahakiviana, na dia indraim-bava aza. Raha mety mihaino ny tsipihevitra omeny hianao, dia ho feno tsy fahatokiana sy fisalasalana ny sainao. Raha miresaka ny amin' izay hevitrao hianao, ny fisalasalana rehetra lazainao, dia tsy fanoherana anao ihany, fa voa hitsimoka sy hamoa ao amin' ny fiainan' ny hafa, ary angamba tsy ho azo atao ny hisakana ny herin' ny teninao. Mety ho afaka amin' ny fakam-panahy sy ny fandrik' i Satana angamba ny tenanao, fa ny hafa kosa, izay efa voataonan' ny herinao, dia angamba tsy ho afa-mandositra ny tsy finoana izay efa natranganao. Mety dia mety ny tsy hitenenantsika, afa-tsy izay zavatra mahatonga hery sy aina ara-panahy ihany.

Ny anjely dia mihaino mba handre, na rapaoro manao ahoana na manao ahoana no holazainao amin' izao tontolo izao ny amin' ny Tomponao any an-danitra. Aoka ho any amin' Ilay velona hanao fifonana ho anao eo anatrehan' ny Ray no ho fotodresakao. Raha mifandray tànana amin-tsakaiza hianao, aoka ny fiderana an' Andriamanitra no ho eo am-bava sy ao am-ponao. Hahatarika ny sainy ho amin' i Jesosy izany.

Samy iharan' ny fitsapana avokoa ny olona rehetra ao ny fahoriana sarotra entina sy fakam-panahy sarotra toherina. Aza milaza ny

<sup>1</sup> Rom.8:32

manjo anao amin' ny olombelona mety maty tahaka anao, fa ento any amin' Andriamanitra amin' ny fivavahana ny zavatra rehetra. Ataovy lalàna mihitsy ny tsy hanana tenimpisalasalana na tenimpahakiviana, na oviana na oviana, na dia indraim-bava monja aza. Raha manao tenim-panantenana sy fampifalifaliana masina hianao, dia hahefa be amin' ny fampamirapiratana ny fiainan' ny hafa sy ny fanatanjahana ny herimpony.

Misy olona maro mahery fo ampahorin' ny fakam-panahy ka efa mila ho lavo, noho ny fitolomana amin' ny tena sy ny herin' ny ratsy. Aza manakivy ny toy izany amin' ny adiny. Omeo toky amin' ny teny sahy sady feno fanantenana izy, mba hampirisika azy amin' ny alehany. Ary amin' izany dia hamirapiratra avy ao aminao ny fahazavan' i Kristy. «Tsy misy velon-ko an' ny tenany isika <sup>1</sup> .» Amin' ny herintsika tsy ampoizina, dia mety hampahazo toky sy hampahatanjaka ny olona, na hampahakivy sy hampiala azy amin' ny fahamarinana.

[109]

Maro ny olona no diso hevitra ny amin' ny toe-piaina sy ny toe-panahin' i Kristy. Heveriny fa tsy nanana hafanam-po sy tsy taitra tamin-javatra Izy, fa henjana, sarotiny sady nanjoni-dava. Voan' izany toetra mampalahelo izany ny toetry ny mpivavaka maro.

Yoalaza matetika fa nitomany Jesosy, nefo tsy misy mahalala Azy ho nihomehy, na oviana na oviana. Lehilahy ory sady zatra ny fahoriania tokoa ny. Mpamonjintsika, satria novohany tamin' izay rehetra nanjo olombelona ny fony. Nefo na dia fandavan-tena aza ny fiaiany, ka voasarona alahelo sy fanahiana, tsy mba resy ny fanahiny. Tsy nisy mariky ny diam-pahoriania na fimonjomonjoana ny endriny, fa feno fiononam-po sy fiadanana lalandava. Loharanom-piaianana ny fony ka na taiza na taiza nalehany. dia nilondra fitsaharana sy fiadanana ary fifaliana sy firavoravoana Izy.

Maotina dia maotina sady nafana fo fatratra ny Mpamonjintsika, nefo tsy nimonjomonjo na sosotsosotra. Koa ny toe-piainan' izay maka tahaka Azy, dia tsy maintsy ho feno fikasana tsara, sady hanankevitra kanto amin' ny adidy maha-olombelona azy. Ary dia hitsahatra ny fanazimbazimbana, ho fongotra ny korana tsy mahomby sy ny voso-dratsy, fa ny fivavahana amin'i Jesosy no hanome fiadanana misononoka tahaka ny ony. Tsy hamono ny fahazavam-pifaliana, na

<sup>1</sup> Rom 14:7

hisakana ny firavoana, na hampanjombona ny tarehy mibaiiaka sady mitsiky ny fivavahana. Tsy tonga mba hotompoina Kristy, fa mba hanompo, ka raha manjaka ao am-pontsika ny fitiavany dia hanaraka ny diany isika.

Raha tehirizintsika fatratra ao an-tsaintsika ny zavatra mampala-helo, na tsy rariny nataon' olona tamintsika, dia ho hitantsika fa tsy ho azo atao ny ho tia azy tahaka ny nitiavan' i Kristy antsika fa raha ny hevitsika kosa no miorina amin' ny fitiavana sy ny indrafo mahagaga nataon' i Kristy tamintsika, dia ho haintsika koa ny hanao toy izany amin' ny hafa. Tokony hifankatia sy hifanaja isika, na dia misy tsiny sy tsy fahatanterahana hitantsika aza. Tokony hotanterahina tsara ny fanetrentena sy ny tsy fahatokian-tena, ary ny halemem-panahy maharitra amin' ny tsinin' ny hafa. Hamono ny fitiavan-tena mampahihitra izany, sady hahatonga antsika halala-po sy hiantra.

Hoy ny mpanao Salamo hoe:  
 «Matokia an' i Jehovah hianao. ka manaova soa,  
 Dia honina amin' ny tany hianao, ka ho faly amin' ny fa-[110] hamarinana<sup>1</sup> .»

«Matokia an' i Jehovah.» Ny andro rehetra dia samy misy fahoriana, fanahiana ary fahasahiranana ao aminy avy, hany ka raha sendra tafahaona isika, dia vonona miaraka amin' izay hiresaka ny fahasahiranana sy ny zava manjo antsika. Ka dia tonga tafiditra ny fahoriana sy ny tahotra be, ary dia tonga velon' erilreritra sy ahiahny ny olona izay mandre antsika, ka manjary mihevitra, fa isika dia olona tsy manana Mpamonjy be indrafo sy feno litiavana izay vonon-kihaino ny fangatahana rehetra ataontsika, ary manampy antsika lalandava amin' ny andrompahoriana rehetra.

Matahotra sady mihorohoro lalandava ny olona sasany. Isan' andro vaky izao izy dia hoddinin' ny zava-mampiseho ny fitiavan' Andriamanitra isan' andro vaky izuo izy dia mifaly amin' ny hatsaran' ny fitondrany nefo hamaivaniny izany fitaliiana hita maso izany. Ny sainy dia miorina lalandava amin' ny zavatra tsy mahafinaritra izay atahorany ho tonga, na fahasahiranana :zay mety hisy tokoa izay, na dia kely ihany aza, dia maha;amba ny masonry amin' ny zavatra maro izay tokony hahabe fisurana. Ny fahasahiranana izay miha-

<sup>1</sup> Sal. 37:3

tra aminy, dia tsy mba mampanatona azy an' Andriamanitra, Ilay hany loharanon' ny fanampiana azy, fa vao mainka mampisaraka azy aminy kosa, satria vao mainka mahatonga tsy fahatokiana sy fimonomononana aminy ireny.

Mety amintsika va ny tsy hino toy izany ? Nahoana isika no tsy hankasitraka sy tsy hatoky ? Sakaizantsika Jesosy, ary ny ao andanitra rehetra samy maniry nyahasambatra antsika. Tsy tokony havela hatnpahory ny saina sy hampanjombona ny endritsikany fahasahiranana sy zava-tsarotra amin' izao fíainana izao. Raha manao izany isika, dia hisy zavatraahasosotra sy hampijaly antsika lalandava. Tsy tokony hitahiry ahiahy isika, fa hampahasosotrasy hampiferinaina antsika lotsiny izany, fa tsy hanampy antsika hitondra fahoriana.

Angamba very hevitra amin' ny raharaha hianao ny fanantenanao miha-maizina miha-maizina, ary matahotra ny fatiantoka hianao. Na izany aza, aza kivy apetraho amin' Andriamanitra ny fanahianao, ary mipetraha mionona sady falifaly. Mangataha fahendrena mba hanaovanao ny raharahanao araka ny mety, dia tsy hisy fatiantoka sy faharavana. Ataovy izay azon' ny tenanao atao mba hahatonga voka-tsoa. Jesosy efa nanaiky hanampy raha mety miezaka isika. Raha nahavita izay azonao natao hianao tamin' ny fitokianao Ilay Mpanampy antsika, dia raiso amim-pifaliana ny vokatra.

Tsy sitrak' Andriamanitra raha ny olony no ilambesaran' ahiahy. Tsy mamitaka antsika ny Tompo. Tsy teny foana ny teniny amintsika hoe : «Aza matahotra tsy misy loza amin' ny alehanao.» Fantany fa misy fizahan-toetra sy loza, ary lazainy mazava aminlsika izany. Tsy mihevitra ny hanaisotra ny olony amin' izao tontolo izao feno ota sy faharatsiana Izy, nefo kosa manoro azy fiarovana azo itokiana amin' ny andro rehetra. Ny fivavahana nataony ho an' ny mpianany dia hoe : «Izaho tsy mangataka aminao mba hampiala azy amin' izao tontolo izao, fa ny mba hiaro azy amin' ny ratsy.» «Aty amin' izao tontolo izao,» hoy Izy, «no ahitanareo fahoriana nefo matokia Izaho efa naharesy izao tontolo izao<sup>1</sup>.»

Raha nitoriteny tamin' ny mpianany teo an-tendrombohitra Kristy, dia nampianatra ny mpianany lesona mahafinaritra ny amin' ny tsy maintsy itokiana an' Andriamanitra. Ireny lesona ireny

[111]

<sup>1</sup>Jao.17:15;16:33

dia notendrena hanome toky ny zanak' Andriamanitra hatramin ny taranaka farany indrindra, ary tonga amin' ny androntsika izao izany fampianarana feno toro-hevitra sy fampiononana izany. Ny voro-manidina izay manao hiram-piderana, sady tsy manana ahiahy akory no nasain' ny Mpamonjy notsinjovin' ny mpanaraka Azy, fa «tsy mamafy na mijinja ireny.» Ary ny Ray Izay any an-danitra manomana izay ilainy. Hoy ny Mpamonjy: «Tsy mihoatra. lavitra noho ireny va hianareo<sup>2</sup> ?» Manokatra ny tànany Ilay Mpiantoka ny olona sy ny biby. ka manome izay ilain' ny asan' ny tànany rehetra. Ny voro-manidina dia tsy any ivelan' ny fitandremany. Tsy mandatsaka ny hanina ao am-bavany Izy, nefà manomana sakafô araka izay ilainy. Tsy maintsy mitsindroka ny voan-javatra izay nafafiny ho azy izy. Tsy maintsy mamboatra ny zavatra hanaovany ny akaniny izy. Tsy maintsy mamahana ny zanany izy. Mivoaka mifsiatsiaka ho any amin' ny raharahany izy, satria «ny Rainareo Izay any an-danitra mamahana azy.» Ary «moa tsy mihoatra lavitra noho ireny va hianareo ?» Moa va hianareo manam-pahalalana sy mpivavaka ara-panahy tsy be vidy lavitra noho ny voro-manidina? Ilay nahary antsika, Ilay Mpiaro antsika, Ilay nanao anlsika tahaka ny endrinny va tsy hanome antsika izay tokony hilaintsika, raha matoky Azy isika ? Kristy nanondro tamin' ny mpianany ny voninkazo eny an-tsaha, izay mirobona sady madera amin' ny hatsaran-tarehy nomen' Andriamanitra azy ho fanambarana ny fitiavany ny olombelona. Hoy Izy : «Diniho tsara ny voninkazo any an-tsaha<sup>3</sup> » Ny hatsaran-tarehy sy ny fahatsoran ireny voninkazo vita-nanahary ireny, dia mihoatra lavitra noho ny voninahitr' i Solomona. Na dia ny haingo mamirapirotra indrindra, izay vitan' ny fahaizan' olombelona aza, dia tsy azo ampita- haina velively amin' ny hatsaran-tarehin' ny voninkazo izay asan-tànán' Andriamanitra. Ary hoy koa ny fanontanian' i Jesosy hoe : «Raha ny ahitra any an-tsaha, izay any ihany anio, ka hatsipy ao am-patana rahampitso, no ampitatin' Andriamanitra toy izany, tsy mainka va hianareo ry kely finoana<sup>1</sup> ?» Raha Andriamanitra, Ilay Mpanao taozavatra tsy misy toa Azy, no manome soratra samy hafa mahafinaritra ho an' izay voninkazo Lely maty indray andro, moa tsy ho lehibe lavitra va ny hitandremany ireo izaynoforoniny

<sup>2</sup>Mat.6:23

<sup>3</sup>Mat.6:28

<sup>1</sup>Mat.6:39

tamin' ny endriny ? Ity lesona nampianarin' i Kristy ity dia anatra ho an' izay be ahiahy, sy ho an' izay sahirana sy misalasala noho ny tsy finoana.

Tian' i Jehovah ho sambatra sy miadana ary manoa ny zanany lahy sy zanany vavy rehetra. Hoy Jesosy hoe : «Fiadanana no ave-lako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo tsy tahaka ny fanome izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo. Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba ho ao aminareo ny fifaliako, ka ho tanteraka ny fifalianareo <sup>2</sup> .”

Ny fahafinaretana tadiavina noho ny fitiavan-tena sy aoivelan' ny lalàn' ny adidy, dia fahafinaretana mitongilana sy mitsitapitapy ary mihelina eny, fahafinaretana handalo ka hahatonga ny fanahy ho feno fanginginana sy alahelo ny toy izany, fa raha amin' ny fanom-poana an' Andriamanitra kosa, dia misy fifaliana sy fahafaham-po. Tsy avela handeha amin' ny lalana tsy azo antoka ny Kristiana tsy avela hanenina na ho diso fanantenana izy. Raha tsy manana ny fahafinaretana amin' ity fiainana ity aza isika, dia mbola mety ho faly ihany, raha mijery ny fiainana any an-koatra.

Nefa na eto aza, dia mety hanana fifaliana amin' ny firaisansa amin' i Kristy ny Kristiana. Mety hanana ny fahazavan' ny fitiavany izy, dia ilay fiononam-po lalandava ho amin' ny fanatrehany azy. Ny fihetsehana rehetra amin' izao fiainana izao, dia tokony hampanakaiky antsika kokoa an' i Kristy, tokony hahazoantsika fahalalana lalina kokoa ny amin' ny fitiavany, ary tokony hampanatona antsika kokoa an' Ilay fonenam-piadanana. Koa dia aoka tsy hanary ny fahatokantsika isika, fa aoka hanana toky miorina mafy, eny, mafy noho ny taloha aza. «Efa novonjen' i Jehovah isika hatramin' izao <sup>3</sup> ,» ary hamonjy antsika hatramin' ny farany Izy. Aoka isika hijery ny tsangambato fampahatsiarovana ny amin' izay efa nataon' i Jehovah hampifaly antsika sy hamonjy antsika tamin' ny tangan' ny mpandringana. Aoka hotsarovantsika ny famindram-po rehetra izay efa nasehon' Andriamanitra tamintsika — ny ranomaso izay efa nofaohiny, ny fahoriana izay efa nampiononiny, ny fanahiana izay efa nesoriny, ny tahotra izay efa nalàny, ny nilaina izay efa nomeny, ny fitahiana izay efa azo — dia hampahatanjaka antsika amin' izay

[113]

<sup>2</sup>jao.14:27;15:11

<sup>3</sup>1 Sam.7:12

rehetra hihatra amintsika mandritra ny andron' ny fivahiniantsika sisa izany.

Tsy azontsika atao ny tsy hijery ny fahasahiranana vaovao amin' ny fahoriana hiseho, nefo tokony hijery ny lnsa mbamin' ny ho avy koa isika ka hanao hoe «Efa novonjen' i Jehovah isika hatramin' izao.” ” Ary hifamatra amin' ny andronao ny fiadananao<sup>1</sup> .” Ny-fizahan-toetra dia tsy hohoatr ny hery izay homena antsika hanoherana azy. Koa dia aoka isika handray ny raharahuntsika amin' izay ahiantsika azy, ary hino fa na inona na inona mihatra, dia hisy hery homena antsika arakaraky ny fizahan-toetra.

Ary vetivety dia hovohana ny vavahadin' ny lanitra hidiran' ny zanak' Andriamanitra, ary ho ren ny sofina tah ika ny mozika mahafinaritra indrindra avy amin' ny vavan ny Mpanjakan ny voninahitra ny tso-drano hoe : «Avia hianareo izay notahin' ny Raiko. mandovà ny fanjakana izay voavoatra ho anareo hattrizay nanorenana izao tontolo izao<sup>2</sup> .»

Amin' izay dia hampandrosoina ho ao amin' ny fonenana izay namboarin' i Jesosy ho azy ny voavotra. Ary ny ho namany any dia tsy ny ratsy fanahy teto an-tanv toy ny mpandainga, ny mpanompo sampy, ny vetaveta, ny tsy mino, fa ireo izay efa nandresy an' i Santana ary nahazo toe-panahy tanteraka noho ny fahasoavan' Andriamanitra. Ny firaihana rehetra ho amin ny ota, ny tsy fahatanerahana rehetra izay nampahory azy tety dia efa afaky ny ran' i Kristy ary ny fahatsarana sy ny famirapiratan' ny voninahiny izay mihoatra lavitra noho ny famirapiratan' ny masoandro dia omena azy. Ary ny hatsaram-panahinv sy ny fahatanerahan' ny toeny dia hamirapiratra ao amin' izy ireny, mihoatra lavitra noho ny famirapiratan' izao tontolo izao. Tsy manan-kilema eo anatrehan' ny sezam-piandrianana fotsy lehibe izy ary miombom-boninahitra sy tombon-tsoa amin' ny anjely.

Raha ny amin' ny lova be voninahitra izay mety ho azy no neverina dia «inona no homen' ny olona ho takalon' ny ainy<sup>3</sup> ». Angamba olo-mahantra izy, nefo manana ny harena sy ny voninahitra izay tsy azon' izao tontolo izao omena, na ovianana oviana. Ny fanahy voavotra sady voadio tamin'ny ota mbamin' ny heriny

<sup>1</sup>Deo. 33:25 ;

<sup>2</sup>Mat. 25:34;

<sup>3</sup>Mat. 16:26.

rehetra voatolotra ho amin' ny fanompoana an' Andriamanitra dia ambony vidy indrindra ary misy fifaliana any andanitra eo anatrehan' Andriamanitra sy ny anjely masina ny amin' ny fanahy iray voavotra, dia fifaliana izay aseho amin' ny hiran' ny fihobiana masina.

[114]